



**REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**  
Fitiafana - Tanindrazana - Fandrosoana

# **VOLAVOLAN-DALANA FANDRAVONANA NY TETIBOLA HO AN'NY TAONA 2016**



## FANOROAM-PEJY

LISITRY NY FANAFOHEZAN-TENY	II
LISITRY NY FAFANA	IV
LISITRY NY KISARY	VII
LISITRY NY TOVANA	VIII
FAMELABELARANA NY ANTONANTONY	9
I. ENDRIKA ARA-TOEKARENA SY ARA-BOLA	10
A. FITODIKY NY TOEKARENA MANERAN-TANY	11
B. HERY MAMELONA NY TOEKAREM-PIRENENA	12
C. FANADIHADIANA NY ENDRIKA ARA-TOEKARENA	13
1. Ny seha-pamokarana misy	13
2. Fisondrotry ny vidim-piainana, sandam-bola ary ny toetry ny vola	17
3. Ny sehatry ny fitantanam-bolam-panjakana	19
4. Ny sehatra ivelany	23
II. FANADIHADIANA NY FAHOMBIAZAN'NY FITONDRAM-PANJAKANA	24
A. FANADIHADIANA NY FAHOMBIAZANA TETO AMIN'NY FIRENENA	24
1. Fanatanterahana mivaingana sy ara-bola tamin'ireo Andrim-panjakana sy Ministera tamin'ny 2016 (Tetibola Ankapobe)	24
2. Fivoarana isan-taona ho an'ny fahombiazan'ny firenena (LFI sy LFR)	25
3. Fivoaran'ny fahombiazana teto amin'ny firenena nandritra ny telo taona (2014-2016)	25
B. FANADIHADIANA NY FAHOMBIAZANA ISAN-TSEHATRA	26
1. Sehatra fitantanan-draharaha	26
2. Sehatra sosialy	44
3. Sehatra famokarana	55
4. Sehatra fotodrafitrasa	62
III. FANADIHADIANA NY ENDRIKY NY TETIBOLA	70
A. VINAVINA, FANATANTERAHANA ARY VOKATRA ANKAPOBEN'NY TETIBOLAM-PANJAKANA	70
B. FANADIHADIANA NY FIVOARAN'NY SORA-BOLA	72
1. Fiovan'ny sora-bola	72
2. Didim-panjakana fanokafana sora-bola: fanokafana sora-bola fanampiny	76
C. FANADIHADIANA IREO FIZARAN-TETIBOLA	77
1. TETIBOLA ANKAPOBEN'NY FANJAKANA (TAF)	77
2. TETIBOLA ANANKINA	94
3. KAONTY MANOKAN'NY TAHIRIMBOLAM-PANJAKANA	100
4. TAMBERIN'NY VIDIN'ENTANA (FCV)	100
5. FAMPIASANA HO RENIVOLA NY TROSAM-PANJAKANA (OCDP)	102
D. FAMINTINANA ANKAPOBENY TAMIN'NY FAMPIASANA NY TETIBOLA 2016	104
E. FIVOARAN'IREO HANISISAN'NY LALANA FANDRAVONANA NY TETIBOLA TAMIN'IREO TAONA 5 FARANY	104
VOLAVOLAN-DALANA FANDRAVONANA NY TETIBOLA 2016	105

**A:**Atteint

**ACCPDC:** Agence Comptable Centrale des Postes Diplomatiques et Consulaires

**AGOA:** African Growth and Opportunity Act

**Aut. :** Autres

**AVC :** Accident Vasculaire Cérébral

**BA :** Budgets Annexes

**BAD :** Banque Africaine du Développement

**BADEA :** Banque Arabe pour le Développement Economique en Afrique

**BCM :** Banque Centrale de Madagascar

**BCSE :** Bordereaux de Crédits Sans Emploi

**BGE :** Budget Général de l'Etat

**BIANCO :** Bureau Indépendant Anti-Corruption

**BTA :** Bon du Trésor par Adjudication

**BTP :** Bâtiment et Travaux Publics

**BTS :** Bons de Tirages Spéciaux

**CEE :** Communauté Economique Européenne

**CGAF :** Compte Général de l'Administration des Finances

**CHD :** Centre Hospitalier de District

**CRCM :** Caisse de Retraite Civile et Militaire

**CPT :** Comptes Particuliers du Trésor

**CSA :** Centre de Service Agricole

**CSB :** Centre de Santé de Base

**CTD :** Collectivités Territoriales Décentralisées

**DTI :** Droits et Taxes à l'Importation

**DTS :** Droits de Tirages Spéciaux

**FAD :** Fonds Africain de Développement

**FCV :** Fonds de Contre-Valeur

**FIDA :** Fonds International de Développement Agricole

**FJPA :** Frais de Justice Criminelle et Assimilés

**FMI :** Fonds Monétaire International

**FPP :** Fiche de Performance Pluriannuelle

**FSP :** Fonds de Solidarité Prioritaire

**GRC :** Gestion des Risques et des Catastrophes

**IDA :** International Development Association

**IEC :** Information-Education et Communication

**IN :** Imprimerie Nationale

**INSTAT :** Institut National de la Statistique

**IPC:** Indice de Prix à la Consommation

**JIRAMA:** Jiro sy Rano Malagasy

**LFI :** Loi de Finances Initiale

**LFR :** Loi de Finances Rectificative

**LOLF :** Loi Organique sur les Lois de Finances

**MID :** Marché Interbancaire de Devises

**NA :** Non Atteint

**ND :** Non Disponible

**NTIC :** Nouvelle Technologie de l'Information et de la Communication

**OCDP** : Opérations en Capital de la Dette Publique  
**OGT** : Opérations Globales du Trésor  
**ONG** : Organisation Non Gouvernementale  
**OPEP** : Organisation des Pays Exportateurs de Pétrole  
**PGA** : Paierie Générale d'Antananarivo  
**PGE** : Politique Générale de l'Etat  
**PIB** : Produit Intérieur Brut  
**PIP** : Programme d'Investissement Public  
**PLOFs** : Plans Locaux d'Occupation Foncière  
**PME/PMI**: Petites et Moyennes Entreprises/ Petites et Moyennes Industries  
**PND** : Plan National de Développement  
**PNUD** : Programme des Nations-Unies pour le Développement  
**PPN** : Produits de Première Nécessité  
**PPP** : Partenariat Public Privé  
**RAP** : Rapport Annuel de Performance  
**RdP** : Responsable de Programmes  
**REF** : Rapport Economique et Financier  
**RPI** : Ressources Propres Internes  
**RRI** : Rapid Result Initiative  
**SGAB** : Service de la Gestion des Aides Bilatérales  
**SLR** : Service de la Loi de Règlement  
**SST** : Sécurité Sociale des Travailleurs  
**TG** : Trésorerie Générale  
**TIC** : Technologie de l'Information et de la Communication  
**TMA** : Trésorerie Ministérielle de l'Agriculture  
**TMEN** : Trésorerie Ministérielle de l'Education Nationale  
**TMS** : Trésorerie Ministérielle de la Santé  
**TP** : Trésorerie Principale  
**TPI** : Tribunal de Première Instance  
**TVA** : Taxe sur la Valeur Ajoutée  
**VIH/SIDA** : Virus de l'Immunodéficience Humaine/Syndrome d'Immunodéficience Acquise  
**ZFI** : Zone Franche Industrielle

## LISITRY NY FAFANA

Fafana 1 : Taham-pitomboana isaky ny rantsan'asa (fiova isan-taona amin'ny %)	17
Fafana 2 Fafana famintinana ny fisondrotry ny Vidim-piainana, Sandam-pifanakalozana, ary ny Famoriam-bola	19
Fafana 3: Fanatanterahana ny fampidiran-ketra ny 2015 sy 2016	20
Fafana 4: Fanatanterahana ireo fidiram-bola hafa ny 2015 sy 2016	20
Fafana 5 : Fanatanterahana ny fidiram-bola ny 2015 sy 2016	20
Fafana 6 : Fandanim-bola rehetra tamin'ny 2015 sy 2016	22
Fafana 7 : Famatsiana ny hanisisan'ny tetibola tamin'ny 2015 sy 2016	23
Fafana 8 : Endriky ny Toe-danjam-pifanakalozana	24
Fafana 9: Famintinana ny endriky ny fahombiazana sy ny endriky ny tetibola 2016	25
Fafana 10 : Fivoaran'ny endriky ny tetibola ankapobe sy ny endriky ny fahombiazana LFI/LFR tamin'ny 2016	25
Fafana 11 : Ireo fanatanterahana mivaingana sy ara-bola teo amin'ny sehatra fitantanan-draharaha	27
Fafana 12 : Fivoarana isan-taona tamin'ireo vinavina ho an'ny sehatra fitantanan-draharaha	27
Fafana 13 : Fandravonana ireo fanatanterahana ara-bola sy mivaingana an'ny Fiadidiana ny Repoblika	28
Fafana 14 : Fandravonana ireo fanatanterahana ara-bola sy mivaingana an'ny Antenimieran-doholona	29
Fafana 15 : Fandravonana ireo fanatanterahana ara-bola sy mivaingana an'ny Antenimieram-pirenena	30
Fafana 16 : Fandravonana ireo fanatanterahana ara-bola sy mivaingana an'ny Fitsarana Avo Momba ny Lalam-Panorenana	30
Fafana 17 : Fandravonana ireo fanatanterahana ara-bola sy mivaingana an'ny Fiadidiana ny Praiministra	31
Fafana 18 : Fandravonana ireo fanatanterahana ara-bola sy mivaingana an'ny FFM	32
Fafana 19 : Fandravonana ireo fanatanterahana ara-bola sy mivaingana an'ny CENI	32
Fafana 20 : Fandravonana ireo fanatanterahana ara-bola sy mivaingana an'ny Ministeran'ny Raharaham-bahiny	33
Fafana 21 : Fandravonana ireo fanatanterahana ara-bola sy mivaingana an'ny Ministeran'ny Fiarovam-pirenena	33
Fafana 22 : Fandravonana ireo fanatanterahana ara-bola sy mivaingana an'ny Sekreteram-panjakana eo anivon'ny Ministeran'ny Fiarovam-pirenena Miadidy ny Zandarmaria	35
Fafana 23: Fandravonana ireo fanatanterahana ara-bola sy mivaingana an'ny Ministeran'ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana	36
Fafana 24 : Fandravonana ireo fanatanterahana ara-bola sy mivaingana an'ny Ministeran'ny Filaminam-bahoaka	37
Fafana 25 : Fandravonana ireo fanatanterahana ara-bola sy mivaingana an'ny Ministeran'ny Fitsarana	37
Fafana 26 : Fandravonana ireo fanatanterahana ara-bola sy mivaingana an'ny Ministeran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola	38
Fafana 27 : Fandravonana ireo fanatanterahana ara-bola sy mivaingana an'ny Ministeran'ny Toekarena sy ny Teti-pivoarana	40
Fafana 28 : Fandravonana ireo fanatanterahana ara-bola sy mivaingana an'ny Ministeran'ny Asam-panjakana, ny Fanavaozana Ny Fitantanana, Ny Asa ary ny Lalana Sosiahy	40
Fafana 29 : Fandravonana ireo fanatanterahana ara-bola sy mivaingana an'ny Ministeran'ny Varotra sy ny Fanjifana	42
Fafana 30 : Fandravonana ireo fanatanterahana ara-bola sy mivaingana an'ny Ministeran'ny Serasera sy ny Fifandraisana amin'ireo Andrim-panjakana	43
Fafana 31 : Famintinana ireo fanatanterahana mivaingana sy ara-bola ho an'ireo Ministera tao amin'ny sehatra sosiahy	45

Fafana 32 : Famintinana ny fivoaran'ny endriky ny tetibola sy ny fahombiazan'ny sehatra sosialy.....	46
Fafana 33 : Fandravonana ireo fanatanterahana ara-bola sy mivaingana an'ny Ministeran'ny Fahasalamam-bahoaka.....	46
Fafana 34 : Fandravonana ireo fanatanterahana ara-bola sy mivaingana an'ny Ministeran'ny Tanora sy ny Fanatanjahan-tena.....	48
Fafana 35 : Fandravonana ireo fanatanterahana ara-bola sy mivaingana an'ny Ministeran'ny Mponina, ny Fiahiana Ara-tsosialy ary ny Fampiroboroboana ny Vehivavy.....	49
Fafana 36 : Fandravonana ireo fanatanterahana ara-bola sy mivaingana an'ny Ministeran'ny Fanabeazampirenena.....	50
Fafana 37 : Fandravonana ireo fanatanterahana ara-bola sy mivaingana an'ny Ministeran'ny Asa, ny Fampianarana Teknika ary ny Fiofanana Arak'asa.....	52
Fafana 38 : Fandravonana ireo fanatanterahana ara-bola sy mivaingana an'ny Ministeran'ny Fampianarana Ambony sy ny Fikarohana Siantifika.....	53
Fafana 39 : Fandravonana ireo fanatanterahana ara-bola sy mivaingana an'ny Ministeran'ny Kolontsaina, ny Fanandratana ny Taozavatra ary ny Fikajiana ny Vakoka.....	54
Fafana 40 : Famintinana ireo fanatanterahana mivaingana sy ara-bola tamin'ireo Ministera tao anatin'ny sehatra famokarana.....	55
Fafana 41: Famintinana ny fivoaran'ny endriky ny tetibola sy ny fahombiazan'ny sehatra famokarana.....	56
Fafana 42 : Fandravonana ireo fanatanterahana ara-bola sy mivaingana an'ny Ministeran'ny Indostria sy ny Fampandrosoana ny Sehatra tsy Miankina.....	57
Fafana 43 : Fandravonana ireo fanatanterahana ara-bola sy mivaingana an'ny Ministeran'ny Fizahan-Tany	57
Fafana 44 : Fandravonana ireo fanatanterahana ara-bola sy mivaingana an'ny Ministera eo anivon'ny Fiadidiana ny Repoblika misahana ny Fambolena sy ny Fiompiana.....	58
Fafana 45 : Fandravonana ireo fanatanterahana ara-bola sy mivaingana an'ny Ministeran'ny Harena Andranomasina sy ny Jono.....	59
Fafana 46 : Fandravonana ireo fanatanterahana ara-bola sy mivaingana an'ny Sekreteram-Panjakana eo anivon'ny Ministeran'ny Harena An-dranomasina sy ny Jono misahana ny Ranomasina.....	60
Fafana 47 : Fandravonana ireo fanatanterahana ara-bola sy mivaingana an'ny Ministeran'ny Tontolo Iainana, ny Hai-Voary ary ny Ala.....	60
Fafana 48 : Fandravonana ireo fanatanterahana ara-bola sy mivaingana an'ny Ministera eo anivon'ny Fiadidiana ny Repoblika misahana ny Harena An-kibon'ny Tany sy ny Solika.....	61
Fafana 49 : Fanatanterahana mivaingana sy ara-bola ho an'ireo Ministera tao amin'ny sehatra fotodrafitrasa.....	62
Fafana 50 : Fandravonana ireo fanatanterahana ara-bola sy mivaingana.....	63
Fafana 51 : Fandravonana ireo fanatanterahana ara-bola sy mivaingana an'ny Ministeran'ny Angovo sy ny Akoranafo.....	64
Fafana 52 : Fandravonana ireo fanatanterahana ara-bola sy mivaingana an'ny Ministeran'ny Rano sy ny Fanadiovana ary ny Fidiovana.....	65
Fafana 53 : Fandravonana ireo fanatanterahana ara-bola sy mivaingana an'ny Ministeran'ny Asa Vaventy	65
Fafana 54 : Fandravonana ireo fanatanterahana ara-bola sy mivaingana an'ny Ministeram-panjakana misahanan Tetik'asan'ny Filoha, ny Fanajariana ny Tany ary ny Fampitaovana.....	66
Fafana 55 : Fandravonana ireo fanatanterahana ara-bola sy mivaingana an'ny Ministeran'ny Fitaterana sy ny Famantarana ny Toetr'andro.....	67
Fafana 56 : Fandravonana ireo fanatanterahana ara-bola sy mivaingana an'ny Ministeran'ny Paositra sy ny Fifandraisan-davitra ary ny Fampandrosoana ny Haitao Ara-kajy Mirindra.....	68
Fafana 57: Vokatra ankapobeny tamin'ny fanatanterahana ny Lalàna mifehy ny tetibola 2016.....	71
Fafana 58 : Endriky ny fiovan'ny sora-bola tamin'ny 2014 hatramin'ny 2016.....	72
Fafana 59 : Endrik'ireo fidiram-bola isaky ny filazana.....	77
Fafana 60 : Endriky ny fidiram-bola isaky ny karazana.....	77

Fafana 61 : Endrik'ireo fandanium-bola isaky ny Andrim-panjakana sy Ministera ho an'ny TAF 2016.....	79
Fafana 62 : Taham-panatanterahana isaky ny sokajim-pandanium-bolan'ny TAF.....	82
Fafana 63 : Endriky ny fandanium-bolan'ny fampandehanan-draharaha isaky ny karazan-kaonty goavana ..	84
Fafana 64 : Fandanium-bola PIP ho an'ny tetibola ankapobe isaky ny karazana famatsiam-bola.....	85
Fafana 65 : Fampitahana ny sora-bola nomena ireo faritra 22 sy ny CIRFIN Nosy Be.....	86
Fafana 66 : Endriky ny fandanium-bolan'ny TAF isaky ny faritra .....	88
Fafana 67 : Anjara fandanium-bolan'ireo foibe fitantanana kaonty tamin'ny 2016 .....	90
Fafana 68 : Endriky ny fanatanterahana ireo fandaharan'asan'ny TAF 2016.....	91
Fafana 69 : Endriky ny fihorana tamin'ny sora-bola 2016.....	94
Fafana 70: Vola niditra tamin'ny Tranoprintim-pirenena .....	94
Fafana 71 : Endrik'ireo fandanium-bolan'ny Tranoprintim-pirenena.....	95
Fafana 72 : Fidiram-bolan'ny Paositra sy Fifandraisan-davitra .....	97
Fafana 73 : Fandanium-bolan'ny Paositra sy Fifandraisan-davitra .....	97
Fafana 74 : Famintinana ny endrik'ireo Tetibola Anankina.....	99
Fafana 75 : Vola miditra sy fandanium-bolan'ny CPT .....	100
Fafana 76 : Endriky ny fanatanterahana ireo FCV 2016.....	101
Fafana 77 : Fivoaran'ireo FCV nandritra ny dimy taona farany .....	101
Fafana 78 : Endrik'ireo OCDP 2016.....	103
Fafana 79 : Famintinana ankapobeny tamin'ny fanatanterahana ny tetibola 2016 .....	104
Fafana 80 : Fivoaran'ireo hanisisan'ny Lalàna fandravonana ny Tetibola tamin'ireo dimy taona farany.....	104

## LISITRY NY KISARY

Kisary 1 : Fivoaran'ny fahombiazan'ny firenena ny 2014 hatramin'ny 2016 .....	26
Kisary 2 : Fahombiazan'ny sehatra fitantanan-draharaha tamin'ny 2016 (amin'ny %) .....	27
Kisary 3 : Fahombiazan'ny sehatra sosialy tamin'ny 2016.....	45
Kisary 4 : Fahombiazan'ny sehatra famokarana tamin'ny 2016 (amin'ny %).....	55
Kisary 5 : Fahombiazan'ny sehatra fotodrafitrasa tamin'ny 2016 (amin'ny %) .....	63
Kisary 6 : Taham-pandaniahana ny sora-bola ho an'ireo Andrim-panjakana na Ministera.....	81
Kisary 7 : Fandaniahana isaky ny sokajim-pandanian'ny TAF mihoatra amin'ny sora-bola farany.....	83
Kisary 8 : Fandaniam-bolan'ireo kaonty goavana oharina amin'ny sora-bola farany .....	84
Kisary 9 : Taham-panatanterahana ny PIP ho an'ny tetibola ankapobe oharina amin'ny sora-bola farany.....	86
Kisary 10 : Fampitahana ny sora-bola 2015 sy 2016 natokana ho an'ireo renivohi-paritany 6 taloha .....	87
Kisary 11 : Anjaran'ireo foibe mpitantana kaonty tamin'ny 2016.....	88
Kisary 12 : Taham-panatanterahan'ireo foibe mpitantana kaonty tamin'ny 2016 .....	89
Kisary 13 : Endriky ny tetibolan'ny Tranoprintim-pirenena.....	96
Kisary 14 : Endriky ny tetibolan'ny Paositra sy Fifandraisan-davitra .....	98
Kisary 15 : Fivoaran'ny fanatanterahana ny fampidiram-bola, ny fandaniahana ary ny hanisisan'ireo FCV ...	101
Kisary 16 : Fitsinjarana ny vola nidtra tamin'ireo fitrosana avy any ivelany tamin'ny 2016 .....	102
Kisary 17 : Fitsinjarana ireo fandaniam-bola ho an'ny trosa ivelany tamin'ny 2016 .....	103

## LISITRY NY TOVANA

1. Endriky ny vola miditra
2. Tetibola Anankina
3. Lahasa momba ny Tamberin'ny Vidin'entana
4. Famadihana ho Renivola ny Trosam-panjakana
5. Lahasa momba ny Kaonty Manokan'ny Tahirim-bolam-panjakana
6. Toetoetry ny fandanium-bola (fampandehanan-draharaha, karama, hana-pamokarana) isaky ny Andrim-panjakana na Ministera
7. Famelabelarana ny sora-bola isaky ny Andrim-panjakana na Ministera
8. Kaonty ankapobeny momba ny fitantanam-bola (C G.A.F)
9. Tatitry ny Fahombiazana (RAP)
10. Famintinana ireo didy fanovàna ny sora-bola
11. Famintinana ireo fandanium-bola isaky ny Ministera-Iraka-Fandaharan'asa ary Famatsiam-bola
12. Toe-bolan'ireo EPN (Etablissements Publics Nationaux)

**FAMELABELARANA NY  
ANTONANTONY**



## **I. ENDRIKA ARA-TOEKARENA SY ARA-BOLA**

Nanohy ny fampiharana ny politikam-pirenena momba ny fampandrosoana araka ny fampiasan-ketra andiany faharoa ny Fanjakana ny taona 2016. Mbola tsy nahitam-bahaolana ny fiantraikan'ny krizy tamin'ireo taona maro lasa nefa hita kosa ireo endri-panitsiana vokatry ny fanavaozana ny fitantanan-draharaham-panjakana. Fanamby maro no nampiarahina tamin'ny ODD (Objectifs de Développement Durable) izay napetraka teto amin'ny firenena. Nataon'ny Fanjakana ho laharam-pahamehana hatrany ireo sehatra sosialy tamin'ny alalan'ny fanatsarana ny asa, anisan'izany ny fanabeazana, ny fahasalamana, ny ady amin'ny kolikoly, ny rano sy ny fanadiovana ary koa ny fampandrosoana ny ambanivohitra.

Nanomboka hita ny fiverenan'ny fatokisan'ireo mpiara-miombon'antoka ara-teknika sy ara-bola tamin'ny fanitàrana ny FCR (Facilité de Crédit Rapide) ho FEC (Facilité Elargie de Crédit). Nisy ihany koa ny fikaonandoha nataon'ireo mpamatsy vola sy mpampiasa vola nokarakaraina tany Paris ny volana desambra 2016, ho fanatsarana ny fifanakalozana amin'ireo mpiara-miombon'antoka ara-teknika sy ara-bola. Izany no nahafahan'ireo mpampiasa vola sy ireo fikambanana mijoro ara-dalàna nitondra ny fijeriny mba hifanaraka amin'ireo tinady sy ireo drafitra nofaritan'ny governemanta malagasy.

Ireo mari-drefy lehibe ara-toekarena dia afaka manamarina fa nahamarinan-toerana ny toekarena ireo lamina napetraka tamin'ny 2016. Ambany noho ny vinavina tamin'ny LFR 2016 avokoa ny fisondrotry ny vidim-piainana, ny fatiantoky ny tetibola, ny fatiantoky ny mizanam-barotra ary ny fitotongan'ny vola malagasy. Nahazoam-bokatra ny ezaka fampitomboana ny isan'ny mpandoa hetra sy ny fiarovana ny fampidiram-bola, araka ny asehon'ny tahan'ny fampidiram-bola izay 103,0%.

Ny fisalasalana tamin'ny fandraisana fanapahan-kevitra tamin'ireo fitondram-panjakana samihafa no nanamarika ny toe-draharaha iraisam-pirenena. Nihanahazo vahana ny fiarovana ny famokaran-karem-pirenena taorian'ny Brexit. Ambonin'izany, ny fanitsiana ny toekaren'ireo firenena mandroso izay nahitana an'i Chine dia nanery ihany koa ireo firenena mpanondrana hanatsara ny famokaran'izy ireo na teo amin'ny vokatry izany na teo amin'ny kalitao. Nefa na dia teo aza ny toe-draharaha nanahirana iraisam-pirenena, nahitana fitomboana mihoatra noho ny taona 2015 ny toekarena malagasy, izay teo amin'ny 3,1% ka lasa 4,2% raha 4,1% ny vinavina tao anatin'ny Lalàna Fanitsiana ny Tetibola (LFR) 2016.

## A. FITODIKY NY TOEKARENA MANERAN-TANY

Marin-toerana hatrany ny atrik'asa ara-toekarena eran-tany ny 2015 sy 2016 tamin'ny taham-pitomboana raikitra 3,1%. Na dia teo aza ny fihenana tsapa tamin'ny toekaren'ireo firenena mandroso (1,9% tamin'ny 2015 sy 1,7% tamin'ny 2016), fisondrotana kely no hita tany amin'ireo firenena hanan-karena atsy ho atsy sy ny an-dàlam-pandrosoana (4,0% tamin'ny 2015 ary 4,1% tamin'ny 2016). Nisy fiantraikany tamin'ny fampandrosoana ny fahasamihafan'ny politikam-bolan'ireo firenena mandroso, ny fisalasalana vokatry ny « Brexit » (fifidianana tamin'ny jona 2016 momba ny fialàn'i Royaume-Uni tao anatin'ny Vondrona Eoropeana), ny tsindry ara-politika nisy tany amin'ireo firenena sasan-tsasany hanan-karena atsy ho atsy, ny fanohizana ny fampifandanjana ny toekarena tany Chine ary farany ny fihenana'ny vidin'ny angovo sy ireo vokatra fototra hafa.

Niteraka fikorontanana tamin'ny toekaren'ireo firenena matanjaka tavela tao anatin'ny vondrona eoropeanina ny Brexit. Ny tolotra anatin'ny taorian'ny politika fanatsorana ny firafitry ny Euro no nanohana ny hetsikyny faritra Euro. Nihanatanjaka kosa ny toekarena amerikanina indrindra teo amin'ny telovolana fahatelon'ny taona 2016. Ny toekaren'i Japon dia nahitana fiakarana antonony tamin'ny alalan'ny fanatsarana miandàlana ny asa. Tsapa anefa fa nitohy nandritra ny taona 2016 ny fihenana'ny toekarena tamin'ny 2015 tany Afrika ambanin'i Sahara. Izany dia vokatry ny fiarahan'ny fihenana'ny vidin'ireo vokatra fototra sy ny fepetran'ny politika ara-toekarena tena nanahirana. Tafidina tamin'ny taha ambany indrindra tao anatin'ny enin-taona farany ny fitombon'ny toekaren'ity faritra ity.

Notohanana ireo hetsika ara-toekarena tany Etazonia. Nihanitombo hatrany ny fanjifana, nentina tamin'ny alalan'ny tsenan'asa mivaingana. Nisy fiantraikany tamin'ireo hetsika ireo nefa ny fahosan'ny fampiasam-bola niampy ny fihenana'ireo tahiry. Raha 2,4% ny an'ny taona teo aloha, nidina hatramin'ny 1,6% izany tamin'ny 2016.

Voarakitra ho 1,0% ny fitomboana tany Japon taorian'ny taha 0,5% tamin'ny 2015. Izany dia azo noho ny fiovan'ny rafi-pitantanana kaonty 1993 ho rafi-pitantanana kaonty 2008. Nampikatso ny asa natao nefa ny fahosan'ny fampiasam-bola niaraka tamin'ny fihenana-danja'ny Yen noho ny fanohizan'ny banky tao Japon ny fampiharany ny politika fanamoràna ny fikirakirana ny vola, na dia teo aza ny vokatra nivaingana tamin'ny enimbolana voalohany vokatry ny fahamaroan'ny tinady anatin'ny.

Tsy niova firy ny hetsika ara-toekarena tany amin'ny faritra euro. Amin'ny ankapobeny, ny fahavitrihan'ny fanjifana manokana nateraky ny fihenana'ny vidin'ny angovo sy ny fihenana'ireo tahan-janabola no tena niaro ny fatiantoka ivelany vokatry ny fahamaivanan'ny Euro nanoloana ny Dollar. Tsy nisy voka-dratsy tamin'ny toekarena Britanika na tamin'ireo firenena hafa tamin'ny faritra euro ny fifidianana ny Brexit ho an'i Royaume-Uni. Natanjaka hatrany ny fanjifana izay hery mamelona ny fampandrosoana. Tonga hatramin'ny 1,8% ny fandrosoan'i Royaume-Uni tamin'ny 2016, fiakarana ambony kely kokoa noho ny tamin'ny faritra euro (1,7%) sy tany Etazonia (1,6%).

Tamin'ireo firenena hanan-karena haingana sy ireo an-dalam-pandrosoana kosa, niovaova arakaraka ny firenena sy ny faritra ny taham-pampandrosoana. Araka izany, raha ny fampandrosoana haingana no nanohana ny fandrosoan'izao tontolo izao, izay tsapa tany amin'ireo firenena toa an'i Inde sy

Chine, tsapa ihany koa ny fihemorana lalina tamin'ny toekaren'ireo firenena hanan-karena haingana sy ireo an-dalam-pandrosoana. Ohatra amin'ireny, ny fandrosoana tamin'i Afrika ambanin'i Sahara dia teo amin'ny 3,4% tamin'ny 2015 ka lasa 1,4% ny 2016. Ny taham-pandrosoana ankapobeny tamin'ireo firenena hanan-karena haingana sy an-dalam-pandrosoana nefa dia niakatra kely ka 4,0% tamin'ny 2015 ka lasa 4,1% ny 2016. Tsy nitovy ny akon'ny fidinan'ny vidin'ny solitany sy ireo vokatra fototra hafa tamin'ireo firenena mpanondrana sy ireo firenena mpanafatra.

Momba ny fisondrotry ny vidim-piainana, nahitana fiakarana kely ny vidin'ireo vokatra fototra tamin'ny 2016. Nandritra ny taona dia nanakaiky ny 22,0% ny fiakarana teo amin'ny mari-drefin'ny vidin'ireo vokatra fototra. Nahitana fiakarana avo kokoa ny solika, indrindra ny solitany sy ny arina fandrehitra. Tena ratsy ny fiantombohan'ny taona ho an'ny solitany mialoha ny fiakaram-bidy vokatra ny fifanarahana nataon'ireo firenena mpikambana ao amin'ny OPEP sy ireo firenena hafa mpamokatra mba hampihenana ny famokarana.

Taorian'ny fiakaram-bidy tamin'ny enim-bolana voalohany dia nihena ny vidin'ireo metaly fototra fampiasa amin'ny indostria ny enim-bolana faharoa, vokatra ny fihenana ny tinady maneran-tany, indrindra ny avy tany Chine. Tahaka izany koa dia nidina hatramin'ny 11,6% ny vidin'ny varahina nandritra izany vanim-potoana izany (5 510,5 USD tamin'ny 2015 ka lasa 4 867,9 USD ny 2016) ary koa ny vidin'ny aliminioma sy nikela dia nihena isan'isany 3,7% sy 19,1% nandritra ny taona.

Raha ny vidin'ireo vokatra fihinana kosa, nahitana fitomboana 7,0% tamin'ny fiova isan-taona. Niaka-bidy ny ankamaroan'ireto vokatra iretoankotra ny varim-bazaha sy ny katsaka.

Araka ny salan'isa, nahitana fitomboana kely 2,1% ny mari-drefy ankapoben'ny vidin-javatra. Tahaka ny varim-bazaha, ny vidim-bary dia teo anelanelan'ny 380,0 USD isaky ny taonina tamin'ny 2015 ka hatramin'ny 388,3USD tamin'ny 2016, izany hoe salam-pitomboana 2,2% nandritra io vanim-potoana io. Tahaka izany koa ny vidin'ny menaka soja (fiakaran'ny mari-drefy 7,3%).

Raha ireo akora fototra ara-pambolena indray, nihena ny mari-drefin'ny vidiny (-5,7%) noho ny fihenana ny tinady maneran-tany ary koa vokatra ny endriky ny tolotra. Momba ireo hazo fanodina, nihena hatramin'ny 4,1% ny vidiny tamin'ny 2016 taorian'ny fihemorana 4,4% tamin'ny 2015. Niakatra 5,4% kosa ny vidin'ny hasy tamin'ny 2016 taorian'ny fihenana 15,3% teo anelanelan'ny 2014 sy 2015.

## **B. HERY MAMELONA NY TOEKAREM-PIRENENA**

Nahitana fihatsarana ny toekarena malagasy tamin'ny 2016. Vokatra ny ezaka tamin'ny fanatsarana ireo hetsika ara-toekarena, ny tanjona hampiakatra 4,1% ny toekarena tamin'ny fanitsiana ny tetibola dia tafahoatra izany, izany hoe raha 4,2% raha 3,1% tamin'ny 2015. Ny tinady maneran-tany izay narefo hatrany dia tsy nitondra fanarenana ny toekarena. Izany dia vokatra ny fatran'ny koriam-bolan'ny fanondranana izay tsy nihetsika na nihena mihitsy aza nandritra ny telovolana telo voalohany tamin'ny taona 2016 raha oharina tamin'io vanim-potoana io ny 2015. Tahaka izany koa, tsy tratra ny koriam-bola nampidirin'ireo fampiasam-bola vahiny mivantana.

Na izany aza, nitera-boka-tsoa ho an'ny firenena ny fihenana ny vidin'ny solika teo amin'ny tsena iraisam-pirenena. Ny fihenana ny tinady maneran-tany dia niantraika tamin'ny ambim-bava ivelany

an'ny firenena sy ireo vidiny teto an-toerana. Nanoloana ny fihenana beteo amin'ny fanafarana angovo, nahazoan'ny firenena tombony ny fihemorana'ny fisondrotan'ny vidim-piainana niampy ny fanalefahana ireo tsindry mikasika ireo kaonty fampiasa isan'andro. Izany no nahamarin-toerana ny toekarena nandritra ny taona. Nampitombo ny fampidirana-ketra ny ezaka momba ny famoriana. Raha aravona, nampahomby nyfananganana tontolon'ny fandraharahana manintona kokoaireo singa nampiarahina tamin'ny fanatsarana samihafa nataon'ny fanjakana momba ny fitantanana ny toekarena, ary koa ny fanatsarana ny lamina momba ny lalàna mikasika ny ady amin'ny kolikoly. Izany no nahafahana nandraikitra ny fandaharan'asa FEC nitentina 220 tapitrisa DTS tao anatin'ny 40 volana. Ambonin'izany, ny fandraisana ny fivoriana an-tampon'ny "Francophonie" sy ny "COMESA" teto Madagasikara dia nisy vokatra tsara teo amin'ny sehatry ny fizahan-tany sy ny sehatry ny fitaterana.

### **C. FANADIHADIANA NY ENDRIKA ARA-TOEKARENA**

Nitohy hatrany ny ezaky ny Governemanta mba hametrahana ireo fototry ny fampandrosoana ara-toekarena iraisan'ny rehetra sy matanjaka. Ny fanarahana ny fenitra araka ny lalàm-panorenana sy araka ny fitsipika dia nahafahana nanatsara ireo fototry ny dingan'ny Fampandrosoana. Fanampin'izany, ny sehatra tsy miankina dia niaina tamin'ny tontolon'ny fandraharahana tsaratsara kokoa tamin'ny fanitarana ireo orinasany vokatry ny fanavaozana izay nampiharina'ny Governemanta sy ny fampitomboana ireo fandaharan'asa niarahana tamin'ireo mpiara-miombon'antoka isan-karazany.

#### ***1. Ny seha-pamokarana misy***

Elanelana miavaka no hita teo amin'ny fampandrosoana vita teo anivon'ny seha-pamokarana voalohany raha oharina tamin'ny tanjona voarakitra tao anatin'ny LFR 2016. Araka izany, ny vinavina tao amin'ny LFI ho an'ity sehatra ity dia 2,5% raha toa ka 2,2% ny vinavina tamin'ny LFR, nefa tsy nahatratra afa-tsy 1,6%ny fanatanterahana. Na izany aza anefa, nahitana tombon'isam-pandrosoana 2,3 ho an'ny taona 2016 raha oharina tamin'ny fidinana 0,7% tamin'ny 2015. Izany dia vokatry ny fiverenan'ireo asa tany amin'ireo rantsana samihafa mandrafitra ity sehatra ity sy ny tsy fisian'ny rivo-doza nandalo teto amin'ny firenena. Manana anjara lehibe ny rantsana fambolena ao anatin'ny seha-pamokarana voalohany noho izy efa tafiditra ho isan'ny asan'ny malagasy mihitsy. Tena miovaova nefa ny fivoarany nandritra ny taona maro noho ny fivadibadiky ny toetany (+1,4% raha -2,4% tamin'ny 2015, taorian'ny +4,5% tamin'ny 2014). Na dia teo aza ny taham-pandrosoana novinavinaina ka tsy tratran'ity rantsana ity (2,8% tao anatin'ny LFR 2016), tsara hatrany ny voka-pambolena noho ny toetany mahavokatra. Vokatr'izany dia marin-toerana ny vidin'ireo voka-pambolena, indrindra ny vidim-bary teto amin'ny tsena anatin'ny. Nisy fiantraikany tamin'ny fandrosoan'ny rantsana « fambolena » ihany koa ny fiakaran'ny vidin'ny lavanila. Nanamarika ny taona 2016, araka izany ny fiakaran'ny vidin'ny lavanila teo amin'ny tsena iraisam-pirenena. Naneho fihatsarana mahavelom-bolo ihany koa ireo rantsan'ny fiompiana sy ny jono teo amin'ny fampandrosoana (+1,9% raha +0,8% ny 2015, taorian'ny +2,8% tamin'ny 2014). Izany dia vokatry ny fanatanterahana ny Fandaharan'asan'ny Sehatra Fambolena, Fiompiana, Jono sy ny Paik'adim-pirenena momba ny Fampiasam-bola amin'ny Fambolena (PSAEP/PNIAEP), izay natomboky ny Fanjakana tamin'ny 2015. Ity fandaharan'asa ity, izay ho

tanterahina mandritra ny efa-taona (2016 – 2020), araka izany dia natao mba hanatsarana kokoa ny famokarana ara-pambolena sy ny jono an-dranomasina; ary koa hitrandrahana ireo tsenan'ny fanondranana. Tsara ny manamarika fa ny fampiharana azy io dia efa nahitam-bokatra sahady tamin'ny taona voalohany nampiasana azy. Ireo mpisehatra fototra amin'ity lafiny ity, izany hoe ireo mpamokatra sy ny sehatra tsy miankina, dia naneho fahatokisana ity tetik'asam-pampandrosoana novolavolain'ny Fanjakana ity, ka nampandroso be be kokoa ireo atrik'asan'ny fiompiana sy ny jono. Mikasika ny fikojakojana ny ala kosa, tsy nisy fiakarana tamin'ny 2016 (+1,0% raha +1,0% ihany koa ny tamin'ny 2015). Izany dia vokatry ny famokarana ireo hazo ampiasaina ho hazo fanomezana hafanana, na ho arina vita amin'ny hazo, na ho hazo fanodina. Ambonin'izany, nahitana fihenana be ny famokarana voamboana noho ireo fepetra fanaraha-maso noraisin'ireo tompon'andraikitra amin'ny ala, indrindra ireo fepetra momba ny fiarovana ny tontolo iainana sy ny fikajiana ireo faritra arovana.

Momba ny *seha-pamokarana faharoa*, mihoatrany vinavina ny taham-pitomboany (fanatanterahana 5,5% raha 4,9% no tao anatin'ny LFR 2016) na dia nifampiankina amin'ny toedraharaha iraisam-pirenena tsy mari-toerana aza ity sehatra ity. Tsara ampahatsiahivina fa tafapetraka tamin'ny 2014 ny politika momba ny indostria mba hahafahana manangana indostria mahomby. Ny fihisan'ireo atrik'asa maneran-tany anefa dia tsy nahafahana nanampy heryny fampandrosoana ho an'ity sehatra ity. Na dia teo aza anefa izany, miabo hatrany ny taham-pitomboana na dia voamarina aza ny fihenana nisy (+5,5% raha +7,3% tamin'ny 2015, taorian'ny +8,5% tamin'ny 2014). Rantsana vitsivitsy nonivoitra tamin'ny maro tamin'ny fanehoany ny fivoarana. Ny fahombiazana tsara tamin'ny famokaran'ireo orinasa afakaba ohatra, dia nitarika ny fandrosoana teo amin'ny famokaran'ny indostria tamin'ny 2016. Nahitana fandrosoana goavana ny orinasa afakaba (+24,7% raha -0,3% tamin'ny 2015 ary 9,4% tao anatin'ny LFR 2016) vokatry ny fiverenana tao amin'ny AGOA. Mifanjohy amin'izany vokatry azon'ny orinasa afakaba izany, nitombo ihany koa ny famokarana tamin'ireo indostrian'ny tenona tamin'ny 2016 na dia ratsy aza izany tamin'ny taon-dasa (+3,3% raha -1,5% tamin'ny 2015). Nampiakatra be ny fandrosoan'ny indostria tamin'ny 2016 ihany koa ny rantsana «agro-industries» aratsakafo sy zava-pisotro. Singanina tamin'izany ny fandrosoan'ny rantsana « agro-industries » momba ny sakafo satria rehefa avy nidina izy tamin'ny 2015, dia nahatratra ny taha miabo ahitana tarehimarika roa taorian'io (+11,2% raha -10,1% tamin'ny 2015 ary 6,4% tao amin'ny LFR 2016). Fiakarana mitohy kosa no hita tao amin'ny rantsana zava-pisotro (+8,9% raha +4,2% tamin'ny 2015 ary 4,3% tao amin'ny LFR 2016). Ny fahombiazan'ireto rantsana roa ireto dia maneho ny fiverenan'ny fitokisan'ireo mpanjifa malagasy, vokatry ny fahamarinan-toeran'ny vidin'ireo vokatry ara-tsakafo. Vokatry ny fihenana'ny vidin'ireo akora fototra teo amin'ny tsena iraisam-pirenena, tsy afaka namerina ireo tanjany teo aloha ireo indostria mpanodina. Tena nihena be ny taham-pandrosoan'izy ireo ary lasa miiba mihitsy na dia noheverina ho isan'ireo sehatra mpamelona ny indostria aza izy ireo mandritra ny folo taona (-1,6% raha +19,5% tamin'ny 2015 ary 5,0% tao amin'ny LFR 2016). Nanamarina ny tsy fandehanan'ireo asa tamin'ity sehatra ity ny fihenana'ny fanondranana ireo harena an-kibon'ny tany (nickel : -10,9% raha 30,9% tamin'ny 2015 ; cobalt : -5,3% raha 18,6% tamin'ny 2015).

Ny rantsana « angovo », andanin'izay dia nahitana fitomboana mavitrika raha oharina tamin'ny taon-dasa (+8,3% raha +4,1% tamin'ny 2015 ary 5,5% tamin'ny LFR 2016). Isan'ny antony nahatonga izany fitomboana izany nyfanavaozana nataon'ireo tompon'andraikitra mikasika ny orinasa JIRAMA. Na dia mbola voafetra aza ny famokaran'ny orinasa dia efa nahitam-bokany teo amin'ny fahombiazana arabola ireo fanatsarana. Ny nitondra ity fandrosoana ity dia ny fihenan'ny vidin'ireo solika ka nahamaivana ny saran'ny famokarana ho an'ny orinasa. Araka izany, afaka namokatra herinaratra betsaka kokoa noho ny tamin'ny taon-dasa ny orinasa (+7,1% raha +3,7% tamin'ny 2015). Ny fitomboan'ny vokatra tamin'ireo indostria momba ny metaly (+6,4% raha +7,5% tamin'ny 2015) izay nitovy tamin'ny famokaran'ireo indostria mpanorina (+4,6% raha +1,8% tamin'ny 2015 ary +3,4% tamin'ny LFR) dia vokatry ny fanombohana ireo asa fanorenana ireo fotodrafitrasa vaovao tafiditra amin'ny fikarakarana ny fivoriana an-tampon'ny «Francophonie» izay natao teto amin'ny firenena ny volana novambra 2016. Farany, nitombo ihany koa ny atrik'asan'ireo indostria mpamokatra fanafody, fiakarana izay 6,9% tamin'ny 2016 raha 2,9% tamin'ny 2015 ary 3,1% ny tanjona napetraka tao anatin'ny LFR 2016. Tsy nahitana afa tsy fivoarana maivana kosa tamin'ireo rantsana hafa ambiny (indostrian'ny hoditra, ny fanamboarana fitaovana ilain'ny fitaterana, ny fanamboarana fitaovana mandeha amin'ny herinaratra...), ka tsy nisy fiantraikany firy teo amin'ny fampandrosoana.

Ho an'ny *seha-pamokarana fahatelo*, ny fiakarana ankapobeny teo amin'ny tataom-bidy dia novinavinaina ho 4,8% araka ny voalazan'ny LFR, raha 3,5% izany tamin'ny 2015. Ny fampandrosoana ireo asan-tsampana dia nanohana tokoa ny toekarem-pirenena ka nahazoam-bokatra tsara tamin'ny isanjato 2,3 raha 1,7 izany tamin'ny 2015. Izany fivoarana izany dia vokatry ny fitomboan'ireo asa momba ny tao-trano sy asa vaventy (+18,6% raha +9,4% tamin'ny 2015 ary 10,0% tamin'ny LFR 2016). Nanamafy izany ihany koa ny fiverenan'ny fitokisan'ireo mpampiasa vola tamin'ny fametrahany ho asa azo antoka sy hahazoan-tombony ny asa momba ny tao-trano sy asa vaventy. Ny fanamboarana ireo fotodrafitrasa momba ny lalana no asa fototra tao anatin'ity rantsana ity. Ireo asa fanitàrana ny lalana ho enti-miatrika ny fivoriana an-tampon'ny «Francophonie» no tena anton'ny fitomboan'ity sehatra ity tamin'ny 2016. Nefa tsy azo atao tsinontsinona ihany koa ny fanamboarana ireo fotodrafitrasa fandraisam-bahiny tao amin'ny sehatry ny tao-trano sy asa vaventy.

Nanome vahana ny fivoaran'ity atrik'asa ity ny fanarenana ny fizahan-tany tamin'ny 2016, niampy ny fandraisana ny fihaonana an-tampon'ny «Francophonie» faha 16. Ny rantsana « tolotra omena ireo orinasa sy tokan-trano » dia tsy nihetsika na dia nahena aza ny tamin'ny LFR, taorian'ny fiakarana tamin'ny taon-dasa (+5,5% ny tamin'ny 2015 sy 2016 raha 5,1% ny taha voarakitra tao amin'ny LFR 2016). Izany fahombiazana izany dia vokatry ny ezaka vitan'ny sehatra tao-trano sy asa vaventy, noho ny fisian'ireo birao fandalinan-kevitra amin'ny fanaovana mari-trano sy tao-trano. Ny fahamaroan'ny fidiran'ny mpizaha-tany hatramin'ny fiakaran'ny taona 2016 ihany koa dia nitondra fampandrosoana ireo rantsana mikasika ny fitaterana. Nahazo tombony ihany koa ireo rantsana «fitateran'entana» sy «fitaovampitaterana hafa» na dia maivana ihany aza ny fiakarana raha oharina tamin'ny taon-dasa (+3,5% sy +7,9% isan'isany raha +3,6% sy +9,9% tamin'ny 2015 ary 4,1% sy 10,1% tamin'ny LFR 2016).

Tsy nitovy tamin'izany kosa ny rantsana «fitateran'olona» fa tsy nahafa-po noho ny fihemoran'ny vokatra -10,2%. Ity vokatra tsy nampoizina ity dia nifandray tamin'ny fahasahiranana izay nianjady tamin'ny orinasa Air Madagascar. Andanin'izay nefa dia marin-toerana ny fandrosoan'ny tolotra tamin'ireo banky izay tafajanona teo amin'ny 5,3% nandritra ny telo taona farany. Fivoarana mahavelom-bolo kosa no hita tany amin'ireo tolotra momba ny fiantohana. Araka izany, nitombo 5,7% ny vokany na dia nahitana fihenana aza izany tamin'ny 2015. Ity fahamarinan-toeran'ny asan'ireo banky ity dia nanehony fahamatoran'ireo tompon'antoka izay nametra ny fampindramam-bola mba hampihenana ny tranga ratsy mety hiseho amin'ny toe-javatra mampiahiahy. Tahaka ny banky sy ny fiantohana, marin-toerana ihany ny fitomboana teo amin'ny rantsana fifandraisan-davitra tamin'ny 2016 (+4,2% raha +4,6% tamin'ny 2015 ary 3,8% tamin'ny LFR 2016).

Isan'ny azo heverina ho anton'ity fivoarana miadana ity ny fiverenana miandalana teo amin'ny fatokisan'ny mpanjifa, nahitana fiakarana kosa ny varotra tamin'ny 2016 (+3,1% raha 1,0% tamin'ny 2015). Nahitam-piakarana araka izany ity rantsana ity na dia marin-toerana teo ihany aza izany noho ny fiverenana marefo tamin'ireo asa tao anatin'ireo sehatra sasany.

**Fafana 1** : Taham-pitomboana isaky ny rantsan'asa (fiova isan-taona amin'ny %)

	2015	2016	2016	2016
	réal.	LFI	LFR	prov.
<b>Secteur Primaire</b>	<b>-0,7</b>	<b>2,5</b>	<b>2,2</b>	<b>1,6</b>
Agriculture	-2,4	3,3	2,8	1,4
Elevage et pêche	0,8	1,9	1,9	1,9
Sylviculture	1,0	1,0	1,0	1,0
<b>Secteur Secondaire</b>	<b>7,3</b>	<b>5,7</b>	<b>4,9</b>	<b>5,5</b>
<i>Secteur Secondaire hors ZFI</i>	8,0	5,5	4,6	3,8
Agro-indus.	-10,1	7,5	6,4	11,2
Indus.Extra.	19,5	7,9	5,0	-1,6
Energie	4,1	5,5	5,5	8,3
Indus. Alimen	3,2	3,2	3,2	3,2
Indus. Boissons	4,2	4,3	4,3	8,9
Indus.Tabac	3,5	3,5	3,5	3,5
I.Corps gras	0,6	5,6	5,6	5,6
Pharmacie	2,9	3,1	3,1	6,9
Indus. Textile	-1,5	3,3	3,3	3,3
I. Cuir	2,1	3,5	3,5	3,5
I. Bois	6,4	6,4	6,4	7,1
Mat.Const.	1,8	3,4	3,4	4,6
I. Métallique	7,5	7,4	6,4	6,4
Mat. Transport	2,6	2,6	2,6	2,6
Appareil Elect	1,0	1,0	1,0	1,0
I.papier	2,0	2,0	2,0	2,0
Autres	4,5	4,4	4,4	4,4
Zone Franche Industrielles (ZFI)	-0,3	8,0	9,4	24,7
<b>Secteur Tertiaire</b>	<b>3,5</b>	<b>5,2</b>	<b>4,8</b>	<b>4,8</b>
B.T.P	9,4	9,9	10,0	18,6
Transports de marchandises	3,6	5,6	4,1	3,5
Transports de voyageurs	-10,3	3,1	3,1	-10,2
Auxi. Transport	9,9	10,1	10,1	7,9
Télécommunications	4,6	3,8	3,8	4,2
Commerce	1,0	3,7	3,1	3,1
Banque	5,3	5,3	5,3	5,3
Assurance	-5,5	5,7	5,7	5,7
Services rend. Entrep. & ménages	5,5	5,8	5,1	5,5
Administration	1,0	1,0	1,0	1,0
<b>Charges non imputées</b>	<b>5,3</b>	<b>5,3</b>	<b>5,3</b>	<b>5,3</b>
<b>PIB aux coûts des facteurs</b>	<b>2,7</b>	<b>4,5</b>	<b>4,0</b>	<b>3,9</b>
<b>Taxes indirectes</b>	<b>5,6</b>	<b>4,8</b>	<b>4,8</b>	<b>5,7</b>
<b>PIB aux prix du marché</b>	<b>3,1</b>	<b>4,5</b>	<b>4,1</b>	<b>4,2</b>

*Loharanom-baovao: Ministeran'ny Toekarena sy ny Teti-pivoarana, Tatitra mamaritra ireo fepetra ankapoben'ny endrika ara-toekarena sy ara-bola (Natovana tamin'ny LFR 2017)*

## 2. Fisondrotry ny vidim-piainana, sandam-bola ary ny toetry ny vola

Matotra hatrany ny politika ara-bola tamin'ny 2016. Nampiasa ny fanalefahana ara-bola lehibe indrindra ireo tompon'antoka ara-bola mba hifehezana ny fisondrotry ny vidim-piainana sy hamoriana vola vahiny.

Ny fisondrotry ny vidim-piainana tamin'ny faran'ity vanim-potoana ity dia teo amin'ny 7,0% raha 7,1% ny vinavina tao amin'ny LFR ary 7,6% tamin'ny 2015. Ny zava-nisy no nahatonga ny

fihenana'ny tahan'ny fisondrotry ny vidim-piainana sy ny fahamarinan-toeran'ny vidin-tsolika. Araka izany, tsy dia nisy fiantraikany loatra ny fikorontanan'ny toetr'andro ; nitombo sy lasa aloha ny vokabary ; nahitam-bokatra tsara ny famokarana, nanampy tamin'ny fiatrehana ny maintso ahitra hatramin'ny 2015 sy tamin'ny fiantombohan'ny taona 2016. Voafehy araka izany ny fisondrotry ny vidim-piainana ary nihena -0,6% tamin'ny fiova isan-taona ary -0,1% raha oharina tamin'ny vinavina ho an'ity taona voalaza ity.

Betsaka kokoa io fidinana io raha tsy nampihena ny taham-pitantanana ny Banky Foiben i Madagasikara tamin'ny volana may (teo amin'ny 8,7% ka lasa 8,3%), izay nampiakatra ny vidin-javatra teny amin'ny mpanjifa. Fanampin'izany, ny fivadibadiky ny sandam-bola sy ny fiakaran'ny vidin'ireo vokatra vitsivitsy teo amin'ny tsena iraisam-pirenena dia niteraka fiakaram-bidy tamin'ireo vokatra sasany toy ny arina fandrehitra, ireo entana fampiasa andavanandro ary ireo izay ilaina mikasika ny fampianarana sy ny fanabeazana. Ny vidin'ny vary teto an-toerana indray dia manaraka ny vanimpotoana.

Teo amin'ny lafiny ara-bola, nihoatra noho izay noeritretina ho an'ny 2016 ny famoriana ireo tahirim-bola vahiny. Nahavory vola vahiny mitovy sanda amin'ny fatran'ny fanafaran'entana mahazatra 3,9 volana izany raha 3,3 volana ny vinavina tao amin'ny LFR2016 ary 2,9 volana tamin'ny 2015. Araka izany, noho ny fiakaran'ny vidin'ny fanondranana lavanila, nampitombo be ny vola noraisin'ireo mpamokatra kely tsy manana kaonty amin'ny banky izany ary niteraka fihamaroan'ny vola mivezivezy (fiovan'ny habetsahan'ny vola : 20,1% raha 17,9% ny vinavina tamin'ny LFR 2016). Nahafoana ny tahirim-bolan'ireo banky ka nampihena ny sora-bolan'izy ireo tamin'ny Fanjakana sy tamin'ny sehatra tsy miankina, izay 46,7% sy 50% isan'isany tamin'ny fiova isan-taona. Ho fiatrehina izany dia nanomboka nanangona vola vahiny betsaka ireo tompon'andraikitra, hampitomboana ny tahirin'ny banky sy hamatsiana ny tinadim-bola anatin'ny.

Teo amin'ny lafiny takalo, nihen-danja ny Ariary mihoatra amin'ireo vola vahiny lehibe (DTS sy Dollar) sy mihoatra tamin'izay voalaza tao amin'ny LFR ho an'ny fiakaran'ity vanimpotoana ity. Niova ho 3 347,9 Ariary ny Dollar raha tokony ho 3 199,2 ary ny DTS dia 4 501,0 Ariary raha tokony ho 4 443,9 noho ny fihitaran'ny fatiantoka teo amin'ny mizanam-barotra. Nametra ity fitotonganana ity anefa ny fitombon'ny habetsahan'ireo tahiry tsy voatrandraka (+234 tapitrisa DTS teo anelanelan'ny 2015 sy 2016) noho ny famoahana ny ampahany voalohany tamin'ny FEC ny fiakaran'ny taona 2016 sy ireo lamina tsara momba ny vidin'ny fanondranana lavanila.



Nitombo ny hetra tafiditra tamin'ny 2016 raha ampitahaina tamin'ny fanatanterahana 2015, izay nahatratra 636,9 lavitrisa Ariary, izany hoe fiakarana 21,1% raha oharina tamin'ny 2015. Ny fahombiazana teo amin'ny famorian-ketra (+26,5% raha +16,5% tamin'ny 2015) no tena nahatonga izany, na dia teo aza ny fihenana kely teo amin'ny fidiram-bolan'ny fadin-tseranana (+15,4% raha +16,2% tamin'ny 2015). Aseho amin'ny alalan'ity fafana manaraka ity izany fivoarana izany :

**Fafana 3:** Fanatanterahana ny fampidiran-ketra ny 2015 sy 2016

FITANISANA	2015			2016			Fivoarana	
	LFR	Fanatant.	Tahan'ny fanatant.	LFR	Fanatant.	Tahan'ny fanatant.	LFR	Fanatant.
Hetra	1 511,50	1 553,70	102,79%	1 918,70	1 966,30	102,48%	26,94%	26,56%
Fadin-tseranana	1 482,10	1 458,30	98,39%	1 668,70	1 682,60	100,83%	12,59%	15,38%
<b>FITAMBARANY</b>	<b>2 993,60</b>	<b>3 012,00</b>	<b>100,61%</b>	<b>3 587,40</b>	<b>3 648,90</b>	<b>101,71%</b>	<b>19,84%</b>	<b>21,15%</b>

*Loharanom-baovao: Antontan-kevitra avy amin'ny MFB/SG/DGB/DSB/SCME*

Nahitana fihatsarana ihany koa ireo fampidiram-bola hafa. Nisy fitomboana 165,1% ireo fanomezana voaray raha oharina tamin'ny 2015. Nahatratra 1 124,5 lavitrisa Ariary ny fanomezana, izay nandrafitra ny 23,0% tamin'ny vola miditra rehetra. Ny fanomezana goavana dia tafakatra hatramin'ny 896,8 lavitrisa Ariary na 18,3% ary ireo fanomezana mahazatra dia 227,7 lavitrisa Ariary na 4,7%. Mikasika ny fampidiram-bola tsy hetra kosa, niakatra 43,1% izany tamin'ny 2016 ary tonga ho 115,6 lavitrisa Ariary.

**Fafana 4:** Fanatanterahana ireo fidiram-bola hafa ny 2015 sy 2016

FITANISANA	2015			2016			Fivoarana	
	LFR	Fanat.	Tahan'ny fanatant.	LFR	Fanat.	Tahan'ny fanatant.	LFR	Fanat.
<b>Fanomezana (a)</b>	<b>533,40</b>	<b>424,20</b>	<b>79,53%</b>	<b>636,40</b>	<b>1 124,50</b>	<b>176,70%</b>	<b>19,31%</b>	<b>165,09%</b>
Fanomezana mahazatra	47,40	40,10	84,60%	0,30	227,70	75 900,00%	-99,37%	467,83%
Fanomezana goavana	486,00	384,10	79,03%	636,10	896,80	140,98%	30,88%	133,48%
<b>Fidiram-bola tsy hetra (b)</b>	<b>117,90</b>	<b>80,80</b>	<b>68,53%</b>	<b>68,40</b>	<b>115,60</b>	<b>169,01%</b>	<b>-41,98%</b>	<b>43,07%</b>
<b>Fitambaran'ny vola miditra hafa (a + b)</b>	<b>651,30</b>	<b>505,00</b>	<b>77,54%</b>	<b>704,80</b>	<b>1 240,10</b>	<b>175,95%</b>	<b>8,21%</b>	<b>145,56%</b>

*Loharanom-baovao : LR 2015, Antontan-kevitra avy amin'ny MFB/SG/DGB/DSB/SCME*

**Fafana 5:** Fanatanterahana ny fidiram-bola ny 2015 sy 2016

FITANISANA	2015			2016			Fivoarana	
	LFR	Fanat.	Tahan'ny fanatant.	LFR	Fanat.	Tahan'ny fanatant.	LFR	Fanat.
HETRA	2 993,60	3 012,00	100,61%	3 587,40	3 648,90	101,71%	19,84%	21,15%
ANKOATRA NY HETRA	651,30	505,00	77,54%	704,80	1 240,10	175,95%	8,21%	145,56%
<b>FITAMBARANY</b>	<b>3 644,90</b>	<b>3 517,00</b>	<b>96,49%</b>	<b>4 292,20</b>	<b>4 889,00</b>	<b>113,90%</b>	<b>17,76%</b>	<b>39,01%</b>

*Loharanom-baovao : LR 2015, Antontan-kevitra avy amin'ny MFB/SG/DGB/DSB/SCME*

## **b. Ireo fandanium-bola**

Ho an'ny taona 2016, niantefa indrindra tany amin'ny famerenana ireo hetsika ara-toekarena sy ny fanatanterahana ireo laharam-pahamehana ara-tsosialy miantraika mivantana amin'ireo tena sahiranany fandanium-bola. Ny fitambaran'ny fandanium-bola rehetra nandritra ity vanim-potoana ity dia 5 317,2 lavitrisa Ariary raha 4 372,9 lavitrisa Ariary izany tamin'ny 2015, izany hoe fiovana +21,6%. Tsara ny manamarika fa ny taham-pandraiketana dia 100,0% ho an'ny taona 2016.

Ireo fandanium-bola mahazatra izay nandrafitra ny 68,6% tamin'ny fandanium-bola rehetra, dia nitombo 5,5% mihoatra ny tamin'ny 2015, ary tonga ho 3 649,0 lavitrisa Ariary.

Isan'izany fandanium-bola izany ny an'ny fampandehanan-draharaha, izay 22,4% tamin'ny fandanium-bola rehetra, nalefa ho amin'ny famindram-bola sy fanampiana izay nahatratra 1 188,9 lavitrisa Ariary, mba hitazonana ny famokaran'ireo orinasam-panjakana toy ny JIRAMA sy AIR MADAGASCAR. Ambonin'izany, ny tambin-karama dia nalefa ho amin'ny fanadiovana teo anivon'ireo Andrim-panjakana sy nandoavana karaman'ireo ECD nandritra ny taom-piasana 2016. Momba ny fandanium-bola ho an'ny mpiasa kosa, tafakatra 1 795,7 lavitrisa Ariary izany noho ny fiakarana 17,6% mihoatra ny tamin'ny 2015, vokatry ny fandaminana teo amin'ny fandraisana mpiasa isaky ny Ministera, ny fanadiovana ireo tsy fahamarinana sasany ary koa ny fanitsiana ny karama hifanentana amin'ny fisondrotan'ny vidim-piainana. Isan'ny nampiakatra izany ihany koa ny famerenana amin'ny laoniny ny fandoavana ireo karaman'ny mpiasa any ivelany. Marihina fa tsy nisy ny fihoraram-pandaniana teo amin'ny sora-bola an-tànana ankoatra ny an'ireo fampiasam-bola afa-karatsaky ny Tahirim-bola izay nahitana fitomboana 20,0%.

Notombanana ho 1 668,2 lavitrisa Ariary ny hana-pamokarana raha 1 681,1 lavitrisa Ariary izany tao anatin'ny LFR, izany hoe taham-panatanterahana 99,2%. Ity farany dia nirona tany amin'ny fampiroboroana ny tontolo iainana ho enti-manarina ny toekarena, indrindra ho amin'ny fotodrafitrasa goavana. Novinavinaina ho 1 282,0 lavitrisa Ariary ny famatsiam-bola avy any ivelany momba izany, izay natao indrindra ho amin'ny fanatanterahana ireo asa goavana momba ny fotodrafitrasa ho enti-mandray ny fivoriana an-tampon'ny «COMESA» sy ny «Francophonie», ho amin'ny fanandratana ireo hetsika momba ny fizahan-tany tamin'ny alalan'ny fampanaraham-penitra ireo fotodrafitrasa momba izany, ho amin'ny fanandratany sehatry ny fambolena, ho amin'ny fiarovana ny tontolo iainana sy ny fikajiana ireo harena voajanahary, ary ho amin'ny fanamoràna ny fahafahan'ny vahoaka miditra amin'ireo fotodrafitrasa fototra ara-tsosialy. Ny ambin'ireo hana-pamokarana tamin'ny 2016 dia nalefa ho an'ireo fandaharan'asa ho enti-miatrika ny tsy fandriam-pahalemana, ireo areti-mifindra, ny tsy fanjarian-tsakafo ary koa ny fanandratana ny fanjakana tsara tantana, ny tany tan-dalàna ary ny fanabeazana amin'ny ambaratonga rehetra.

**Fafana 6** : Fandaniam-bola rehetra tamin'ny 2015 sy 2016

Fanondroana	Amin'ny lavitrisa Ariary			Taham-panatanterahana 2016	Fiovana 2016 – 2015	Anjara tao anatin'ny fandaniana rehetra	
	2015	LFR 2016	2016			2015	2016
<b>Fandaniana mahazatra</b>	<b>3 372,4</b>	<b>3637,7</b>	<b>3 649,0</b>	<b>100,3%</b>	<b>5,5%</b>	<b>77,1%</b>	<b>68,6%</b>
Mpiasa	1 566,1	1 808,4	1 795,7	99,3%	17,6%	35,8%	33,8%
Fampandehanan-draharaha	1 122,3	1 217,6	1 188,9	97,6%	4,5%	25,7%	22,4%
Zana-bolan'ny trosa anatin'ny	173,5	213,8	213,4	99,8%	23,0%	4,0%	4,0%
Zana-bolan'ny trosa ivelany	57,4	76,1	64,7	85,0%	12,7%	1,3%	1,2%
Lahasa hafa afa-karatsaky ny Tahirim-bola (+/-)	453,2	321,9	386,3	120,0%	-31,4%	10,4%	7,3%
<b>Fampiasam-bolam-panjakana</b>	<b>1 000,5</b>	<b>1681,1</b>	<b>1 668,2</b>	<b>99,2%</b>	<b>63,8%</b>	<b>22,9%</b>	<b>31,4%</b>
Famatsiam-bola anatin'ny	274,9	492,0	386,2	78,5%	31,8%	6,3%	7,3%
Famatsiam-bola ivelany	725,6	1189,1	1 282,0	107,8%	76,7%	16,6%	24,1%
<b>FANDANIAM-BOLA REHETRA</b>	<b>4 372,9</b>	<b>5 318,8</b>	<b>5 317,2</b>	<b>100,0%</b>	<b>21,6%</b>	<b>100,0%</b>	<b>100,0%</b>

*Loharanom-baovao* : LR 2015, Antontan-kevitra avy amin'ny MFB/SG/DGB/DSB/SCME

**c. Famatsiana ny fatiantoky ny tetibola**

Tamin'ny tanjona hampidi-bola 4 292,2 lavitrisa Ariary ho an'ny Tetibola Ankapobe (hetra sy ireo fidiram-bola hafa) novinavinaina tamin'ny alalan'ny LFR, famoriam-bola 4 889,0 lavitrisa Ariary no vita, izany hoe taham-panatanterahana 113,9%.Ny fiakaran'ny vola miditra tamin'ny tetibola ankapobe (+39,0%) izay ambony noho ny fiakaran'ny fandaniam-bola nandritra ity vanim-potoana ity (+18,7%) dia nahafahana nametra ny fatiantoky ny fanjakana. Araka izany, nahatratra 659,9 lavitrisa Ariary ny fatiantoky ny fanjakana ho an'ny taona 2016, raha 1 078,1 lavitrisa Ariary izany tamin'ny 2015.

Raha jerena ny LFR 2016, fihenana 2,4% no nisy izay -4,5% ka lasa ho -2,1%. Ity fihenana ity araka izany dia vokatry ny fanohizana ny politikan'ny fifehezana ny fandaniam-bola niaraka tamin'ireo ezaka ho fampitomboana ny fidiran-ketran'ny Fanjakana, izaynampiana ny fampandehana ny ara-toekarena.

Voasaron'ireo loharanom-bola anatin'ny hatramin'ny 67,5% ity fatiantoka ity, vola izay nitentina 445,5 lavitrisa Ariary izay avy tamin'ny rafitra tsy momba ny banky ny ampahany betsaka (258,6 lavitrisa Ariary), tamin'ny alalan'ny vola andrandraina hiditra amin'ny fanjakana (**Bons de Trésor Fihary sy Bons de Trésor Spéciaux**). Ny anjaran'ny rafitra momba ny banky kosa dia nahatratra 225,1 lavitrisa Ariary, vokatry ny fitrosan'ireo banky ara-barotra tamin'ny fanjakana tamin'ny alalan'ny fampiasana ny BTA.

Momba ny loharanom-bola avy any ivelany, izay nandrafitra ny 32,5% tamin'ny famatsiam-bola rehetra, nahitana fampindramam-bola ho an'ny tetik'asa hatramin'ny 385,2 lavitrisa Ariary.

**Fafana 7** : Famatsiana ny hanisisan'ny tetibola tamin'ny 2015 sy 2016

Fanondroana	Amin'ny lavitrisa Ariary		LFR 2016	Fiovana 2016-2015	Elanelana	Taham-panatanterahana 2016
	2015	2016				
<b>FAMATSIAM-BOLA AVY ANY IVELANY AFA-KARATSAKA</b>	<b>619.7</b>	<b>214.4</b>	<b>930.4</b>	<b>-65.4%</b>	<b>-405.3</b>	<b>23.04%</b>
-Fisintonam-bola (tetik'asa)	341.5	385.2	553	<b>12.8%</b>	43.7	<b>69.66%</b>
-Fanalefahana	-116.9	-223.4	-226.7	<b>91.1%</b>	-106.5	<b>98.54%</b>
- Fisintonam-bola (fandaharan'asa)	395.1	52.6	604.1	<b>-86.7%</b>	-342.5	<b>8.71%</b>
<b>FAMATSIAM-BOLA ANATINY AFA-KARATSAKA</b>	<b>458.4</b>	<b>445.5</b>	<b>485</b>	<b>-2.8%</b>	<b>12.8</b>	<b>91.86%</b>
-Rafitra ara-banky	475.3	225.1	359.7	<b>-52.6%</b>	-244.5	<b>62.58%</b>
-Rafitra tsy ara-banky	98	258.6	125.3	<b>163.9%</b>	160.6	<b>206.38%</b>
-Vokatry ny fiovan'ny takalo	-2.4	2.9	-	<b>-220.8%</b>	5.3	
-Petra-bola afa-karatsaka	-114.9	-41.1	-	<b>-64.2%</b>	91.3	
<b>FITAMBARAN'NY FAMATSIAM-BOLA</b>	<b>1 052.40</b>	<b>659.9</b>	<b>1 415.40</b>	<b>-37.3%</b>	<b>-392.5</b>	<b>46.62%</b>

*Loharanom-baovao : OGT Décembre 2016*

#### 4. Ny sehatra ivelany

Raha ampitahaina ny fanatanterahana tamin'ny 2015 nandritra ny vanim-potoana nitovy ny an'ny 2016 dia hita fa nihatsara ny toetry ny fandoavam-bola avy any ivelany. Efa ho avo efatra heny noho ny tamin'ny 2015 ny tombony tamin'ny hanisisan'ny fifandanjana ankapobeny 2016, teo amin'ny 71,3 tapitrisa DTS ka lasa 210,8 tapitrisa DTS. Tamin'ny 2014 dia tsy nisy afa tsy 14,7 tapitrisa DTS io tombony io. Izany fahazoana ny endri-pandoavam-bola ivelany izany dia azo tamin'ny kaonty «andavanandro» sy ny kaonty ho amin'ny lahasa «hana-pamokarana sy ara-bola ».

Ny fifandanjana mahazatra dia nahitana tombony 41,0 tapitrisa DTS, tsikaritra ny fanitsiana lehibe teo amin'ny kaonty mahazatra teo anelanelan'ny 2015 sy 2016. Nihatsara ny endriky ny fifandanjana ara-barotra raha oharina tamin'ny taon-dasa, fatiantoka 190 tapitrisa DTS raha 235,1 tapitrisa DTS izany tamin'ny 2015 satria tsapa ho ambony ny sandan'ny fanondranan'entana noho ny fanafarana. Niakatra hatramin'ny 496,9 tapitrisa DTS ireo famindram-bola mahazatra. Ity farany dia azon'ny fitondram-panjakana tamin'ny fidiran'ireo fanampiana ara-bola.

Ho an'ny kaonty goavanasy ny famatsiam-bola kosa, tsapa ny fihenana izay teo amin'ny 202,9 tapitrisa DTS ka lasa 169,8 tapitrisa DTS tamin'ny 2016, vokatry ny fihenana be teo amin'ny fanampiana ara-bola izay 87,1% teo anivon'ny kaonty famatsiam-bola na dia tsapa aza ny fitomboana teo anivon'ny kaonty goavana.

**Fafana 8** : Endriky ny Toe-danjam-pifanakalozana

<b>Fanondroana</b>	<b>2015</b>	<b>2016</b>
Kaonty mahazatra	-131,6	41,0
Mizanam-barotra	-235,1	-190,0
Kaontin-drenivola sy ireo lahasa ara-bola	202,9	169,8
Fifandanjana ankapobeny	71,3	210,8

*Loharanom-baovao* : Antontan-kevitra avy amin'ny MFB/SG/DGB/DSB/SCME

## **II. FANADIHADIANA NY FAHOMBIAZAN'NY FITONDRAM-PANJAKANA**

Ny fizarana « fanadihadiana ny fahombiazan'ny fitondram-panjakana » dia mitatitra ireo fanatanterahana mivaingana nisy tamin'ireo Andrim-panjakana sy Ministera ampitahaina tamin'ireo fandraiketana natao sy voarakitra tao anatin'ny FPP natovana tamin'ny LFI, na ihany koa tamin'ny LFR. Ireo vokatra izay nifanaraka indrindra tamin'ny tondromarika, ireo izay voalazan'ny RAP ary koa ny tatitry ny fampiasana ny tetibola telovolana fahaefatra no aseho ao anatin'ity lalàna ity.

### **A. FANADIHADIANA NY FAHOMBIAZANA TETO AMIN'NY FIRENENA**

#### **1. Fanatanterahana mivaingana sy ara-bola tamin'ireo Andrim-panjakana sy Ministera tamin'ny 2016 (Tetibola Ankapobe)**

Mba hampiharana ny politikam-panjakana ankapobeny, ireo Andrim-panjakana sy Ministera dia nampiasa iraka 55 sy fandaharan'asa 146, izay nampivondrona tanjona 448. Sora-bola 7 123,32 lavitrisa Ariary no nomena azy ireo mba hanatanterahany ireo fanamby, ka ny 6 200,01 lavitrisa Ariary ny fandanium-bola vita tamin'ny fiafaran'ny taona, izany hoe taham-pandaniana ny tetibola 87,04%.

Momba ny zava-bita nivaingana, antonony ny fahombiazana tamin'ny fiafaran'ny taona, izay 52,17%, izany hoe tondromarika 540 tamin'ireo 1 035 voasoratra no tanteraka. Na dia tsy nisy Andrim-panjakana sy Ministera nahatratra ireo tondromarika rehetra nananany aza, departemanta 6 no nahazoam-bokatra miavaka ka nahatratra hatramin'ny 75% ny tanjona napetraka, dia ny Antenimieram-pirenena, ny Fitsarana Avo momba ny Lalàm-panorenana, ny Ministeran'ny Raharaham-bahiny, ny Ministeran'ny Industria sy ny Fampivelarana ny Sehatra tsy miankina, ny Ministeran'ny Tontolo Iainana, ny Hai-voary ary ny Ala ary ny Ministeran'ny Fitaterana sy ny Famantarana ny Toetr'andro. Ambonin'izany, 26 tamin'ireo fandaharan'asa nampiasaina no nahatratra ny fahombiazana hatramin'ny 100%.

Tahaka ny tamin'ireo taon-dasa ihany, ny tsy fahampiana ara-bola noho ny fanaovana ny fanitsiana ny tetibola niaraka tamin'ny fampiharana ny taham-pandaminana no tena voalaza ho anton'ny fahakelezan'ny ankamaroan'ireo zava-bita.

Tsara ny mampahatsiahy fa andrim-panjakana sy ministera miisa 36 no nisy raha ho an'ny taona 2015, ary 38 kosa ho an'ny taona 2016 noho ny fananganana ny Filan-kevi-pirenena momba ny

Fifidianana sy ny Sekreteram-panjakana eo anivon'ny Ministeran'ny Harena an-dranomasina sy ny Jono misahana ny Ranomasina (SEMRHPM).

Ireo fanatanterahana ara-bola sy mivaingana tamin'ny 2016 dia fintinina ao anatin'ity fafana manaraka ity:

**Fafana 9:** Famintinana ny endriky ny fahombiazana sy ny endriky ny tetibola 2016

Andrim-panjakana/Ministe	Iraka	Fand	Tanjona	Amin'ny isa		Zava-bita	Tsy tratra	Tsy misy antontan isa	hafa	Amin'ny lavitrisa Ariary		Fandaniam-bola
				Tanjona						Sora-bola		
				Voaloha	farany					Voalohan	farany	
38	55	146	448	937	1 035	540	410	27	58	5 185,84	7 123,32	6 200,01

*Loharanom-baovao:* Tetibolam-panatanterahana LFI sy LFR, Antontan-kevitra ny fahombiazana LFI sy LFR, RAP ary BCSE 2016

## 2. Fivoarana isan-taona ho an'ny fahombiazan'ny firenena (LFI sy LFR)

Vokatry ny fahamaivanan'ny fiverenan'ireo hetsika ara-toekarena sy ny fandrafetana governemanta vaovao teo anelanelan'ny taona, zava-dehibe ilaina ny fanavaozana ny fitantanana ny toekarena ary koa ny fanitsiana ny fandaniam-bolam-panjakana, ka nahatonga ny fanaovana ny LFR tamin'ny Jolay 2016. Notohizana ireo ezaka efa napetraka tao anatin'ny LFI, izay mamaly ireo filana ho an'ireo sehatra laharam-pahamehana.

Araka izany, nohavaozina ny sora-bola nisokatra ho an'ny tetibola ankapobeny, satria raha 5 185,84 lavitrisa Ariary ny vinavina natao tao amin'ny LFI, nahatratra 7 123,32 lavitrisa Ariary kosa ny voarakitra tao amin'ny LFR, izany hoe fitomboana 37,36%. Na dia nitombo aza ny fitambaran'ny tetibola rehetra, nihena kosa ny sora-bola ho an'ireo departemanta 22.

Nanoloana ity fanitsiana ny tetibola ity, Andrim-panjakana sy Ministera maromaro no nanavao ireo tanjony. Vokatr'izany dia tsapa ny fikorontanana tamin'ireo antontan-kevitra voasoratra tao amin'ny FPP. Ny LFI dia naminavina tondromarika 937 raha toa ka nihoatra 98 tamin'izany no hita tao amin'ny LFR, vokatry ny fametrahana ny CENI sy SEMRHPM. Momba ireo tanjona napetraka indray, novaina ny 25,24% tamin'izy ireo, ka ny 1,93% nampiakarina ary ny 23,31% kosa nampidinina.

**Fafana 10:** Fivoaran'ny endriky ny tetibola ankapobe sy ny endriky ny fahombiazana LFI/LFR tamin'ny 2016

Amin'ny lavitrisa Ariary		Amin'ny isa			
Fanovàna ny sora-bola		Fanovàna ny isan'ny tondromarika		Fanovàna ny tanjona ho kendrena	
Sora-bola LFI	Sora-bola LFR Fivoarana	Tondromarika voalohany	Tondromarika farany	Nanampiana	Nanesorana
5 185,84	7 123,32	937	1035	20	241

*Loharanom-baovao:* Tetibolam-panatanterahana LFI sy LFR, Antontan-kevitra ny fahombiazana LFI sy LFR 2016

## 3. Fivoaran'ny fahombiazana teto amin'ny firenena nandritra ny telo taona (2014-2016)


Nandritra ny valo taona nisesy, izany hoe hatramin'ny nampidirana ny fitantanana ny fahombiazana tao anatin'ny Lalàna fandravonana ny tetibola 2009, niakatra be ny isan'ireo tondromarika napetraka. Raha 488 izany tamin'ny 2009, lasa 1 035 izany ny taom-piasana 2016.

Raha ny hita dia nitohy nihatsara hatrany ny zava-bita azo tsapain-tànana teto amin'ny firenena. Voamarina izany tamin'ny 2016, taona nahitana fahombiazana tsara indrindra teo amin'ny fitantanana ny fahombiazan'ny sehatra ara-panjakana, satria nahitana voalohany ny fahatrarana ny tanjona ho an'ireo tondromarika nihoatra ny 50%. Araka izany, niakatra tokoa io taha io ka nahatratra 52,17% raha 40% sy 49% isan'isany tamin'ny taona 2014 sy 2015.

Ny fihenana ny isan'ireo antontan-kevitra voalaza ho tsy nahitana antontanisa ihany koa dia antony niteraka indrindra ny fivoaran'ny fahombiazana, satria manamora ny famelabelarana mikasika izany ny fahamaroan'ireto antontan-kevitra ireto. Koa raha ny 6,85% tamin'ireo tondromarika tamin'ny 2014 no tsy nisy antontanisa, nihena izany tamin'ny 2016 satria 2,42% tamin'izy ireo sisa no tsy nahitana antontanisa. Ny fampiofanana nataon'ny DGB teto amin'ny rafi-pitantanana foibe sy tany amin'ny faritra momba ny fahombiazana no antony voalohany nahatonga izany.

Ny fanatanterahana mivaingana nandritra ny telo taona farany no aravona ao anatin'ity kisary manaraka ity:

**Kisary 1** : Fivoaran'ny fahombiazan'ny firenena ny 2014 hatramin'ny 2016



*Loharanom-baovao: RAP 2014-2015-2016*

## **B. FANADIHADIANA NY FAHOMBIAZANA ISAN-TSEHATRA**

### ***1. Sehatra fitantanana-draharaha***

#### **a. Ireo fanatanterahana mivaingana sy ara-bola tamin'ireo Andrim-panjakana sy Ministera tao amin'ny sehatra fitantanana-draharaha**

Fifangaroan'ny Andrim-panjakana 7 sy Ministera 11 ny sehatra fitantanana-draharaha, izy no nanana tetibola be indrindra, satria azy avokoa ny 67,26% tamin'ny sora-bola rehetran'ny tetibola ankapobe, izay vola 4 791,36 lavitrisa Ariary. Tamin'ny fiafaran'ny taom-piasana, nahatratra 4 488,46 lavitrisa Ariary ny sandan'ireo asa nataony.

Ny fitantanana ireo asam-panjakana teo amin'ity sehatra ity dia natao tamin'ny fampiasana fandaharan'asa 67 sy tanjona 223, ka ny fatram-pahombiazana dia nofefesina tamin'ny alalan'ny

tondromarika 647. Nihatsara ny vokatry azo raha oharina tamin'ny taon-dasa, izay niakatra 3,45 isa. Raha nahafa-po ny fahombiazana teo anivon'ny Fitarana Avo momba ny Lalàm-panorenana, tamin'ny taham-panatanterahana ny tondromarika 87,5%, tena ambany kosa ny an'ny Filan-kevi-pirenena momba ny Fifidianana, tamin'ny taha ambanin'ny 30%.


Fintinina amin'ireto kisary manaraka ireto ny fanatanterahan'ny sehatra fitantanan-draharaha teo amin'ny lafiny ara-bola sy araka ny fahombiazana:

**Fafana 11** : Ireo fanatanterahana mivaingana sy ara-bola teo amin'ny sehatra fitantanan-draharaha

Andrim-panjakana/Ministera	Amin'ny isa						Amin'ny lavitrisa Ariary					
	Iraka	Fand	Tanjona	Tanjona		Zava-bita	Tsy tratra	Tsy misy antontanisa	hafa	Sora-bola		Fandania m-bola
				Voalohany	farany					Voalohany	farany	
18	22	67	223	585	647	343	248	18	38	2 844, 68	4 791, 36	4 488,46

Loharanom-baovao : Tetibolam-panatanterahana LFI sy LFR, Antontan-kevitra ny fahombiazana LFI sy LFR, RAP ary BCSE 2016

**Kisary 2** : Fahombiazan'ny sehatra fitantanan-draharaha tamin'ny 2016 (amin'ny %)



Loharanom-baovao : Tetibolam-panatanterahana LFI sy LFR, Antontan-kevitra ny fahombiazana LFI sy LFR, RAP ary BCSE 2016

**b. Fivoarana isan-taona tamin'ireo vinavina ho an'ny sehatra fitantanan-draharaha (LFI sy LFR)**

**Fafana 12** : Fivoarana isan-taona tamin'ireo vinavina ho an'ny sehatra fitantanan-draharaha

Andrim-panjakana/Ministera	Fanovàna ny sora-bola			Fanovàna ny isan'ny tondromarika		Fanovàna ny tanjona ho kendrena	
	Sora-vola voalohany (LFI)	Sora-bola farany (LFR)	Fivoarana (%)	Vinavina voalohany	Vinavina farany	Nanampiana	Nanesorana
Fiadidiana ny Repoblika	100 876 196 000	97 956 416 000	-2,89	54	55	3	19
Antanimieran-doholona	15 477 000 000	16 064 500 000	3,80	8	8		1
Antanimieran-pirenena	35 506 000 000	42 796 000 000	20,53	4	4		
Fitarana Avo momba ny Lalàm-panorenana	6 166 400 000	6 166 400 000	0	7	8	1	0
Fiadidiana ny Praiministra	76 097 250 000	89 419 415 000	17,51	97	110	5	36
Filankevitra ny Fampihavanana Malagasy	5 693 500 000	4 333 500 000	-23,89	3	3		
Filankevi-pirenena mahaleotena misahana ny Fifidianana	0	4 800 000 000	----	0	41		
Ministeran'ny Raharaham-bahiny	48 404 070 000	55 360 362 000	14,37	32	32		
Ministeran'ny Fiaravam-pirenena	194 767 105 000	188 360 185 000	-3,29	9	9		9

Andrim-panjakana/Ministera	Fanovàna ny sora-bola			Fanovàna ny isan'ny tondromarika		Fanovàna ny tanjona ho kendrena	
	Sora-vola voalohany (LFI)	Sora-bola farany (LFR)	Fivoarana (%)	Vinavina voalohany	Vinavina farany	Nanampiana	Nanesorana
Sekreteram-panjakana eo anivon'ny Ministeran'ny Fiarovam-pirenena miadidy ny Zandarmaria	182 135 872 000	174 472 962 000	-24,21	23	23	2	
Ministeran'ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana	146 695 301 000	188 867 732 000	28,75	57	57		
Ministeran'ny Filaminam-bahoaka	102 318 275 000	93 522 234 000	-8,60	18	18		10
Ministeran'ny Fitsarana	93 401 407 000	90 544 942 000	-3,06	31	31	1	17
Ministeran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola	1 755 791 288 000	3 691 439 488 000	10,24	133	135	2	19
Ministeran'ny Toekarena sy ny tetipivoarana	11 786 929 000	11 424 861 000	-3,07	14	17		
Ministeran'ny Asam-panjakana sy ny Fanavaozana ny Fitantanandrahara	17 738 034 000	15 588 034 000	-12,12	48	49	0	2
Ministeran'ny Varotra sy ny Fanjifana	37 080 025 000	31 562 952 000	-4,88	9	9		7
Ministeran'ny Serasera sy ny Fifandraisana amin'ny Andrim-panjakana	14 749 512 000	11 554 512 000	-21,66	38	38	0	23
<b>FITAMBARANY</b>	<b>2 844 684 164 000</b>	<b>4 814 234 495 000</b>	<b>69,24</b>	<b>585</b>	<b>647</b>	<b>14</b>	<b>143</b>

Loharanom-baovao : Tetibolam-panatanterahana LFI sy LFR, Antontan-kevitra ny fahombiazana LFI sy LFR

Nahitana fiakarana ny fitambaran'ny tetibola natokana ho an'ny sehatra fitantanandrahara taorian'ny fametrahana ny LFR raha oharina amin'izay natolotry ny LFI. Araka izany, 1 969,55 lavitrisa Ariary no nanampiana ny sora-bola teny am-boalohany, izany hoe fiakarana 70%. Raha nitombo ny sora-bola nomena ny Antenimieran-doholona, ny Antenimieram-pirenena, ny Fiadidiana ny Praiministra, ny Filankevitry ny Fampihavanana Malagasy, ny Ministeran'ny Raharaham-bahiny, ny Ministeran'ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana ary koa ny Ministeran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola, noferana ka nahena kosa ny an'ireo departemanta ambiny, ankoatra ny an'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana izay tsy nasiam-panitsiana ny sora-bola nomena azy.

Tokony hanova ny antontan-taratasy momba ny fahombiazany hifanaraka amin'izany koa ireo departemanta ireo, afa tsy ny Antenimieram-pirenena, Filankevitry ny Fampihavanana Malagasy, ny Ministeran'ny Raharaham-bahiny, ny Ministeran'ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana. Araka izany, tanjona 143 no nahena tamin'ireo 157 nasiam-panitsiana.

**c. Fanarahana isaky ny fandaharan'asam-panatanterahan'ireo departemanta ao amin'ny sehatra fitantanandrahara**

- FIADIDIANA NY REPOBLIKA

**Fafana 13** : Fandravonana ireo fanatanterahana ara-bola sy mivaingana

Kaody	Fandaharan'asa	Sora-bola farany	Fandaniam-bola	Taha	Voasoratra	Tratra	Tsy tratra	Tsy voafaritra	Hafa	Tahampan(%)
001	Fitantanana sy fandrindrana	92 200 347 000	78 245 178 709	84,86	45	24	17	0	4	53,33%
201	Fotodrafitrasa mifandray	195 716 000	172 859 416	88,32	5	4	0	0	1	80,00%
401	Fampandrosoana ny ambanivohitra	96 000 000	92 586 370	96,44	1	0	1	0	0	0,00%
501	Fahasalamana, fandrindrana fiainam-pianakaviana ary ady amin'ny VIH/SIDA	6 101 600 000	662 701 871	10,86	1	0	1	0	0	0,00%

801	Firaisankinam-pirenena	842 658 000	819 867 452	97,30	3	1	1	0	1	33,33%
<b>FITAMBARANY</b>		<b>99 436 321 000</b>	<b>79 993 193 818</b>	<b>80,45</b>	<b>55</b>	<b>29</b>	<b>20</b>	<b>0</b>	<b>6</b>	<b>52,73%</b>

*Loharanom-baovao: Famelabelarana ny sora-bola, Antontan-kevitra ny fahombiazana LFR, BCSE sy RAP 2016*

- *Fitantanana sy fandrindrana* : tratra tamin'ny ampahany ny tanjona hampihenana ny kolikoly. Araka izany, faritra 16 ihany no afaka nampihatra ny politikam-paritra mikasika izany noho ny vanim-potoanan'ny orana sy ny tsy fahafahana mampiasa ireo lalana sasantsasany, teo ihany koa ny tsy fahampian'ny fitaovana. Valin'izay nefa dia tratra ny tanjona tamin'ny fikarakarana ireo fivoriana an-tampony: tanteraka ny fivoriana an-tampon'ny «Francophonie» sy ny «COMESA» ary nahazo sitraka ny fikarakarana noho ny fividianana fitaovana informatika sy fitaovam-pivezivezena maro.

- *Fotodrafitrasa mifandray* : ny vinavina rehetra napetraka dia tanteraka tamin'ny tetibola nomena ny Fiadidiana ny Repoblika. Araka izany, toerana 7 no nasiam-panamboarana sy fikajiana ary fitaovam-piantsoana an-tariby 10 no napetraka sy azo ampiasaina.

- *Fampandrosoana ny ambanivohitra*: sampam-panabeazana miisa 10 ihany no azo nampiasaina tamin'ireo 16 novinavinaina, noho ny fanoloana ny sampam-panabeazana teny anelanelan'ny taom-piasana.

- *Fahasalamana, fandrindrana fiainam-pianakaviana ary ady amin'ny VIH/SIDA*: tamin'ireo drafitra 35 noheverina hampiharina teo anivon'ireo kaominina mikasika ny ady amin'ny VIH/SIDA, 28 no nisy, vokatry ny fahataran'ny fivoahan'ny fanampiana ara-bola tany amin'ny PNUD.

- *Firaisankinam-pirenena*: voavaha avokoa ireo olana ara-miaramila, tamin'ny alalan'ny fandraisana an-tànana ireo antontan-taratasy tonga sy ny famerenana ireo didy mifanaraka amin'izany.

- ANTENIMIERAN-DOHOLONA

**Fafana 14** : Fandravonana ireo fanatanterahana ara-bola sy mivaingana

Kaody	Fandaharan'asa	Sora-bola farany	Fandaniam-bola	Taha	Voasoratra	Tratra	Tsy tratra	Tsy voafaritra	Hafa	Taham-pan(%)
002	Fitantanana sy fandrindrana	8 007 375 000	7 111 100 371	88,81	3	2	1	0	0	66,67
119	Fanohanana ireo mpikamban'ny Andrim-panjakana	7 546 380 000	7 117 718 602	94,32	5	3	2	0	0	60,00
<b>FITAMBARANY</b>		<b>15 553 755 000</b>	<b>14 228 818 973</b>	<b>91,48</b>	<b>8</b>	<b>5</b>	<b>3</b>	<b>0</b>	<b>0</b>	<b>62,50</b>

*Loharanom-baovao: Famelabelarana ny sora-bola, Antontan-kevitra ny fahombiazana LFR, BCSE sy RAP 2016*

- *Fitantanana sy fandrindrana* : nohatsaraina ireo tolotry ny asam-panjakana tamin'ny alalan'ny famoahana ara-potoana ny karaman'ny mpiasa sy ny famoahana antontan-taratasy 864 momba ny fampandehanana ny asa. Tsy toy izany kosa anefa fa niteraka fahosan'ny taham-panatanterahana ny olana teo amin'ny fampiasana ny SIIGFP.

- *Fanohanana ireo mpikamban'ny Andrim-panjakana*: Tsy tratra afa tsy tamin'ny ampahany ny tanjona. Fitsidihana 69 araka izany no tontosana teny anivon'ireo vondrom-paritra itsinjaram-pahefana noho ny tsy fisian'ny drafitra sy ny fahafaha-manao. Na izany aza, lalàna 67 no lany ary fanamarinana ny asan'ny Governemanta 26 no voaray.

- ANTENIMIERAM-PIRENENA

**Fafana 15** : Fandravonana ireo fanatanterahana ara-bola sy mivaingana

Kaody	Fandaharan'asa	Sora-bola farany	Fandaniam-bola	Taha	Voasoratra	Tratra	Tsy tratra	Tsy voafaritra	Hafa	Tahampan(%)
003	Fitantanana sy fandrindrana	18 726 051 000	18 467 941 144	98,62	1	1	0	0	0	100,00
101	Fanjakana Tompon'andraikitra	26 306 042 000	24 857 732 855	94,49	3	2	1	0	0	66,00
<b>FITAMBARANY</b>		<b>45 032 093 000</b>	<b>43 325 673 999</b>	<b>96,21</b>	<b>4</b>	<b>3</b>	<b>1</b>	<b>0</b>	<b>0</b>	<b>75,00</b>

*Loharanom-baovao: Famelabelarana ny sora-bola, Antontan-kevitra ny fahombiazana LFR, BCSE sy RAP 2016*

- *Fitantanana sy fandrindrana* : araka ny maha tanjona tokana azy tao anatin'ity fandaharan'asa ity dia nahomby ny fanatsarana ny fampandehanana ny Fitantanana-draharaha araka ny hita teo amin'ny fahatrarana ny tanjona tamin'ny famoahana ireo antontan-taratasy (10 andro).

- *Fanjakana tompon'andraikitra* : nihoatra ny vinavina ny vokatra azo ho an'ny tondromarika anankiroa (02), nisongadina tamin'izany ny fananiana lalàna miisa 60 sy ny fandraisana anjara tamin'ny fivoriana iraisam-pirenena miisa 52. Ny tsy fahampian'ny sora-bola kosa no tsy nahafahana nanatanteraka ireo fitsirihana miisa 20 voavinavina.

- FITSARANA AVO MOMBA NY LALAM-PANORENANA

**Fafana 16** : Fandravonana ireo fanatanterahana ara-bola sy mivaingana

Kaody	Fandaharan'asa	Sora-bola farany	Fandaniam-bola	Taha	Voasoratra	Tratra	Tsy tratra	Tsy voafaritra	Hafa	Tahampan(%)
004	Fitantanana sy fandrindrana	5 160 291 000	4 965 538 547	96,23	5	4	0	1	0	80,00
102	Fanjakana Tompon'andraikitra	990 200 000	793 070 183	80,09	3	3	0	0	0	100,00
<b>FITAMBARANY</b>		<b>6 150 491 000</b>	<b>5 758 608 730</b>	<b>93,63</b>	<b>8</b>	<b>7</b>	<b>0</b>	<b>1</b>	<b>0</b>	<b>87,50</b>

*Loharanom-baovao: Famelabelarana ny sora-bola, Antontan-kevitra ny fahombiazana LFR, BCSE sy RAP 2016*

- *Fitantanana sy fandrindrana* : amin'ny ankapobeny dia nahazoam-bokatra ireo hetsika natao, 86% tamin'ireo olan'ny fampandehanana ny fitantanana-draharaha no voavaha noho ny fanatsarana sy ny fampiasana araka ny tokony ho izy ireo fitaovana ara-informatika. Ambonin'izany, tsapa ihany koa ny fanatsarana ny tahan'ny fampiasana ny tetibola noho ireo ezaka nasehon'ireo tompon'andraikitra ny tinadim-panjakana teo amin'ny fitadiavam-bahaolana mikasika ireo dingan'ny fanohizana ny tsenam-baro-panjakana.

- *Fanjakana tompon'andraikitra* : nifanaraka tamin'ny vinavina avokoa ireo zava-bita. Nihoatra ny zavatra nantenaina mihitsy aza, singanina tamin'izany ny isan'ny didy sy fampahafantarana navoaka vokatra ny fihatsaran'ny endriky ny politika momba ny lalàna. Fahombiazana tahaka izany koa teo amin'ny fahazoan'antoka sy ny fangaraharan'ny dingam-pifidianana, tamin'ny alalan'ny fampiofanana mpisehatra 26, vokatr'ireo ezaka fanatsarana ny fahaiza-manao sy ny fifanakalozana

traikefa momba ny fifidianana. Nanamarika ny taona 2016 ihany koa ny fandraisana filazam-pananana miisa 106 tamin'ireo tompon'andraiki-panjakana ambony.

- FIADIDIANA NY PRAIMINISTRA

**Fafana 17** : Fandravonana ireo fanatanterahana ara-bola sy mivaingana

Kaody	Fandaharan'asa	Sora-bola farany	Fandanim-bola	Taha	Voasoratra	Tratra	Tsy tratra	Tsy voafaritra	Hafa	Taham-pan(%)
005	Fitantanana sy fandrindrana	25 708 492 000	25 259 284 275	98,25	86	38	33	1	14	44,19%
402	Fampandrosoana ny ambanivohitra	100 285 000	99 714 391	99,43	10	2	6	0	2	20,00%
403	Filaminana ara-tsakafo	64 613 817 000	35 815 612 781	55,43	13	7	4	2	0	53,85%
802	Firaisankinam-pirenena	218 843 000	213 359 237	97,49	1	1	0	0	0	100,00%
<b>FITAMBARANY</b>		<b>90 641 437 000</b>	<b>61 387 970 684</b>	<b>67,73</b>	<b>110</b>	<b>48</b>	<b>43</b>	<b>3</b>	<b>16</b>	<b>43,64%</b>

*Loharanom-baovao*: Famelabelarana ny sora-bola, Antontan-kevitra ny fahombiazana LFR, BCSE sy RAP 2016

- *Fitantanana sy fandrindrana* : ny zava-bita dia nahakasika ny fanaraha-maso sy fanombanana ny paik'adim-pirenena ho amin'ny ady amin'ny fivarotana olona, ny fanomezana laharana tahirin-taratasy miisa 23 430, ny fampidirana ao anatin'ny antontan-kevitra fototra ny boky miisa 1 150, ny fampitana ny fanazavana miisa 2 625 mikasika ny fandrindrana ireo asa ho amin'ny fandriampahalemana sy ny fividianana ireo fitaovana voatokana ho amin'izany. Ho an'ireo tondromarika izay tsy nahatratra ny tanjona kosa, ny tsy fahampian'ny vola sy ny fampihemorana ireo asa tokony ho vita tamin'ny 2017 no tena antony nahatonga izany.

- *Fampandrosoana ny ambanivohitra* : ny famolavolana ny 9 androm-panentanana momba ny fampandrosoana ny enyambanivohitra sy ny fandrafetana ary ny fampahafantarana ireo fanadihadiana isan-droavolana ny toetry ny tsenam-bary anatin'ny sy iraisam-pirenena ihany no zava-bita nifanaraka tamin'ny vinavina. Ny tsy fahampian'ny vola no niteraka ny fahakelezan'ny vokatra teo amin'ny fanaparitahana ny vaovao momba ny vidim-bary sy ireo vokatra ara-tsakafo ary koa ny fanadihadiana lohahevitra mikasika ireo zava-misy marina any ambanivohitra sy ny fampandrosoana azy.

- *Filaminana ara-tsakafo* : ho fanatsarana ny fanjarian-tsakafo sy ny filaminana ara-tsakafo, ankizy 747 980 no voakasiky ny fandaharan'asa fanjarian-tsakafo, raha toa ka toeram-pandraisan'ny PNNC miisa 4 205 no nampiasaina. Ambonin'izany, ankizy tsy ampy sakafo miisa 8 130 no noraisin'ny CRENI/CRENA an-tanana ary tokan-trano miisa 82 651 no nahazo tombony tamin'ny fandaharan'asa filaminana ara-tsakafo, tokan-trano 438 470 mila vonjy maika ihany koa no nahazo fanohanana ara-tsakafo, ka ny tany atsimon'ny nosy no tena notohanana tamin'izany.

- *Firaisankinam-pirenena* : nahitana fihenana ny taham-pahavoazana tamin'ireo tranga mety hitera-doza sy ny fiantraikan'izany tamin'ny mponina satria ny taha novinavinaina izay 5% dia lasa 1% tamin'ny fiafaran'ny taona.

- FILANKEVITRY NY FAMPILAVANANA MALAGASY

**Fafana 18** : Fandravonana ireo fanatanterahana ara-bola sy mivaingana

Kaody	Fandaharan'asa	Sora-bola farany	Fandanim-bola	Taha	Voasoratra	Tratra	Tsy tratra	Tsy voafaritra	Hafa	Tahampan(%)
057	Fitantanana sy fandrindrana	4 148 749 000	3 987 022 307	96,10	1	1	0	0	0	100,00
823	Fampihavanam-pirenana	184 751 000	182 749 240	98,92	2	0	2	0	0	0,00
<b>FITAMBARANY</b>		<b>4 333 500 000</b>	<b>4 169 771 547</b>	<b>96,22</b>	<b>3</b>	<b>1</b>	<b>2</b>	<b>0</b>	<b>0</b>	<b>33,33</b>

*Loharanom-baovao: Famelabelarana ny sora-bola, Antontan-kevitra ny fahombiazana LFR, BCSE sy RAP 2016*

- *Fitantanana sy fandrindrana*: tanterakany tanjona hahatongavana amin'ny fitantanana mahomby sy mazava. Voahaja ny fe-potoana 6 andro fikirakirana ireo antontan-taratasy ary nifanaraka tamin'ny vinavina.

- *Fampihavanam-pirenana*: tsy tratra ny tanjona hamaha ireo olana politika ny 2002 hatramin'ny 2009 sy ny ezaka fanavaozana ny firenena, noho ny fiandrasana lalàna vaovao momba ny Fampihavanam-pirenana. Nefa na dia teo aza izany, nanamarika ny taona 2016 ny fisian'ny ady hevitra momba ny Fampihavanam-pirenana niarahana tamin'ny solon-tenan'ny SADC sy ny fandrafetana ny Paik'adim-pirenana momba ny Fampihavanana teo amin'ny fivoriana ara-potoan'ireo mpikambana.

- FILANKEVI-PIRENENA MAHALEOTENA MOMBA NY FIFIDIANANA

**Fafana 19** : Fandravonana ireo fanatanterahana ara-bola sy mivaingana

Kaody	Fandaharan'asa	Sora-bola farany	Fandanim-bola	Taha	Voasoratra	Tratra	Tsy tratra	Tsy voafaritra	Hafa	Tahampan(%)
060	Fitantanana sy fandrindrana	4 630 216 000	4 515 884 029	97,53	16	3	13	0	0	18,75
126	Fampiharana ny dingam-pifidianana	142 784 000	130 790 568	91,60	18	4	11	0	3	22,22
825	Fanabeazana momba ny fifidianana sy fifandraisana	27 000 000	26 990 040	99,96	7	5	2	0	0	71,43
<b>FITAMBARANY</b>		<b>4 800 000 000</b>	<b>4 673 664 637</b>	<b>97,37</b>	<b>41</b>	<b>12</b>	<b>26</b>	<b>0</b>	<b>3</b>	<b>29,27</b>

*Loharanom-baovao: Famelabelarana ny sora-bola, Antontan-kevitra ny fahombiazana LFR, BCSE sy RAP 2016*

- *Fitantanana sy fandrindrana*: niavaka ny zava-bita teo amin'ny fanatsarana ny lisi-pifidianana, ny fampiofanana ny mpikirakira informatika sy ny fanatsarana ny fampiasana ny rohim-pifandraisana hahafahana mampandeha ny tranonkalan'ity andrim-panjakana ity. Tsy nahitam-bokatra ny ankamaroan'ny tondromarika tsy nahatratra tanjona noho ny tsy fahampiana ara-bola.

- *Fanatanterahana ny dingam-pifidianana*: natao hanomana sy hikarakara fifidianana azo antoka, eken'ny rehetra ary mangarahara ity fandaharan'asa ity. Nifanalavitra tamin'izay nantenaina ireo vokatra maro azo, anton'izay elanelana izay ny ankamaroan'ireo tondromarika izay tsy nampiasaina sy ny tsy fisian'ny fifidianana tamin'ny 2016.

- *Fanabeazana momba ny fifidianana sy fifandraisana*: saika tratra ihany ny fanamby teo amin'ny fandrafetana sy fampiharana ny paik'adim-pirenena fanabeazana momba ny fifidianana, satria tondromarika 5 tamin'ireo 7 voasoratra no nahatratra tanjona. Araka izany, fifanaraham-panaraha-maso iray no vita niarahana tamin'ny PNUD, fifanaraham-piaraha-miasa 28 novita sonia, atrik'asa 8 notanteraka, ary ireo hetsika fampahafantarana sy fampitam-baovao diatanteraka hatramin'ny 100% tamin'ny 2016. Ny tsy fahampian'ny vola kosa anefa no tsy nahafahana nividy ireo fitaovana ilaina tamin'ity sehatra ity.

- MINISTERAN'NY RAHARAHAM-BAHINY

**Fafana 20** : Fandravonana ireo fanatanterahana ara-bola sy mivaingana

Kaody	Fandaharan'asa	Sora-bola farany	Fandanim-bola	Taha	Voasoratra	Tratra	Tsy tratra	Tsy voafaritra	Hafa	Tahampan(%)
006	Fitantanana sy fandrindrana	46 681 020 000	46 398 971 391	99,40	6	6	0	0	0	100,00
601	Diplomasia sy fiaraha-miasa	7 660 042 000	7 516 911 712	98,13	26	21	5	0	0	80,77
<b>FITAMBARANY</b>		<b>54 341 062 000</b>	<b>53 915 883 103</b>	<b>99,22</b>	<b>32</b>	<b>27</b>	<b>5</b>	<b>0</b>	<b>0</b>	<b>84,38</b>

*Loharanom-baovao: Famelabelarana ny sora-bola, Antontan-kevitra ny fahombiazana LFR, BCSE sy RAP 2016*

- *Fitantanana sy fandrindrana* : tanteraka araka izay nandrasan'ny ministera ny fanehoana ny filana ara-pitaovana ho an'ireo sampan-draharaha foibe sy ny fampanaraham-penitra ny tolotr'asampanjakana. Nahatratra tanjona avokoa ireo tondromarika voasoratra rehetra.

- *Diplomasia sy fiaraha-miasa* : ny zava-bita nisongadina indrindra dia ny fikarakarana fivoriana/atrik'asa/seminera iraisam-pirenena miisa 11 teto Madagasikara, ny fanatrehanafivoriana sy seminera marolafy nataon'ireo mpitondra sy tompon'andraikitra, ny fanaovan-tsonia fifanarahana miisa 10 teo amin'ny fiaraha-miasa marolafy, ny fanaovan-tsonia fifanarahana miisa 27 teo amin'ny fiaraha-miasa roalafy ary ny fanaovan-tsonia fifanarahana miisa 13 momba ny fiaraha-miasan'ny faritra. Teo amin'ny famerenana ny fiaraha-miasan'ny fanjakana sy ny tsy miankina, hetsika iraisam-pirenena ara-toekarena 13 no nisy ary mpiasa teo anivon'ny rafi-pitantanana foibe miisa 6 no nanaraka fiofanana momba ny toekarena, varotra ary fifandraisana iraisam-pirenena.

- MINISTERAN'NY FIAROVAM-PIRENENA

**Fafana 21** : Fandravonana ireo fanatanterahana ara-bola sy mivaingana

Kaody	Fandaharan'asa	Sora-bola farany	Fandanim-bola	Taha	Voasoratra	Tratra	Tsy tratra	Tsy voafaritra	Hafa	Tahampan(%)	Kaody
122	007	Fitantanana sy fandrindrana	159 858 754 000	158 908 293 361	99,41	1	1	0	0	0	100,00
	103	Fitantanana ny politikam-piarovana	7 098 430 000	6 777 652 486	95,48	2	2	0	0	0	100,00
	008	Fitantanana sy fandrindrana	12 237 114 000	12 092 707	98,82	3	2	1	0	0	66,67

Kaody	Fandaharan'asa	Sora-bola farany	Fandanim-bola	Taha	Voasoratra	Tratra	Tsy tratra	Tsy voafaritra	Hafa	Taham - pan(%)	Kaody
				714							
123	104	Tafika an-tanety	4 672 968 000	4 650 631 898	99,52	1	0	1	0	0	0,00
	105	Tafika ana-habakabaka	1 575 228 000	1 571 892 096	99,79	1	0	1	0	0	0,00
	106	Tantsambom-pirenena	1 350 650 000	1 348 430 331	99,84	1	0	1	0	0	0,00
	<b>FITAMBARANY</b>		<b>186 793 144 000</b>	<b>185 349 607 886</b>	<b>99,23</b>	<b>9</b>	<b>5</b>	<b>4</b>	<b>0</b>	<b>0</b>	<b>55,56</b>

*Loharanom-baovao: Famelabelarana ny sora-bola, Antontan-kevitra ny fahombiazana LFR, BCSE sy RAP 2016*

### **Iraka « Fiarovana sy Fandriam-pahalemana »**

- *Fitantanana sy fandrindrana*: afaka nanohy ny firindran'ny fandaminana ny ministera tamin'ny nahatanterahany ny 75% tamin'ireo asa momba ny raharaha ankapobeny sy ara-teknika.

- *Fitantanana ny politikam-piarovana*: araka izay nantenaina avokoa ireo vokatra. Ny fanatanterahana ireo asa fandaminana sy ny asan'ireo sampam-piarovana dia tanteraka hatramin'ny 50% sy 75% isan'isany, nifanaraka tamin'ireo vinavina napetraka.

### **Iraka « Tafika malagasy »**

- *Fitantanana sy fandrindrana* : tratra avokoa ny taha novinavinaina ho an'ny fahafenoan'ireo haba isan'olona sy iombonana fandoa sy ho an'ny fahazoana mampiasa ireo fotodrafitrasa, fampitaovana ary fitaovan'ireo vondron-tafika. Tsy toy izany kosa anefa ny tahan'ny fanatanterahana ireo fandaharan'asa fandraisana mpiasa sy fampiofananafa nahitana elanelana miiba 10,04% tamin'ny fiafaran'ny taona, noho ny famerana ny sora-bola taorian'ny LFR.

- *Tafika an-tanety* : noho ny tsy fahampian'ny fahafaha-manao dia nahemotra ho amin'ny 2017 ireo tetik'asa fampitaovana ny tafika an-tanety. Nanamarina izany ny elanelana hita teo amin'ny taham-panombanana ny zava-bitan'ireo tafika an-tanety izay tsy nahatratra afa tsy 68,37% raha tokony ho 75% araka ny vinavina.

- *Tafika ana-habakabaka* : ampahany tamin'ireo tetik'asa novinavinaina ho an'ny Tafika ana-habakabaka ihany no tanteraka. Fanampin'izany, nahitana fihenana 40% ny sora-bola hikojakojana ireo fitaovana fampiasa eny ana-habakabaka taorian'ny LFR.

- *Tantsambom-pirenena* : Ny fihenana ny tetibolany taorian'ny LFR 2016 no niteraka ny fanafoanana ireo atrik'asa voasoratra tao amin'ny vinavinana ny Tafika an-dranomasina (fikajiana sy fandaminana ny tafika an-dranomasina).

- SEKRETERAM-PANJAKANA EO ANIVON'NY MINISTERAN'NY FIAROVAM-PIRENENA  
MIADIDY NY ZANDARMARIA

**Fafana 22** : Fandravonana ireo fanatanterahana ara-bola sy mivaingana

Kaody	Fandaharan'asa	Sora-bola farany	Fandaniem-bola	Taha	Voasoratra	Tratra	Tsy tratra	Tsy voafaritra	Hafa	Taham-pan(%)
009	Fitantanana sy fandrindrana	156 070 647 000	155 343 022 378	99,53	3	2	1	0	0	66,67
108	Fanelanelanana iraisana sy/na manokana	1 918 600 000	1 914 562 178	99,79	2	1	1	0	0	50,00
121	Fandriam-pahalemana sy filaminam-bahoaka	8 362 937 000	8 232 483 485	98,44	12	4	5	3	0	33,33
124	Fampanaraham-penitra ireo fampitaovana sy fotodrafitrasa	6 988 950 000	6 966 596 931	99,68	4	1	3	0	0	25,00
125	Fiofanana	1 089 527 000	1 057 904 058	97,10	2	1	1	0	0	50,00
<b>FITAMBARANY</b>		<b>174 430 661 000</b>	<b>173 514 569 030</b>	<b>99,47</b>	<b>23</b>	<b>9</b>	<b>11</b>	<b>3</b>	<b>0</b>	<b>39,13</b>

*Loharanom-baovao: Famelabelarana ny sora-bola, Antontan-kevitra ny fahombiazana LFR, BCSE sy RAP 2016*

- *Fitantanana sy fandrindrana* : ho enti-mandrindra sy manombana ireo asany, fitsirihana 215 no tontosa ary fivoriana fanentanana 4 036 no nisy, ary nifanaraka tamin'izay voavinavina izany. Na izany aza, 61,36% tamin'ireo tranga momba ny kolikoly voalaza ihany no vita fanaraha-maso tamin'ny taha 75% novinavinaina. Araka ny voalaza, mbola eo an-dàlam-pandinihana ireo antontan-taratasy.
- *Fanelanelanana iraisana sy na manokana*: tsy tratra afa tsy tamin'ny ampahany ny tanjona hamerenana ny filaminana, satria fanelanelanana 32 nataon'ny vondrona manokana ihany no nisy nefa ny vinavina napetraka dia 90. Na izany aza nefa, nihoatra lavitra tamin'ny vinavina raha ny fivezivezena fampandrian-tany sy ny fanelanelanana: fivezivezena fampandrian-tany 2 714 no vita raha 264 ny isa novinavinaina.
- *Fandriam-pahalemana sy filaminam-bahoaka*: tao anatin'ny tanjona hampitombo ny fahafahana midina ifotony sy mihetsika, taratasy fampahafantarana 15 529 no natao ary fitaovam-piadiana 309 no sarena sy voatazona. Raha ny fanaraha-maso mialoha sy aorian'ny tranga, olona miisa 54 no voasambotra tamin'ny fitrandrahana tsy ara-dalàna ireo harena voajanahary.
- *Fampanaraham-penitra ireo fampitaovana sy fotodrafitrasa*:ny tondromarika tamin'ny tahan'ny fividianana fitaovana ihany no tratra tao anatin'ity fandaharan'asa ity. An-dàlana kosa ny fametrahana ireo tobin'ny zandary fanaraha-maso ny sisin-tany.
- *Fampiofanana*: momba ny fanatsarana ny kalitaon'ny fiofanana, fiofanana sy fanatsaram-pahaizana 31 no vita. Ny isan'ny mponina iandraiketana'ny zandary iraynefa dia 1 748 raha tokony ho 1 600 araka ny vinavina. Ity tsy fahombiazana ity dia vokatry ny fihemorana'ny daty nivoahan'ireo mpianatra ho zandary sy ny fandehanan'ireo zandary am-perin'asa nisotro ronono.

- MINISTERAN'NY ATITANY SY NY FITSINJARAM-PAHEFANA

**Fafana 23:** Fandravonana ireo fanatanterahana ara-bola sy mivaingana

Kaody	Fandaharan'asa	Sora-bola farany	Fandanim-bola	Taha	Voasoratra	Tratra	Tsy tratra	Tsy voafaritra	Hafa	Tahampan(%)	Kaody
140	010	Fitantanana sy fandrindrana	30 198 146 000	29 843 659 024	98,83	12	7	5	0	0	58,33
	109	Fitantanana ny lafin-tany	27 117 785 000	26 693 412 630	98,44	8	8	0	0	0	100,00
	202	Fiatrehina ny tranga mitera-doza sy loza	70 756 997 000	13 783 692 625	19,48	13	7	6	0	0	53,85
170	044	Fitantanana sy fandrindrana	17 135 000	17 111 000	99,86	8	5	3	0	0	62,50
	113	Fampandrosoana ireo vondrom-paritra itsinjaram-pahefana	59 469 092 000	45 277 712 091	76,14	16	7	9	0	0	43,75
	<b>FITAMBARANY</b>		<b>187 559 155 000</b>	<b>115 615 587 370</b>	<b>61,64</b>	<b>57</b>	<b>34</b>	<b>23</b>	<b>0</b>	<b>0</b>	<b>59,65</b>

*Loharanom-baovao: Famelabelarana ny sora-bola, Antontan-kevitra ny fahombiazana LFR, BCSE sy RAP 2016*

**Iraka « Fitantanana ny lafin-tany »**

- *Fitantanana sy fandrindrana* : ny zava-bita tena niavaka dia ny fanangonana sy fampiasana ireo tatitra 120 momba ny atrik'asan'ireo renivohi-paritany, ny fahazoan'ireo renivohi-paritany ny tambazotra aterineto, ny fanaovana ireo fivoriana 12 ho an'ireo renivohi-paritany niaraka tamin'ireo filohan'ny vondrom-paritra itsinjaram-pahefana ary ny fametrahana sy ny fampiharana ireo didy sy fanampim-panazavana miisa 400.

- *Fitantanana ny lafin-tany* : ny vokatra tena niavaka dia ny fanisàna fitaovam-piadiana miisa 42 500 araka ny ady atao amin'ny fiparitahan'ny fitaovam-piadiana, ny fanisàna tsenan'omby miisa 117 ary ny fandraisana an-tsoratra mpitsoa-ponenana miisa 1 734 tao anatin'ny tahirin-kevitra.

- *Fiatrehina ny tranga mety hitera-doza sy ny loza*: ny tsy fahampian'ny tetibola no anton'ny tsy fahombiazana ho an'ireo tondromarika sasany. Araka izany, kaominina 10 ihany, sy faritra 8 ary distrika 70 no nampiofanina tamin'ny fiatrehina ny tranga mety hitera-doza sy ny loza, raha novinavinaina ho 500,12 ary 101 isan'isany izany. Na izany aza nefa, paik'ady 12 no tafapetraka ary lalàm-piaraha-miasa 4 no vita sonia sy nampiharina.

**Iraka « Fitsinjaram-pahefana »**

- *Fitantanana sy fandrindrana* : ho fanatsarana ny fahombiazana sy ny fahazoana antoka ny fitantanana ny lafin-tany, mpiasa 250 no nampanaovina « formation initiale » ary sampan-draharaha 50 no nomena fitaovana tsara sy ampy nifanaraka tamin'ny vinavina napetraka. Vokatry ny tsy fahampian'ny fahafaha-manao kosa, mpiasa 250 ihany no nahazo « formation ponctuelle » tamin'ireo 300 novinavinaina.

- *Fampandrosoana ireo vondrom-paritra itsinjaram-pahefana*: tsy feno afa tsy ny ampahany ny tanjona ho fanohanana ny fitsinjarana ny fahefana sy ny hampahomby ny fitantanana anatin'ny. Araka izany, vokatry'ireo krizy miverimberina, ambany lavitra tamin'ny taha novinavinaina ny tahan'ny famoriana ny hetra anatin'ny. Ambonin'izany, kaominina 1 001 fotsiny no nahatonga ny kaontim-pitantanany. Ilaina ny fanatsarana ny fahaiza-manaon'ireo mpisehatra, araka ny fanazavana azo. Vitsy lavitra tsy araka ny tombana napetrakany isan'ireo tompon'andraikitra nahazo fiofanana noho ny sanda ambony loatra napetraka ho an'ity tondromarika ity. Na dia teo aza anefa izany, nisy ihany ireo fahombiazana vitsivitsy hita, toy ny fanohanana ireo vondrom-paritra itsinjaram-pahefana miisa 568 tamin'ny fanomezana fiofanana, ny fandraiketana tamin'ny taha 100% ireo famindram-bola ary ny fametrahana ny paik'ady fampandrosoana anatin'ny.

- MINISTERAN'NY FILAMINAM-BAHOAKA

**Fafana 24** : Fandravonana ireo fanatanterahana ara-bola sy mivaingana

Kaody	Fandaharan'asa	Sora-bola farany	Fandanim-bola	Taha	Voasoratra	Tratra	Tsy tratra	Tsy voafaritra	Hafa	Tahampan(%)
036	Fitantanana sy fandrindrana	88 837 375 000	88 324 718 473	99,42	2	2	0	0	0	100,00
120	Filaminam-bahoaka	8 609 202 000	8 444 355 195	98,09	16	9	5	0	2	56,25
<b>FITAMBARANY</b>		<b>97 446 577 000</b>	<b>96 769 073 668</b>	<b>99,30</b>	<b>18</b>	<b>11</b>	<b>5</b>	<b>0</b>	<b>2</b>	<b>61,11</b>

*Loharanom-baovao*: Famelabelarana ny sora-bola, Antontan-kevitra ny fahombiazana LFR, BCSE sy RAP 2016

- *Fitantanana sy fandrindrana* : tratra ireo tondromarika 2 ho an'ny tanjona « fandrindrana ny fiofanana sy ny fandraisana mpiasa ».Tanteraka araka izany ny fampiofanana ireo mpianatra miisa 650 ary polisy miisa 250 no nahazo fanatsarana ny fahaiza-manao, raha 50 ny tarehimarika novinavinaina.

- *Filaminam-bahoaka* : ho an'ny tanjona hanatsarana ny fomba fiarovana, nifanaraka tamin'ny tanjona ny ankamaroan'ireo zava-bita, ankoatra ny isan'ny fitaovam-pivezivezena, ny isan'ny fiara novidiana sy ireo fitaovana hitandroana ny filaminana.Ireto tsy fahombiazana ireto dia vokatry ny famadihana ny sora-bola ho amin'ireo asa hafa natao holaharam-pahamehana sy ireo asa maika. Tafahoatry ny vinavina avokoa ny tanjona tamin'ny ady momba ny fifindra-monina tsy ara-dalàna.Araka izany, nivoatra ny taha enti-manazava ny heloka noho ny fanatsarana ny tontolon'ny asa (fividianana fitaovana informatika sy teknika vaovao).

- MINISTERAN'NY FITSARANA

**Fafana 25** : Fandravonana ireo fanatanterahana ara-bola sy mivaingana

Kaody	Fandaharan'asa	Sora-bola farany	Fandanim-bola	Taha	Voasoratra	Tratra	Tsy tratra	Tsy voafaritra	Hafa	Tahampan(%)
012	Fitantanana sy fandrindrana	74 532 485 000	73 507 766 993	98,63	11	7	4	0	0	63,64
111	Fitantanana ny Fitsarana	12 193 970 000	8 241 252 780	67,58	13	8	5	0	0	61,54
112	Fitantanana ny Fonja	6 218 383 000	6 137 139 307	98,69	7	5	2	0	0	71,43

Kaody	Fandaharan'asa	Sora-bola farany	Fandanim-bola	Taha	Voasoratra	Tratra	Tsy tratra	Tsy voafaritra	Hafa	Tahampan(%)
<b>FITAMBARANY</b>		<b>92 944 838 000</b>	<b>87 886 159 080</b>	<b>94,56</b>	<b>31</b>	<b>20</b>	<b>11</b>	<b>0</b>	<b>0</b>	<b>64,52</b>

*Loharanom-baovao: Famelabelarana ny sora-bola, Antontan-kevitra ny fahombiazana LFR, BCSE sy RAP 2016*

- *Fitantanana sy fandriandra* : ho an'ny politika fitantanana ny mpiasa, fivoriam-piofanana mitohy 11 no nokarakarina ary 12% tamin'ireo mpiasa no voakasiky ny politika famadibadihan-toerana. Fametrahana Teknolojia Vaovaon'ny Fampitam-baovao sy ny Fifandraisana miisa 87 no vita ho fanavaozana ny Fitsarana. Ho tohin'ny ady amin'ny kolikoly kosa dia toerana 33 no nanaovana fitsirihana sy fanadihadiana ary fanamarinana. Ratsy kosa ny fanatanterahana ho an'ny fampiasana ny informatika tamin'ireo sampan-draharahan'ny fitsarana na ny fonja, sy ny famoriana ireo lamandy sy sazy.

- *Fitantanana ny Fitsarana*: tsy voahaja ny fe-potoana fikirakirana ireo antontan-taratasy, satria betsaka ny isan'ireo antontan-taratasy nampian-drasina nandritra ny taona maromaro lasa. Nifanaraka tamin'izay nantenaina kosa ny tanjona « fanomezan-dàlana malalaka ny mponina hiditra ao amin'ny Fitsarana sy tosika ho amin'ny fiarovana ny zo maha olona ». Araka izany, trano lehibe vaovao 2 no naorina, trano roa hafa nohatsaraina ary toeram-pampianarana lalàna 9 iahian'ity Ministera ity no azo nampiasaina.

- *Fandraharahana ny fonja*: momba fitandroana ny filaminan'ireo fonja, nihena ny tahan'ny fitsoahana ny fonja satria ny vinavina napetraka ho 2% dia nihena hatramin'ny 0,66% ny fiakaran'ny taona. Valin'izay, ny fanatsarana ny ampahany tamin'ny fonjan'i Toliary ihany no afaka notontosaina noho ny tsy fahampian'ny vola raha toa ka 4 tamin'izany no novinavinaina hohatsaraina.

- MINISTERAN'NY FITANTANAM-BOLA SY NY TETIBOLA

**Fafana 26** : Fandravonana ireo fanatanterahana ara-bola sy mivaingana

Kaody	Fandaharan'asa	Sora-bola farany	Fandanim-bola	Taha	Voasoratra	Tratra	Tsy tratra	Tsy voafaritra	Hafa	Tahampan(%)
013	Fitantanana sy fandriandra	451 898 426 000	398 631 926 846	88,21	33	17	7	5	4	51,52
114	Fitantanana ny tetibola	902 938 178 000	846 700 861 250	93,77	16	12	2	2	0	75,00
115	Fitantanana hetra	6 242 155 000	5 782 028 529	92,63	8	2	5	0	1	25,00
116	Fadin-tseranana	6 715 838 000	2 114 838 920	31,49	25	15	9	1	0	60,00
117	Tahirimbolampanjakana	2 289 507 294 000	2 246 914 230 120	98,14	47	24	18	2	3	51,00
803	Hetsika aratsosialy	4 653 704 000	4 394 530 944	94,43	6	2	4	0	0	33,33
<b>FITAMBARANY</b>		<b>3 661 955 595 000</b>	<b>3 504 538 416 609</b>	<b>95,70</b>	<b>135</b>	<b>72</b>	<b>45</b>	<b>10</b>	<b>8</b>	<b>53,33</b>

*Loharanom-baovao: Famelabelarana ny sora-bola, Antontan-kevitra ny fahombiazana LFR, BCSE sy RAP 2016*

- *Fitantanana sy fandriandra* : ho fikajiana ireo fotodrafitrasa marefo sy ny fampihenana ny fahasahiranana ny isan-tokantrano, mpampianatra 19 852 no nampiofanina momba ny fahasalamana sy ny famatsian-tsakafo an-tsekoly, ankizy 322 981 latsaky ny 24 volana no nahazo famatsian-tsakafo voakajy, mpampianatra 16 999 no voamarina fa niasa ary nomena karama ary sekoly miisa 6 682 no nomena

fanampiana ara-bola. Raha jerena amin'ny fahaiza-manao, fahaiza-mitantana ary ny ezaka ataon'ny mpiasan'ity Ministera ity, 79% tamin'ireo manan-draharaha no afa-po tamin'ny tolotra nomena azy ireo.

- *Fitantanana ny tetibola* : nihatsara ny lamina fanaraha-maso ireo endriky ny fandoavana karama vokatry ny fampitoviana ity farany amin'ny tahirin-kevitra isan'olona ary ny fametrahana « standard de service ». Teo amin'ny fanatsarana ny fangaraharan'ny tetibola, antontan-kevitra 22 (LFI, LFR, LR, tatitra momba ny fampiasana ny tetibola, torolàlana momba ny fampiasana ny tetibola...) no navoaka tamin'ny tranon-kalan'ny Foibem-pitantanan'ny Tetibola. Momba ny fikajiana sy fanomezandanja ny fananan'ny fanjakana, nihoatra lavitra tamin'ny tanjona ny isan-jaton'ireo fitaovana sy trano voakarakara, izay 172% raha 80% ny vinavina. Ny fiovaovan'ireo tompon'andraikitra teo anivon'ireo orinasam-panjakana samihafa no anton'ny elanelana nisy teo amin'ny isan-jaton'ny isan'ireo kaontim-pitantanana voamarina sy voaray raha oharina tamin'ny isan'ireo orinasam-panjakana amperin'asa.

- *Fitantanana ny hetra* : ny vokatra tsara indrindra dia ny famoronana ivon-ketra vaovao (Alasora), ny fitomboan'ny vola miditra raha oharina tamin'izay novinavinaina noho ny fanatsarana ny kalitaon'ny fanaraha-maso ny hetra, ary ny fikarakarana fihaonana 87 ho fanatsarana ny fampidiran-ketra. Nefa na dia teo aza ny fanarenana sy ny fampandoavana haba, nahitana fihenana ny taham-pamoriantan-ketra tamin'ireo orinasa salasalany sy ireo orinasa vaventy tamin'ny 2016.

- *Fadin-tseranana* : ny zava-bita dia ny fanaovana fitsirihana miisa 227 nanerana ny nosy, ny fanomezana fiofanana tany ivelany ho an'ny mpiasa 88, ny fampidiram-bola tamin'ny fanafaran'entana tanteraka hatramin'ny 24%, ny fampidiram-bola tamin'ireo haba sy sara fandoa hatramin'ny 42 lavitrisa Ariary, ny fahazoana 6,55 lavitrisa Ariary vokatry ny fandoavan-tsazy sy fahadisoana tao amin'ny fadin-tseranana, ary ny fanatsarana ny tontolon'ny asa sy ny sosialin'ireo mpiasan'ny fadin-tseranana. Etsy andaniny, tsy nisy fampiasana ny TRADENET teo anivon'ny Fitantanana ny Fadin-tseranana ary tsy nisy mpiasa vaovao tafiditra tao amin'ny ENSD (Ecole Nationale Supérieure des Douanes), satria ireo asa momba izany dia nahemotra ho amin'ny 2017.

- *Tahirimbolam-panjakana* : mba hanavaozana sy hampanarahina ny fenitra iraisam-pirenena ny asan'ny Tahirimbolam-panjakana, nitombo 32,58% ny mpiasan'ny Tahirimbolam-panjakana anaty sokajy manokana raha jerena amin'ny isan'ny mpiasa rehetra tao amin'ny Foibem-pitantanana, nandray mpitsidika 106 427 ny tranonkala ary mpiasa 193 no nampiofanina mikasika ny fitantanana ankapobe. Momba ny fanjakana tsara tantana sy ny fiverenana amin'ny fahamarinan'ny fitantanam-bola, tafiditra hatramin'ny 491,06% ny trosa tsy hetra momba ny Tamberin'ny Vidin'entana, na vola mitentina 1 631,11 lavitrisa Ariary, fifanaraham-piaraha-miasa ara-bola miisa 23 no vita, nihatsara hatramin'ny 25,20% ny fitantanana ny volam-panjakana, vory hatramin'ny 165,40% ny tombony ara-bola afa-karatsaka avy amin'ny petra-bolam-panjakana amin'ireo orinasa, ary niasa nanomboka ny 18 jona 2016 ny SPECL.

- *Hetsika ara-tsosialy* : tondromarika 2 tamin'ireo 6 voasoratra no tratra, isan'izany indrindra ny ampahan'ireo antontan-taratasy ara-dàlana neken'ireo mpamatsy vola sy ny fanomezana asa tàna-marô

isan'andro isaky ny telo volana ho an'ny olona miisa 302 157. Kanefa, ny tsy fahampian'ny fampitam-baovao sy fanentanana dia nisy akony tamin'ny fahatrarana ny tanjona momba ny fanatsarana ireo fotodrafitrasa anatin'ny fikaonan-doha teo anivon'ireo kaominina. Araka izany, antontan-taratasy 105 ihany no noraisina, raha 400 ny vinavina (fangatahana famatsiam-bola voaray teny anivon'ireo Kaominina).

- MINISTERAN'NY TOEKARENA SY NY TETI-PIVOARANA

**Fafana 27** : Fandravonana ireo fanatanterahana ara-bola sy mivaingana

Kaody	Fandaharan'asa	Sora-bola farany	Fandanim-bola	Taha	Voasoratra	Tratra	Tsy tratra	Tsy voafaritra	Hafa	Taham-pan(%)
014	Fitantanana sy fandrindrana	7 716 959 000	7 400 981 725	95,91	6	5	1	0	0	83,33
604	Toekarena	3 324 120 000	2 926 922 148	88,05	8	4	4	0	0	50,00
612	Teti-pivoarana	431 622 000	422 023 500	97,78	3	1	2	0	0	33,33
<b>FITAMBARANY</b>		<b>11 472 701 000</b>	<b>10 749 927 373</b>	<b>93,70</b>	<b>17</b>	<b>10</b>	<b>7</b>	<b>0</b>	<b>0</b>	<b>58,82</b>

*Loharanom-baovao: Famelabelarana ny sora-bola, Antontan-kevitra ny fahombiazana LFR, BCSE sy RAP 2016*

- *Fitantanana sy fandrindrana* : ho fanamafisana ny fahaiza-manao sy ny teknika, mpiasa 220 no nampiofanina ary trano fiasana 20 no nohatsaraina. Toy izany koa, didy aman-dalàna 59 no navoaka mba hiantohana ny fanarahan-dalàna tamin'ireo asan'ny ministera.

- *Toekarena*: Antonontonony ihany ny zava-bita, indrindra teo amin'ny famoahana ireo naoty efatra (04) araka ny zava-misy ara-toekarena sy ny antontan-taratasy fanadihadiana efatra (04), ny fanatanterahana sy fampifandraisana ny politika sy ny paik'adim-piaraha-miasan'ireo mpiambon'antoka mifanaraka amin'ny PND. Nahitana fihenana 0,90% kosa anefa ny taham-pitomboana vokatr'ireo anton-javatra maro.

- *Teti-pivoarana*: ny hananana antontan-kevitra hanazava ny fampandrosoana ny maha olona no isan'ny fanamby iray napetraka tao anatin'ity fandaharan'asa ity, fanamby izay tena tsy tratra satria tsy nahitana na dia antontan-kevitra iray aza hatramin'ny fiafaran'ny taona. Tsy tratra manontolo ihany koa ny tanjona hanamafisanaireo fampivondronanany hetsika isan-tsehatra sy isam-paritra. Araka izany, politikan-tsehatra 10 no vita fanadihadiana sy voarindra nifanaraka tamin'ny vinavina, nefa paik'adim-paritra 5 ihany no vita tamin'ireo 15 novinavinaina teny am-boalohany.

- MINISTERAN'NY ASAM-PANJAKANA, NY FANAFAVOZANA NY FITANTANAN-DRAHARAHANA, NY ASA ARY NY LALANA SOSIALY

**Fafana 28** : Fandravonana ireo fanatanterahana ara-bola sy mivaingana

Kaody iraka	Kaody fand	Fandaharan'asa	Sora-bola farany	Fandanim-bola	Taha	Voasoratra	Tratra	Tsy tratra	Tsy voafaritra	Hafa	Taham-pan(%)
	041	Fitantanana sy fandrindrana	641 654 000	24 412 000,00	3,80	4	2	2	0	0	50,00
	804	Fiantohana ny tontolo sosialy sy arak'asa ho	5 480 000	5 414 600,00	98,81	3	2	1	0	0	66,67

Kaody iraka	Kaody fand	Fandaharan'asa	Sora-bola farany	Fandanim-bola	Taha	Voasoratra	Tratra	Tsy tratra	Tsy voafaritra	Hafa	Tahampan(%)
310		an'ireo mpiasa									
	805	Fanohanana ny fifanakalozan-kevitra ara-tsosialy sy ireo zo fototra	48 872 000	32 670 519	66,85	4	2	2	0	0	50,00
	812	Fanatsarana ny ady amin'ny fampiasana ankizy	104 000 000	84 816 780	81,55	1	1	0	0	0	100,00
	824	Fanohanana amin'ny fampidirana sy ny fiovana amin'ny asa	136 680 000	93 384 182	68,32	9	4	4	0	1	44,44
320	015	Fitantanana sy fandrindrana	14 070 904 000	13 816 992 762	98,20	15	5	9	0	1	33,33
	118	Manatsara ny kalitaon'ny asampanjakana sy manamafy ny fahaizamanaon'ireo mpiasa	723 307 000	456 267 689	63,08	13	7	5	0	1	53,85
<b>FITAMBARANY</b>			<b>15 730 897 000</b>	<b>14 513 958 532</b>	<b>92,26</b>	<b>49</b>	<b>23</b>	<b>23</b>	<b>0</b>	<b>3</b>	<b>46,94</b>

*Loharanom-baovao: Famelabelarana ny sora-bola, Antontan-kevitra ny fahombiazana LFR, BCSE sy RAP 2016*

### **Iraka « Asa sy Lalàna sosialy »**

- *Fitantanana sy fandrindrana* : nanamarika ny taona 2016 ny fametrahana sampan-draharaham-paritry ny asa sy ny lalàna sosialy tany amin'ny faritr'i SAVA, Analanjirofo, Amoron'i Mania ary Sofia. Etsy andaniny, tsy nahafahana nametraka ireo rafitra fifanakalozan-kevitra ara-tsosialy novinavinaina ny tsy fahampian'ny tetibola.

- *Fiantohana ny tontolo sosialy sy arak'asa ho an'ireo mpiasa* : fahombiazana antonony 66,67% no hita tao amin'ity fandaharan'asa ity, noho ny fanavaozana sy fanaparahana ireo lalàna momba ny Filaminana ara-tsosialin'ny Mpiasa (SST) sy ny fitsinjarana araka ny tokony ho izy izany rafitra izany. Tsy tratra manontolo ny tanjon'ny tondromarika ho fampivelarana sy ho fanatsarana ny SST fa nahitana elanelana 10% raha oharina tamin'ny vinavina.

- *Fanohanana ny fifanakalozan-kevitra ara-tsosialy sy ireo zo fototra* : Tratra 100% ny tanjona tamin'ny fanajan'i Madagasikara ireo lamina napetraky ny OIT ary mpiasa 402 no afaka nahazo fanabeazana momba ny asa tao amin'ny Ivon-toeram-pirenena momba ny Asa. Etsy andaniny, fikarohana iray tamin'ireo 6 novinavinaina ihany no nisy, dia ny fikarohan'ireo mpanara-maso ny asa mikasika ny fanitsiana ny lalàn'ny asa. Ny elanelana teo amin'ny tondromarika momba ny fanajana ny lalàn'ny asa dia vokatriny fiandrasana ny tatitramomba ny zava-bitan'ireo sampan-draharaha hafa sy ny famerana ny fivezivezena.

- *Fanatsarana ny ady amin'ny fampiasana ankizy*: tratra ny tanjona napetraka, azo nampiasaina 100% ireo rafitra fandrindrana ny ady amin'ny fampiasana ankizy ary nampiharina ny fepetra fiarovana ireo ankizy miasa.

- *Fanohanana amin'ny fampidirana sy ny fiovana amin'ny asa* : isan'ny zava-bita nisongadina ny fizarana fahazoan-dàlana hiasa 1 345, ny fanamarinana fifanarahana'asa 792, ny fanentanana ireo mpiara-miombon'antoka ara-tsosialy teny anivon'ny kaominina, ary koa ny fanaovan-tsonia ireo fifanaraham-piaraha-miasa sy/na fifanarahana fiombonan'antoka. Ny tsy fandraisana andraikitra ireo

orinasa kosa no niteraka ny tsy fahombiazana ho an'ny tanjona ho fampiroboroana ny اساسها. Ambonin'izany, fidinana ifotony 2 tamin'ireo 10 novinavinaina no vita teny anivon'ireo toeram-pitadiavana asa, satria mbola tsy nifarana ny fanavaozana azy ireny.

### **Iraka « Asam-panjakana »**

- *Fitantanana sy fandrindrana* : tsy tratra afa tsy tamin'ny taha 33,33% ny tanjona hametraka fitantanana mahomby sy mirindra. Na izany aza, nisy ireo vokatra vitsivitsy izay nanamarika ny taona 2016, dia ny fanomezana toro-hevitra ho an'ny 35% n'ireo nanan-draharaha mikasika ny asam-panjakana, ny fahavitan'ny fandrindrana ireo asan'ny sampan-draharaha isam-paritra, ny fanomezana tombontsoa ara-tsosialy ny mpiasa miisa 291, ny fikarakarana sy fanatanterahana atrik'asa fampiofanana mikasika ny rafitra fampitam-baovao sy fanaraha-maso tombana, ary farany ny fanaovana fanadihadiana 4 hijerena ny fitotongan'ny endrika ara-panjakana sy ara-bola ho an'ireo mpiasa sasany. Tetsy andaniny, tsy nahazo fitaovana informatika na fiara noho ny tsy fisian'ny sora-bola.

- *Manatsara ny kalitaon'ny asam-panjakana sy manamafy ny fahaiza-manaon'ireo mpiasam-panjakana* : tratra ny tanjona momba ny fanatsarana ny fiofanan'ireo mpiasam-panjakana ambony, ny fametrahana rafitra tsara kokoa ho an'ny fifaninanam-panjakana, ny fizarana fitsipi-pitondran-tena miisa 550, ny fahavitan'ny fandrindrana ireo hetsika momba ny fitantanana ny mpiasam-panjakana. Ny tsy fisian'ny vola no tsy nahatanteraka ny asan'ireo Toeram-pampiofanana mampihatra ny rafitra fandrindrana ny fiofanana sy ny asa. Ny fahataran'ny fahazoana «quitus» kosa no nahatonga ny tsy fahombiazana teo amin'ny fanamorana ny fidiran'ireo manan-draharaha tao amin'ny Ministera na tety amin'ny foibe na tany amin'ny faritra.

- MINISTERAN'NY VAROTRA SY NY FANJIFANA

**Fafana 29** : Fandravonana ireo fanatanterahana ara-bola sy mivaingana

Kaody	Fandaharan'asa	Sora-bola farany	Fandanim-bola	Taha	Voasoratra	Tratra	Tsy tratra	Tsy voafaritra	Hafa	Taham - pan(%)
037	Fitantanana sy fandrindrana	20 574 052 000	20 414 786 465	99,23	1	0	0	0	0	0,00
606	Varotra	10 975 100 000	710 014 390	6,47	5	3	1	1	0	60,00
613	Fanjifana	117 000 000	98 424 486	84,12	3	3	0	0	0	100,00
<b>FITAMBARANY</b>		<b>31 666 152 000</b>	<b>21 223 225 341</b>	<b>67,02</b>	<b>9</b>	<b>6</b>	<b>2</b>	<b>1</b>	<b>0</b>	<b>66,67</b>

*Loharanom-baovao: Famelabelarana ny sora-bola, Antontan-kevitra ny fahombiazana LFR, BCSE sy RAP 2016*

- *Fitantanana sy fandrindrana* : tsy tratra afa tsy 66,90% ny tahan'ny fampiasana ny tetibola nefa 97% ny taha novinavinaina teny am-piandohana. Na izany aza, tafakatra 99,34% io taha io ho an'ny tetibola fampandehanan-draharaha tsy karama.

- *Varotra*: nihoatra ny vinavina ny zava-bitra sasan-tsasany. Fiofanana 17 no narahin'ireo mpiasa sy mpisehatra ara-toekarena ary atrik'asa 32 ho fanandratana ireo hetsika iraisam-pirenena ara-barotra no nisy. Etsy andaniny, tsy tratra ny tanjona tamin'ny isan'ireo didy aman-dalana mikasika ny

varotra anatin'ny sy mikasika ny kalitao, noho ny fanafoanana ny fandraiketana sy ny fahasarotan'ny famoahana lalàna.

- *Fanjifana*: Tratra avokoa ny tanjona ho an'ny tondromarika hiantoka ny fiarovana ny toekarena sy ny fiarovana ny mpanjifa. Araka izany, nanamarika ny taona 2016 ny fisian'ny didy amandalàna 3 momba ny fanjifana, ny fikarakarana fiofanana na fivoriana fampitam-baovao ho an'ireo mpisehatra sy ny fandinihana ireo fitarainana, ary farany ny fanavaozana ireo fotodrafitrasa 7 sy fampitaovana ara-teknika ho an'ireo sampan-draharaha mpanamarinaara-pahasalamana sy ny sampan-draharaha mpiantoka ny fahamarinan'ny refy.

- MINISTERAN'NY SERASERA SY NY FIFANDRAISANA AMIN'IREO ANDRIM-PANJAKANA

**Fafana 30** : Fandravonana ireo fanatanterahana ara-bola sy mivaingana

Kaody iraka	Kaody fand	Fandaharan'asa	Sora-bola farany	Fandanim-bola	Taha	Voasoratra	Tratra	Tsy tratra	Tsy voafaritra	Hafa	Taham - pan(%)
100	821	Fandrindrana ny fifandraisana amin'ireo Andrim-panjakana	28 700 000	28 699 500	100,00	3	0	3	0	0	0,00
	822	Fanandratana ny fanjakana tsara tantana sy ny fampandraisana anjara ny daholobe	54 075 000	54 063 400	99,98	10	4	6	0	0	40,00
370	030	Fitantanana sy fandrindrana	8 001 993 000	7 818 576 219	97,71	11	8	3	0	0	72,73
	212	Fampitam-baovao	727 724 000	695 420 917	95,56	11	9	2	0	0	81,82
	213	Fampivelarana ireo fotodrafitrasan'ny haino aman-jery	2 263 187 000	2 251 018 875	99,46	3	0	3	0	0	0,00
<b>FITAMBARANY</b>			<b>11 075 679 000</b>	<b>10 847 778 911</b>	<b>97,94</b>	<b>38</b>	<b>21</b>	<b>17</b>	<b>0</b>	<b>0</b>	<b>55,26</b>

*Loharanom-baovao*: Famelabelarana ny sora-bola, Antontan-kevitra ny fahombiazana LFR, BCSE sy RAP 2016

**Iraka « Fifandraisana amin'ireo Andrim-panjakana »**

- *Fandrindrana ny fifandraisana amin'ireo Andrim-panjakana* : tsy nisy tratra ny tanjona tamin'ireo tondromarika 3 voasoratra noho ny tsy fisian'ny fanatsarana ny fahaiza-manaon'ny mpiasa sy ny tsy fahampiana ara-pitaovana sy ara-informatika. Olona 11 no nahazo valisoa tamin'ny fifaninanana nomena ny loha-hevitra « Ny mahamalagasy sy ny Fihavanana » ary tompon'andraikitra 270 teo anivon'ireo vondrom-paritra no nampiofanina sy natokana hisoroka, hanadihady ary hifehy ireo disadisaara-tsosialy mba hisian'ny fitoniana.

- *Fanandratana ny fanjakana tsara tantana sy ny fampandraisana anjara ny daholobe*: ireo olana voalaza etsy ambony ireo ihany koa no anton'ny tsy fahampian'ny vokatra ho an'ity fandaharan'asa ity. Tamin'ireo tondromarika 10 napetraka, 4 no nahatratra tanjona. Na teo aza anefa izany, mpilatsaka an-tsitrabo 100 no nampiasaina mikasika ny fiatrehina ny tranga mety hitera-doza sy ny loza izay niarahana tamin'ny BNGRC; mpilatsaka an-tsitrabo 202 niofana momba ny fahadiovana, mpilatsaka an-tsitrabo 1 000 tamin'ny fanentanana ny vahoakan'Antananarivo sy ny manodidina ho amin'ny fahadiovana

nialoha ny fivoriana an-tampon'ny «Francophonie»; ary farany tanora hafa miisa 55 latsaky ny 18 taona voaofana momba ny ady amin'ny fanambadiana lasa aloha loatra.

### **Iraka « Serasera »**

- *Fitantanana sy fandrindrana* : ny zavatra tsara nanamarika ity iraka ity dia ny fampiofanana ireo mpiasa amin'ny famahana olana sy ny fanaovan-tsonia an'ilay fifanaraham-piaraha-miasa tamin'ny Haino aman-jerin'i Turquie.

- *Fampitam-baovao* : tamin'ny fanomanana ny fametrahana ny rafitra TNT eto Madagasikara, toerana 331 no nanaovana fitiliana, lalàna 9 navoaka, rafi-panjakana 2 tafapetraka ary ivon-toerana 2 nampidirana ny TNT, nihoatra ny vinavina rehetra ny zava-bita. Nanamarika ny taona 2016 ihany koa ny fanomanana ny fivoriana an-tampon'ny COMESA andiany faha 19, singanina amin'izany ny fikarakarana sy ny fitantanana ny ivon-toeran'ny asa fanaovan-gazety tao amin'ny CCI Ivato sy ny fiahiana ireo mpanao gazety mialoha sy mandritra ny fivoriana.

- *Fampivelarana ireo fotodrafitrasan'ny haino aman-jery* : nifanalavitra tamin'ny vinavina ny vokatra azo noho ny tsy fahampian'ny tetibola ampiasaina hividianana ireo fitaovana manaraka ny teknolojia vaovao.

## **2. Sehatra sosialy**

### **a. Ireo fanatanterahana mivaingana sy ara-bolan'ireo Ministera tao anatin'ny sehatra sosialy**

Sehatra nampiasa ireo fandaharan'asa lahamam-pahamehana ny sehatra sosialy, izy no faharoa taorian'ny sehatra fitantanana-draharaha nahazo tetibola be indrindra, izay 19,45% tamin'ny sora-bola rehetran'ny tetibola ankapobe. Ny fandaniam-bola vitany dia nahatratra 1 262,49 lavitrisa Ariary tamin'ny fiafaran'ny taona, izany hoe taham-pandaniana tetibola 91,11%.

Ireo ministera 7 mandrafitra ity sehatra ity dia nomena andraikitra hanatontosa iraka 14 sy fandaharan'asa 37, izay mampivondrona tanjona 108. 48,86% tamin'ny tanjona nokendrena no nifanaraka tamin'ny vinavina, izany hoe tondromarika 86 no tratra tamin'ireo 177 napetraka.

Nahitana fihenana ny isan'ireo tondromarika voasoratra ho an'ity sehatra ity raha oharina tamin'ny taon-dasa, satria raha tondromarika 234 no nisy tamin'ny 2015, 177 izany tamin'ny 2016. Andanin'izay, nahitam-pivoarana ny tahan'ny fahatrarana tanjona satria ny tahan'izany tamin'ny taon-dasa dia 44,87% raha toa ka vita hatramin'ny 48,86% izany ny taona 2016. Niovaova ny taham-panatanterahana ny tanjona ho an'ireo ministera, teo anelanelan'ny 70,83% ho an'ny Ministeran'ny Fampianarana Ambony sy ny Fikarohana Siantifika ary 22,22% ho an'ny Ministeran'ny Kolontsaina, ny Fanandratana ny Taozavatra ary ny Fikajiana ny Vakoka.


Ity fafana ity no mamintina ireo zava-bitan'ny sehatra sosialy:

**Fafana 31** : Famintinana ireo fanatanterahana mivaingana sy ara-bola ho an'ireo Ministera tao amin'ny sehatra sosialy

Min.	Irak a	Fand	Tanj	Amin'ny isa		Tratra	Tsy tratra	Tsy misy antontanisa	Hafa	Amin'ny lavitrisa Ariary		Fandania m-bola
				Tanjona						Sora-bola		
				Voaloha	Farany					Voalohany	Farany	
7	14	38	109	176	177	87	72	6	12	1 416,07	1 385,69	1 262,49

*Loharanom-baovao: Famelabelarana ny sora-bola, Antontan-kevitra ny fahombiazana LFR, BCSE sy RAP 2016*

**Kisary 3** : Fahombiazan'ny sehatra sosialy tamin'ny 2016



*Loharanom-baovao: Famelabelarana ny sora-bola, Antontan-kevitra ny fahombiazana LFR, BCSE sy RAP 2016*

### **b. Fivoaran'ny fahombiazana tao amin'ny sehatra sosialy (LFI sy LFR)**

Raha nahazo tombony tamin'ny fampiakarana ny sora-bolany ny sehatra fitantanana-draharaha taorian'ny LFR, nihena kosa ny anjara tetibolan'ny sehatra sosialy, fihenana 4,18% raha oharina tamin'ny LFI. Raha tetibola 1 416,07 lavitrisa Ariary no nomen'ity farany ho azy, dia lasa 1 356,94 lavitrisa Ariary tao amin'ny LFR. Ny ankamaroan'ny ministera tao anatin'ity sehatra ity dia saiky nahitana io fihenana io avokoa, ankoatra ny Ministeran'ny Mponina sy ny Fiahiana ara-tsosialy ary ny Fampiroboroboana ny Vehivavy, sy ny Ministeran'ny Fampianarana Ambony sy ny Fikarohana Siantifika, izay nahitana fitomboana ny tetibolany.

Tondromarika iray ihany no natsofoka tao amin'ny takela-pilazana ny fahombiazana (FPP) tamin'ny LFR, izay hita teo anivon'ny Ministeran'ny Mponina sy ny Fiahiana ara-tsosialy ary ny Fampiroboroboana ny Vehivavy. Momba ireo tanjona ho kendrena kosa, 5 tamin'ireo ministera 7 no nasiam-panitsiana ka nahena ny ampahany betsaka tamin'izany. Ny Ministeran'ny Fampianarana Ambony sy ny Fikarohana Siantifika no tena nahitam-panovàna betsaka indrindra tamin'izany, satria ny

87,5% tamin'ireo tondromarika nananany no novaina, tsy niharan'izany fanitsiana izany kosa ny Ministeran'ny Fanabeazam-pirenena, na dia nahena aza ny sora-bolany.

**Fafana 32** : Famintinana ny fivoaran'ny endriky ny tetibola sy ny fahombiazan'ny sehatra sosialy

Ministera	Fanovàna sora-bola			Fanovàna ny isan'ny tondromarika		Fanovàna tanjona ho kendrena	
	Sora-bola voalohany (LFI)	Sora-bola farany (LFR)	Fivoarana	Vinavina voalohany	Vinavina farany)	Nanampiana	Nanesorana
Ministeran'ny Fahasalalamam-bahoaka	345 269 842 000	316 269 660 000	-8,4	15	15	0	4
Ministeran'ny Tanora sy ny Fanatanjahan-tena	19 474 442 000	18 905 737 000	-2,92	42	43	0	1
Ministeran'ny Mponina, ny Fiahiana ara-tsosialy ary ny Fampiroboroana ny vehivavy	26 205 886 000	27 061 886 000	3,27	66	66	0	0
Ministeran'ny Fanabeazam-pirenena	810 514 975 000	784 779 618 000	-3,18	11	11	0	0
Ministeran'ny Asa, ny Fampiarana teknika ary ny Fampiofanana arak'asa	41 963 840 000	37 467 980 000	-10,71	9	9	0	7
Ministeran'ny Fampiarana Ambony sy ny Fikarohana siantifika	162 953 376 000	163 867 601 000	0,56	24	24	1	20
Ministeran'ny Asa Tànana, ny Kolontsaina ary ny Vakoka	9 685 646 000	8 586 446 000	-11,35	9	9	0	4
<b>FITAMBARANY</b>	<b>1 416 068 007 000</b>	<b>1 356 938 928 000</b>	<b>-4,18</b>	<b>176</b>	<b>177</b>	<b>1</b>	<b>36</b>

*Loharanom-baovao: Famelabelarana ny sora-bola, Antontan-kevitra ny fahombiazana LFR, BCSE sy RAP 2016*

**c. Fanarahana isaky ny fandaharan'asam-panatanterahan'ireo departemanta tao amin'ny sehatra sosialy**

- MINISTERAN'NY FAHASALAMAM-BAHOAKA

**Fafana 33** : Fandravonana ireo fanatanterahana ara-bola sy mivaingana

Kaody	Fandaharan'asa	Sora-bola farany	Fandaniam-bola	Taha	Voasoratra	Tratra	Tsy tratra	Tsy voafaritra	Hafa	Tahampan(%)
024	Fitantanana sy fandrindrana	185 027 883 000	165 333 105 970	89,36	3	2	1	0	0	66,67
502	Fitaovana ho an'ny sampan-draharahan'ny fahasalamana fototra	52 631 061 000	15 588 779 923	29,62	1	0	1	0	0	0,00
503	Fitaovana ho an'ny sampan-draharahan'ny fahasalamana any amin'ny hopitaly	23 684 997 000	16 768 159 870	70,80	1	1	0	0	0	100,00
504	Kojakojo ho an'ny fanafody sy ny mombamomba azy ary ireo hafa	6 379 670 000	4 193 479 853	65,73	1	0	1	0	0	0,00
505	Ady amin'ny valan'aretina	30 525 967 000	4 054 213 634	13,28	5	2	3	0	0	40,00
506	Famelomana sy fampivelarana ny Reny sy ny zaza	18 564 556 000	9 756 316 780	52,55	4	0	4	0	0	0,00
<b>FITAMBARANY</b>		<b>316 814 134 000</b>	<b>215 694 056 031</b>	<b>68,08</b>	<b>15</b>	<b>5</b>	<b>10</b>	<b>0</b>	<b>0</b>	<b>33,33</b>

*Loharanom-baovao: Famelabelarana ny sora-bola, Antontan-kevitra ny fahombiazana LFR, BCSE sy RAP 2016*

- *Fitantanana sy fandrinrana* : tanteraka araka ny vinavina ny fanamby hanatsara ny fahazoana ara-potoana ireo vaovao momba ny fahasalamana ary araka ny kalitao ilaina. Araka izany, ny fanatsarana ny fahaiza-manaon'ireo tompon'andraikitra sy ny fanajana ireo lamina ara-panjakana no niteraka ny fahombiazana teo amin'ny tahan'ny fanafainganana ny tatitry ny asa isam-bolana sy ny taham-pampiasana ny tetibola. Mikasika ny tanjona hanatsara ny fandrinrana, ny fanjakana tsara tantana ary ny fahaiza-mitarika, 51% tamin'ireo 65% n'ny CSB2 novinavinaina ihany no nanana mpiasan'ny fahasalamana roa farafahakeliny. Izany dia vokatry ny fandehanan'ireo mpiasa misotro ronono tsy nisy solony, sy ny famindran-toerana ireo mpiasan'ny CSB amin'ny sehatra ambony kokoa.

- *Fitaovana ho an'ny sampan-draharahan'ny fahasalamana fototra* : manoloana ny tsy fahafahan'ny mponina mivezivezy sy ny olana ara-bola, indrindra amin'ny faritra saro-dàlana sy ny fahalainan'ny mponina manatona CSB, dia nahitana fihenana 6,5% ny taham-pampiasana ny fitiliana teny anivon'ireo CSB ny fiafaran'ny taona.

- *Fitaovana ho an'ny sampan-draharahan'ny fahasalamana any amin'ny hopitaly*: nahitana fihatsarana ny fanatonan'ny vahoaka ireo sampan-draharahan'ny hopitaly, raha jerena ny zava-bitan'ity fandaharan'asa ity. Araka izany, ny fampiasan'ny marary ny fandriana dia nahatratra 67% raha 58% ny vinavina. Izany dia vokatry ny fanatsarana ny kalitaon'ny tolotra teny anivon'ireo hopitaly (fitaovana, fampitaovana, fotodrafitrasa) ary koa ny fisian'ny vola natokana ho an'ny sahirana eny amin'ny hopitaly sy ho an'ny vonjy taitra.

- *Kojakoa ho an'ny fanafody sy ny mombamomba azy ary ireo hafa* : ny tahan'ny fahafaha-mampiasa ireo fanafody tsotra eny anivon'ireo CSB dia nahitana fihenana 2,9% noho ny tsy fahampian'ny paik'ady fitehirizana fanafody ho an'ireo CSB lavitra sy ny tsy fandehanan'ny rafi-baovao Channel (fitantanana ny dingana fitehirizana, tahiry) tamin'ireo faritra 22.

- *Ady amin'ny valan'aretina* : ny fisian'ny vola nampiasaina no nahatonga ny fanatsarana ny ady tamin'ny tazomoka. Noho izany, ny taham-pahavoazana tamin'ny tazomoka teny anivon'ireo CSB dia 3,3% raha novinavinaina ho 5,5%. Tetsy andaniny, nifamadika tamin'izay vokatry nantenaina ny zava-bita tamin'ireo tondromarika ambiny. Araka izany, nahitana fihemorana ny fitsaboana ny raboka, vokatry ny tsy fisian'ny fanaraha-maso sy paik'ady fiarovana indrindra tamin'ireo faritra saro-dàlana. Ny tsy fahombiazana teo amin'ny fanamafisana ny fiarovana sy ny fandraisana an-tànana ny SIDA dia vokatry ny fahasimban'ny fitaovam-pitsirihana tao anatin'ny fampiofanana. Ny tsy fisian'ny famatsiam-bola hiadiana amin'ireo aretina tsy mifindra (fiakaran'ny tosi-drà) kosa no antony nampiakatra ny maty vokatry ny fahatapahan'ny làlan-drà teny amin'ny hopitaly.

- *Famelomana sy fampivelarana ny Reny sy ny zaza* : nihena ny tahan'ny tsy fahampian-danja ho an'ireo ankizy latsaky ny 5 taona notiliana teny amin'ireo CSB, noho ny fanatsarana ny fandraisana an-tànana ireo ankizy tsy ampy sakafo sy ny fisian'ny Ivon-toerana fanarenana sy fanabeazana ary fanomezan-tsakafo teny anivon'ireo CSB. Etsy andaniny, tsy tratra ny tanjona hanafaingana ny fampihenana ny fahafatesan'ny reny sy ny zaza eo am-piterahana sy ny fitondrana ny tosika ho amin'ny

fahasalaman'ny tanora sy ny vehivavy, noho ny tsy fahampian'ny fanentanana sy tsy fahatongavan'ireo antontan-kevitra avy any amin'ny faritra manodidinaara-potoana mankaty amin'ny foibe.

- MINISTERAN'NY TANORA SY NY FANATANJAHAN-TENA

**Fafana 34** : Fandravonana ireo fanatanterahana ara-bola sy mivaingana

Kaody iraka	Kaody fand	Fandaharan'asa	Sora-bola farany	Fandanim-bola	Taha	Voasoratra	Tratra	Tsy tratra	Tsy voafaritra	Hafa	Tahampan(%)
750	045	Fitantanana sy fandrindrana	15 299 766 000	15 221 814 167	99,49	10	1	3	0	6	10,00
	302	Tanora	1 944 940 000	874 414 297	44,96	15	5	10	0	0	33,33
780	026	Fitantanana sy fandrindrana	26 000 000	26 000 000	100,00	1	1	0	0	0	100
	301	Fanatanjahan-tena	1 720 675 000	1 694 072 946	98,45	14	7	6	0	1	50,00
	303	Fialam-boly	18 888 000	18 871 550	99,91	3	0	3	0	0	0,00
<b>FITAMBARANY</b>			<b>19 010 269 000</b>	<b>17 835 172 960</b>	<b>93,82</b>	<b>43</b>	<b>14</b>	<b>22</b>	<b>0</b>	<b>7</b>	<b>30,95</b>

*Loharanom-baovao: Famelabelarana ny sora-bola, Antontan-kevitra ny fahombiazana LFR, BCSE sy RAP 2016*

**Iraka « Tanora »**

- *Fitantanana sy fandrindrana* : tondromarika iray tamin'ireo 10 voasoratra ihany no nahatratra ny tanjony, dia ny taham-pampiasana ny tetibola izay nahitana fiakarana 23,91% raha oharina tamin'ny vinavina voasoratra 70%. Etsy andaniny kosa, tsy nisy birao na tranom-panjakana naorina noho ny fampihenana ny vola tao anatin'ny LFR.

- *Tanora* : ny zava-bita 5 niavaka indrindra dia ny fandraisana anjaran'ny tanora malagasy miisa 6 000 tamin'ny andron'ny tanora, ny tosika tamin'ireo torohevitra/rafitra 110 ho azy ireo, ny fanaovana ireo rafi-panohanana 22 momba ny famoronan'asa sy asa-tena, ny fahavitàn'ny fiaraha-miasa 20 ary ny fiakaran'ny tahan'ny tanora voantana tao amin' ny tranoben'ny tanora. Etsy andaniny nefa, raha tanora 6 500 no novinavinaina hampiofanina mikasika ny fitantanana orinasa sy fitantanana asa madinika, 3 000 ihany no nahazo izany hatramin'ny fiafaran'ny taona.

**Iraka « Fanatanjahan-tena »**

- *Fitantanana sy fandrindrana* : fandaharan'asa vaono noforoninaho fampiharana ny Didim-pitondrana laharana 23986/2016 mitondra ny fanitsiana ny filazam-pahombiazana (FPP) teo anivon'ity Ministera ity. Tratra 100% ny tondromarika napetrany (tahan'ny fampiasana ny tetibola).

- *Fanatanjahan-tena* : afaka nahatratra ny antsasaky ny tanjona napetrany ity fandaharan'asa ity, noho ny fanohanana sy ny fanandratana ireo taranjam-panatanjahan-tena 15, ny fanavaozana ho rano mafana ny dobo filomanosana tao amin'ny ANS, ny fandraisana anjaran'i Madagasikara tamin'ny fifaninanana iraisam-pirenena miisa 30 ary koa ny lalao goavana 7, ny fanampiana ireo hetsika ara-

panatanjahan-tena 2 teto amin'ny firenena, ny fiahiana ireo mpilalao 2 sy vondrona mpilalao avo lenta miisa 25 tamin'ny fanomanana ny lalao olimpika sy CJSOI.

- *Fialam-boly* : na dia tsy nisy tratra aza ny tanjona napetraka, nisy ny hetsika ara-panatanjahan-tena sy fialam-boly 5 tao amin'ny Tranoben'ny tanora ary tanora miisa 10 000 no nandray anjara tamin'ny hetsika ara-kolotsaina sy fiaraha-monina.

- MINISTERAN'NY Mponina, NY FIAHIANA ARA-TSOSIALY ARY NY FAMPIROBOROBOANA NY VEHIVAVY

**Fafana 35** : Fandravonana ireo fanatanterahana ara-bola sy mivaingana

Kaody iraka	Kaody fand	Fandaharan'asa	Sora-bola farany	Fandanim-bola	Taha	Voasoratra	Tratra	Tsy tratra	Tsy voafaritra	Hafa	Taham - pan(%)
760	025	Fitantanana sy fandrindrana	8 636 011 000	8 506 287 270	98,50	19	11	7	1	0	57,89
	806	Fianarana sy fanabeazana ho an'ny Mponina	1 443 000 000	17 918 000	1,24	5	2	1	0	2	40,00
	813	Fampiroboroboana ny fanatsarana ny fari-piainan'ny mponina	8 677 000 000	717 646 618	8,27	9	7	0	0	2	77,78
770	053	Fitantanana sy fandrindrana	30 000 000	29 920 000	99,73	2	2	0	0	0	100,00
	807	Karazana sy Fampandrosoana	2 527 000 000	400 947 762	15,87	5	4	0	1	0	80,00
	814	Hetsika ara-tsosialy	5 548 000 000	2 184 299 501	39,37	21	12	6	2	1	57,14
	815	Fianakaviana sy fahazazana	240 000 000	239 310 663	99,71	5	2	1	2	0	40,00
<b>FITAMBARANY</b>			<b>27 101 011 000</b>	<b>12 096 329 814</b>	<b>44,63</b>	<b>66</b>	<b>40</b>	<b>15</b>	<b>6</b>	<b>5</b>	<b>60,61</b>

*Loharanom-baovao: Famelabelarana ny sora-bola, Antontan-kevitra ny fahombiazana LFR, BCSE sy RAP 2016*

#### **Iraka « Mponina sy Fampandrosoana »**

- *Fitantanana sy fandrindrana* : nampiavaka manokana ny taona 2016 ny fanaparahana lalàna miisa 500 mikasika ny fananganan-jaza, ny fijerena manokana ireo rafi-piaraha-miasa 95, ny famoahana fifanaraham-piaraha-miasa 10 ary ny fampiofanana mikasika ny «TIC» tany amin'ireo toerana 44. Vita fanamarinana avokoa ny 100% tamin'ny antontan-taratsin'ireo mpiasa mba hiantohana ny fitantanana mahomby ny mpiasan'ity Ministera ity. Etsy andaniny nefa, tsy nisy lamina voarakitra an-tsoratra, tsy nisy toeram-pifandinihana tafapetraka fa mbola an-dàlam-panatanterahana ireo asamikasika izany.

- *Fianarana sy fanabeazana ho an'ny Mponina* : vokatra 2 no nifanaraka tamin'izay novinavinaina, dia ny fahatanterahan'ny fanentanana

- 10 tao anatin'ny faritra Analamanga sy nyfampandehanana ireo rafitra 8 teny anivon'ireo distrika. Ny fanovàna ireo laharam-pahamehana sy ny fampidirana ireo asa tsy voalahatra ho an'ny taona 2016 no niteraka ny tsy fisian'ny vokatra tamin'ireo tondromarika ambiny.

- *Fampiroboroboana ny fanatsarana ny fari-piainan'ny mponina*: antonony ihany ny fahombiazana 77,78% ho an'ity fandaharan'asa ity. Araka izany, isan'ireo hetsika nahazoam-bokatra tsara indrindra ny fanabeazana ireo vondrona sy fianakaviana sahirana miisa 20 tao anatin'ny faritra Analamanga sy Atsimo Andrefana, ny fanorenana na fanatsarana rafitra mpanelanelana miisa 90, ny

fanatsarana ny lafi-piainan'ny mponina tamin'ireo vondrona 5 sy ireo tanàna nanana finiavana, ny famoronana taranjam-piofanana 10 mikasika ny famerenana ara-piaraha-monina sy arak'asa, ny fanentanana ireo vondrona 150 momba ny ady amin'ny VIH/SIDA, ny fahasimban'ny tontolo iainana sy ny tsy fanjarian-tsakafo.

### **Iraka « Fiahiana ara-tsosialy »**

- *Fitantanana sy fandrintrana* : feno tsara ny tanjona hametraka ny rafitra fikarakarana. Araka izany, nihatsara ny 90% tamin'ireo fitantanana ara-teknika ary kaominina sahirana 75 no fantatra raha 54 ny vinavina.

- *Karazana sy Fampanandrosoana* : tratra avokoa ireo tondromarika napetraka ankoatra ny isan'ireo vehivavy nentanina hampitombo fahalalana momba ny fitantanana ny rano (tsy nisy antontanisa tamin'ny fiakaran'ny taona). Ny vokatra tsara kosa dia ny fampiasana ireo paik'adim-paritra 22 momba ny ady amin'ny tsy fitovian-tsaranga tamin'ny faritr'i Boeny sy Vatovavy Fitovinany, ny fanohanana ireo rafitra mpandray an-tànana sy mpandinika ara-tsosialy 6 nanerana ny faritany sy ny fandraisana anjara 20% n'ny vehivavy tamin'ireo rafi-pitantanana (mpikamban'ny governemanta, solombavam-bahoaka, tale).

- *Hetsika ara-tsosialy* : mponina miisa 506 no nahazo tombony tamin'ny fiahiana ara-tsosialy fototra ary tompon'andraikitra 390 no nampiofanina. Olona manan-kilema 155 sy olon-tsotra 20 850 no nahazo tombony tamin'ny fanatsarana ny tolotra momba ny fiahiana ara-tsosialy, noho ny fanaovana ho laharam-pahamehana ity asa ity. Nihoatra ny tanjona napetraka ny vokatra azo tamin'ireo zava-bitra sasan-tsasany, isan'izany ny fanohanana maika ara-tsakafo sy ireo filàna andavanandro tamin'ny tokantrano miisa 29 850 avy niharan'ny loza, ny fandraisana lehilahy 48 659 isan'andro tamin'ny asa HIMO ary ny fanomezana masomboly sy fitaovam-pamokarana ho an'ny tokantrano miisa 18 810. Ny tsy fahombiazana vitsivitsy hita dia vokatry ny fampiharana ny taham-pandaminana sy ny tsy fahampian'ny antontan-kevitra avy tamin'ireo faritra.

- *Fianakaviana sy fahazazana* : ny fanaovana ho laharam-pahamehana ireo asa hafa no antony tsy nahatrarana ny tanjona teo amin'ny isan'ny rafitra sy fampandehanana ny fiahiana ny fianakaviana sy ny ankizy. Etsy andaniny, nohatsaraina ny fahaiza-manaon'ireo mpisehatra 135 ary fianakaviana sahirana miisa 187 no nampidirina tao anatin'ny rafi-piahiana.

- MINISTERAN'NY FANABEAZAM-PIRENENA

**Fafana 36** : Fandravonana ireo fanatanterahana ara-bola sy mivaingana

Kaody iraka	Kaody fand	Fandaharan'asa	Sora-bola farany	Fandanim-bola	Taha	Voasoratra	Tratra	Tsy tratra	Tsy voafaritra	Hafa	Taham-pan(%)
	027	Fitantanana sy fandrintrana	514 246 650 000	509 353 566 691	99,05	2	1	1	0	0	50,00
	304	Fahazazana	3 773 242 000	3 632 783 253	96,28	1	1	0	0	0	100,00
	305	Fampianarana fototra ambaratonga voalohany	262 406 969 000	268 079 520 932	102,16	2	1	1	0	0	50,00

Kaody iraka	Kaody fand	Fandaharan'asa	Sora-bola farany	Fandaniem-bola	Taha	Voasoratra	Tratra	Tsy tratra	Tsy voafaritry	Hafa	Taham-pan(%)
810	306	Fampianarana fototra ambaratonga faharoa	14 639 041 000	13 614 022 951	93,00	2	0	2	0	0	0,00
	307	Fampianarana mamaky teny sy manoratra	914 563 000	867 657 900	94,87	1	0	1	0	0	0,00
820	048	Fitantanana sy fandrindrana	494 567 000	468 993 084	94,83	1	0	1	0	0	0,00
	308	Fampianarana ambaratonga faharoa	4 147 899 000	3 926 288 711	94,66	2	1	1	0	0	50,00
<b>FITAMBARANY</b>			<b>800 622 931 000</b>	<b>799 942 833 522</b>	<b>99,92</b>	<b>11</b>	<b>4</b>	<b>7</b>	<b>0</b>	<b>0</b>	<b>36,36</b>

*Loharanom-baovao: Famelabelarana ny sora-bola, Antontan-kevitra ny fahombiazana LFR, BCSE sy RAP 2016*

### **Iraka « Fanabeazana »**

- *Fitantanana sy fandrindrana* : momba ny fanatsarana ny asam-panjakana, tafakatra hatramin'ny 98,27% ny taham-pandraiketana ny fandaniem-bola tsy karama. Araka izany, afaka nampiasa ny tetibola ireo tompon'antoka ara-tetibola voatendry ara-potoana na dia teo aza ny fanapahana ny fandraiketana taorian'ny LFR. Etsy andaniny, tena ambany ny fandaniem-bola vitan'ireo rafitra tany amin'ny faritra raha oharina tamin'ny fandaniem-bolan'ireo rafitra tety amin'ny foibe, ary tsy nahatratra afa-tsy 36,69% izany.

- *Fahazazana* : ny fitomboan'ny isan'ireo mpanabe tsy mpiasam-panjakana no nanampy tamin'ny fahatratana ny tanjona mikasika ny fampidirana an-tsekoly ny zaza 3 hatramin'ny 5 taona.

- *Fampianarana fototra ambaratonga voalohany* : tao anatin'ny tanjona hanatsara ny fampianarana ambaratonga voalohany, nahatratra 68,4% ny taham-pahavitan'ny ankizy ny dingana voalohany, noho ny fiahiana ny maha olona, ara-pitaovana, ara-bola sy ara-teknika. Etsy andaniny, nitombo ny tahan'ny famerenan-taona noho ny famerana ireo asa vokatry ny fampiharana ny taham-pandaminana sy vokatry ireo olana tamin'ny fandrindrana ny vanim-potoanan'ny asa.

- *Fampianarana fototra ambaratonga faharoa* : ny fampiharana ny taham-pandaminana sy ireo olana samihafa no nanakana ny fahazoana ireo vokatry nandrasana teo amin'ny taham-pahavitan'ny ankizy ny dingana faharoa. Nitombo ihany koa ny tahan'ny famerenan-taona raha oharina tamin'ny vinavina.

- *Fampianarana mamaky teny sy manoratra* : tsy tratra manontolo ny tanjona hanafoana ny tsy fahaiza-mamaky teny sy manoratra vokatry ny fahatran'ny fanomezana fanampiana ireo ivon-toeram-pampianarana sy ireo fikambanana miasa ho amin'izany.

### **Iraka « Fampianarana ankapobeny »**

- *Fitantanana sy fandrindrana* : momba ny fanatsarana ny asam-panjakana, tsy nahafahana nahatratra ny tahan'ny fandraiketana ny fandaniem-bola tsy karama ny fahatapan'ny fandraiketana taorian'ny LFR.

- *Fampianarana ambaratonga faharoa* : ny taham-pahavitan'ny ity dingana ity dia nahatratra 19,42% raha 17,8% ny vinavina. Izany dia vokatry ny fahazoana ireo fitaovana informatika sy vokatry ny iraka fanaraha-maso tamin'ny fanomezana fanampiana ireo mpampianatra ary ny fampivelarana ny rafitra fandraisana. Nitombo nefa ny tahan'ny famerenan-taona vokatry ny fahatapan'ny fandraiketana ny famoaham-bola taorian'ny LFR.

- MINISTERAN'NY ASA, NY FAMPINANARANA TEKNIKA ARY NY FIOFANANA ARAK'ASA

**Fafana 37** : Fandravonana ireo fanatanterahana ara-bola sy mivaingana

Kaody	Fandaharan'asa	Sora-bola farany	Fandanim-bola	Taha	Voasoratra	Tratra	Tsy tratra	Tsy voafaritra	Hafa	Taham-pan(%)
049	Fitantanana sy fandrindrana	27 224 453 000	26 369 783 0390	96,86	1	0	1	0	0	0,00
309	Fiofanana ara-teknika «initiale» sy arak'asa	10 141 384 000	8 783 578 973	86,61	3	2	1	0	0	66,67
607	Fanohanana ny fitomboan'ny toekarena amin'ny alalan'ny asa sahaza	964 456 000	844 178 554	87,53	5	3	2	0	0	60,00
<b>FITAMBARANY</b>		<b>38 330 293 000</b>	<b>35 997 540 566</b>	<b>93,91</b>	<b>9</b>	<b>5</b>	<b>4</b>	<b>0</b>	<b>0</b>	<b>55,56</b>

*Loharanom-baovao: Famelabelarana ny sora-bola, Antontan-kevitra ny fahombiazana LFR, BCSE sy RAP 2016*

**Iraka « Asa »**

- *Fanohanana ny fitomboan'ny toekarena amin'ny alalan'ny asa sahaza:* ny fiaraha-miasa akaiky tamin'ireo mpiara-miombon'antoka ara-teknika no nahatonga ny fahombiazana tamin'ny fampiofanana ireo tanora 1 275 tsy an'asa. Etsy andaniny, tanora 280 tsy ampy fahaiza-manao tety antanan-dehibe sy teny ambanivohitra fotsiny no afaka nanatsara ny fahaizany raha tanora 1 700 no novinavinaina, vokatry ny tsy fahampian'ny vola.

**Iraka « Fampianarana teknika sy Fiofanana arak'Asa »**

- *Fitantanana sy fandrindrana:* tsy tratra ny tanjona momba ny taham-pandraiketana ny famoaham-bola tsy karama, ka nahitana elanelana 36,4% vokatry ny fanoloana ny tompon'andraikitra momba ny tsenam-baro-panjakana (PRMP).

- *Fiofanana ara-teknika «initiale» sy arak'asa:* mpianatra 558 no nampiofanina ho an'ny mponina 100 000, tamin'ny 350 novinavinaina teny am-boalohany, vokatry ny fampivelarana ireo fiofanana arak'asa. Ambonin'izany, toeram-pampianarana 66 no nampanarahina ny fenitra taorian'ny fitsirihana, vokatry ny famindra vaovaon'ireo mpisehatra tamin'ny fampiharana ny Politikam-pirenena momba ny Asa sy ny Fiofanana arak'asa. Etsy andaniny, ny fampihenana ny sora-bola nomena azy no tsy nahafahana nahatratra ny tanjona hanavaozana ny fampianarana teknika sy ny fiofanana arak'asa.

- MINISTERAN'NY FAMPANARANA AMBONY SY NY FIKAROHANA SIANTIFIKA

**Fafana 38** : Fandravonana ireo fanatanterahana ara-bola sy mivaingana

Kaody iraka	Kaody fand	Fandaharan'asa	Sora-bola farany	Fandaniam-bola	Taha	Voasoratra	Tratra	Tsy tratra	Tsy voafaritra	Hafa	Tahampan(%)
840	028	Fitantanana sy fandrindrana	161 935 186 000	160 173 225 001	98,91	6	4	2	0	0	66,67
	310	Fampianarana Ambony	6 658 676 000	6 390 238 032	95,97	10	7	3	0	0	70,00
850	050	Fitantanana sy fandrindrana	3 585 744 000	3 553 072 085	99,09	3	3	0	0	0	100,00
	311	Fikarohana Siantifika	2 075 642 000	1 584 449 477	76,34	5	3	2	0	0	60,00
<b>FITAMBARANY</b>			<b>174 255 248 000</b>	<b>171 700 984 595</b>	<b>98,53</b>	<b>24</b>	<b>17</b>	<b>7</b>	<b>0</b>	<b>0</b>	<b>70,83</b>

*Loharanom-baovao: Famelabelarana ny sora-bola, Antontan-kevitra ny fahombiazana LFR, BCSE sy RAP 2016*

**Iraka « Fampianarana Ambony »**

- *Fitantanana sy fandrindrana* : tratra daholo tamin'ny taha 95,27% ny tanjona 4 natao hanatsara ny fitantanana ny rafitra, hanatsara ny fitantanana ny fananana, hanatsara ny fanaraha-maso ny rafitry ny ESUP ary hiantoka ny filaminana ara-tsosialy ao anatin'ny Anjerimanontolo. Mikasika ireo tondromarika tsy tratra kosa, mpisehatra 54 tamin'ny 55 voasoratra no nanaraka fiofanana isan-karazany mba hanatsarana ny kalitaon'ny asa, ary 10% fotsiny tamin'ny iraka iandraiketana ny Foiben-tseraseran'ny Anjerimanontolo sy Ivon-toeram-pirenena momba ny Fampianarana ny teny Anglisy no naporitaka tamin'ny faritra, raha 55% ny taha novinavinaina.

- *Fampianarana ambony* : fotodrafitrasa ara-panatanjahan-tena 2 no nohatsarina, anisan'izany ny kianjan'ny baolina kitra tao amin'ny Anjerimanontolo Fianarantsoa. Nihoatra ny tanjona napetraka ny fanohanana ny fampandrosoana ny fampianarana ambony miankina sy tsy miankina amin'ny fanjakana, satria mpianatra 522 ho an'ny mponina 100 000 no voasoratra ho an'ny fampianarana ambony miankina sy tsy miankina amin'ny fanjakana, izany hoe mpianatra miisa 122 074. Ny taham-pahavitana ny fampianarana ambony dia nitombo raha oharina tamin'ny vinavina, avo roa heny tamin'izay novinavinaina mihitsy ny vokatra azo. Fahombiazana tahaka izany koa no hita teo amin'ny isan'ireo Sekolim-pampianarana ambony miankina sy tsy miankina amin'ny fanjakana nomena alàlana, ny tahan'ny antontan-kevitra fototra nohavaozina tao anatin'ny lisitry ny mpianatra ary ny isan'ireo Anjerimanontolo nampiraisin-jotra.

**Iraka « Fikarohana Siantifika »**

- *Fitantanana sy fandrindrana* : tratra avokoa ny tanjona tamin'ireo tondromarika rehetra, indrindra fa ny fandrafetana sy famoahana ireo paik'ady 4 hitantanana ny Fikarohana, ny fanavaozana ireo antontan-kevitra vao nangonina ary ny famaranana ireo rijan-teny 7 ho fanavaozana ny fitsipiky ny CNRS momba ny fampiharana ny paik'adim-pirenena momba ny fikarohana.

- *Fikarohana siantifika* : teo amin'ny 70% ny fahombiazan'ity fandaharan'asa ity. Araka izany, tratra ny tanjona ho an'ireto tondromarika ireto : fiaraha-miombon'antoka 3 no vita teo amin'ny sehatra tsy miankina sy ireo Ivon-toeram-pikarohana, fampitaovana Ivon-toerana sy Fanadihadiana ara-

tsimia momba ny Fikarohana 3 ary fivoriana 3 enti-manombana ny fahombiazan'ny fikarohana natao mba hanatsarana ny fitaovana sy hanomezan-danja ny mpikaroka. Tsy nisy asa novinavinaina na napetraka tamin'ny 2016 momba ny fampahafantarana ireo voka-pikarohana momba ny fampandrosoana ara-toekarena.

- MINISTERAN'NY KOLONTSAINA, NY FANANDRATANA NY TAOZAVATRA ARY NY FIKAJIANA NY VAKOKA

**Fafana 39**: Fandravonana ireo fanatanterahana ara-bola sy mivaingana

Kaody iraka	Kaody fand	Fandaharan'asa	Sora-bola farany	Fandaniam-bola	Taha	Voasoratra	Tratra	Tsy tratra	Tsy voafaritra	Hafa	Tahampan(%)
342	046	Fitantanana sy fandrindrana	590 000 000	564 747 677	95,72	1	0	1	0	0	0,00
	611	Fampandrosoana ny Taozavatra	1 062 976 000	1 013 545 539	95,35	3	1	2	0	0	33,33
860	029	Fitantanana sy fandrindrana	5 311 983 000	5 203 419 767	97,96	1	1	0	0	0	100,00
	808	Vakoka	1 862 068 000	1 782 271 870	95,71	1	0	1	0	0	0,00
	809	Famoronana	501 000 000	466 136 238	93,04	2	0	2	0	0	0,00
	810	Hetsika ara-kolontsaina	226 200 000	191 586 370	84,70	1	0	1	0	0	0,00
<b>FITAMBARANY</b>			<b>9 554 227 000</b>	<b>9 221 707 481</b>	<b>96,52</b>	<b>9</b>	<b>2</b>	<b>7</b>	<b>0</b>	<b>0</b>	<b>22,22</b>

*Loharanom-baovao: Famelabelarana ny sora-bola, Antontan-kevitra ny fahombiazana LFR, BCSE sy RAP 2016*

#### **Iraka « Taozavatra »**

- *Fitantanana sy fandrindrana*: tamin'ny tanjona natao hanatsarana ny kalitaon'ny asampanjakana, elanelan'isa kely miiba 1 mihoatra tamin'ny taha novinavinaina 90% no hita teo amin'ny fampiasana ny tetibola.

- *Fampandrosoana ny Taozavatra*: ny tondromarika tokana nahatratra ny tanjona tao amin'ity fandaharan'asa ity dia ny fampivondronana ireo mpanao asa tanana 20 ho orinasa madinika iray. Asa maro momba ny fanatanterahana ny fivoriana an-tampon'ny « Francophonie » sy ny « COMESA » no natao laharam-pahamehana ka tsy nahafahana nahatratra ny tanjona haha-matihanina ireo mpanao taozavatra sy ho fanandratana ny taozavatra. Araka izany, nihena ho 1 250 ny isan'ireo mpanao asa tanana tonga matihanina raha 1 500 ny vinavina. Ambonin'izany, fampirantiana 18 tamin'ny vinavina 20 no nisy mba hanehoana tsaratsara kokoa ireo vokatry ny asa tanana tany amin'ireo faritra.

#### **Iraka « Kolontsaina »**

- *Fitantanana sy fandrindrana* : Izy no fandaharan'asa tokana tanteraka hatramin'ny 100%, ny fanomezana fahafaham-po tamin'ny tolotra nomena dia tanteraka 80% nifanaraka tamin'ny vinavina, noho ny fanatsarana ireo dingana ara-panjakana sy ara-kaonty.

- *Vakoka* : nifandray ihany koa tamin'ny fikarakarana ny fivoriana an-tampon'ny «francophonie», vakoka 10 ihany tamin'ireo 20 voasoratra no nohatsarina sy nokajiana mba hanomezan-danja ny vakoka sy ny foibe ara-kolontsaina Malagasy.

- *Famoronana* : vokatry ny fihenana'ny sora-bola azony taorian'ny LFR dia voafetra ny isan'ireo nahazo fiofanana. Araka izany, raha teknisianina sy mpandraharaha ara-kolontsaina 60 no novinavinaina homena fiofanana mikasika ny fanandratana ny famoronana ara-kolontsaina, 38 ihany no

nahazo izany. Ambonin'izany, tamin'ireo famoronana vaovao 35 nantenaina ho tohanana mikasika ny famoronana taozavatra, asa tãnana, fahaiza-miteny sy asa soratra, 33 no nahazo tosika tamin'ny 2016 raha toa ka ahemotra ho amin'ny taona 2017 ireo 2 ambiny.

- *Hetsika ara-kolontsaina* : tahaka ny an'ireo fandaharan'asa hafa, ny fanaovana ho voalohan-daharana ireo atrik'asa ho enti-manomana ny fivoriana an-tampon'ny « Francophonie » sy ny COMESA no anton'ny tsy fahombiazana hita tamin'ny fanohanana ireo hetsika ara-kolontsaina maneho ny isam-paritra.

### 3. Sehatra famokarana

#### a. Ireo fanatanterahana mivaingana sy ara-bolan'ireo Ministera tao amin'ny sehatra famokarana

Ity sehatra ity no nanana ny sora-bola kely indrindra, tsy nahazo afa tsy ny 6,02% tamin'ny sora-bolan'ny tetibola ankapobe izy. Tamin'ny fiafaran'ny taom-piasana, ny fandanim-bolany dia nahatratra 142,92 lavitrisa Ariary, na taham-pandaniana sora-bola 33,35%.

Handrefesana ny fahombiazana, ny ministera 7 nandrafitra ity sehatra ity dia niandraikitra iraka 8, nitsinjarana fandaharan'asa 19 sy tanjona 72, ny zava-bita dia notombanana tamin'ny alalan'ny tondromarika 135. Nahitana fihenana kely 1,52% ny zava-bita raha oharina tamin'ny taon-dasa. Araka izany, 69 tamin'ireo tondromarika 135 no nahatratra ny tanjona, izany hoe taha 51,11% raha 52,63% tamin'ny 2015. Ny isan-jaton'ny fahatrarana ny tondromarika isaky ny ministera dia teo anelanelan'ny 20% sy 88,89%.


Ny zava-bitan'ny sehatra famokarana dia fintinina ao amin'ity fafana manaraka ity:

**Fafana 40** : Famintinana ireo fanatanterahana mivaingana sy ara-bola tamin'ireo Ministera tao anatin'ny sehatra famokarana

Amin'ny isa										Amin'ny lavitrisa Ariary		
Min	Iraka	Fand	Tanj	Tanjona		Zava-bita	Tsy tratra	Tsy misy antontan isa	Hafa	Sora-bola		Fandanim-bola
				Voaloha ny	Farany					Voalohany	Farany	
7	8	19	72	100	135	69	61	1	4	353,34	428,47	142,92

*Loharanom-baovao* : Tetibolam-panatanterahana LFI sy LFR, Antontan-kevitra ny fahombiazana LFI sy LFR 2016

#### **Kisary 4** : Fahombiazan'ny sehatra famokarana tamin'ny 2016 (amin'ny %)



*Loharanom-baovao* : RAP, Tetibolam-panatanterahana LFI sy LFR, ary BCSE 2016

**b. Fivoaran'ny fahombiazana ho an'ny sehatra famokarana (LFI sy LFR)**

Nahitana fiakarana 20% ny sora-bola nisokatra ho an'ireo ministera tao anatin'ity sehatra ity taorian'ny LFR. Araka izany, nitombo ny vola 353,34 lavitrisa Ariary nomen'ny LFI, ka nanjary 463,64 lavitrisa Ariary tamin'ny alalan'ny LFR. Ity fiakarana ity dia vokatry ny famoronana ny Sekreterampanjakana teo anivon'ny Ministeran'ny Harena an-dranomasina sy ny Jono misahana ny Ranomasina, sy tamin'ny fampitomboana ny tetibolan'ny Ministeran'ny Fizahan-tany, ny Ministera eo anivon'ny Fiadidiana ny Repoblika misahana ny Fambolena sy ny Fiompiana ary ny Ministeran'ny Tontolo Iainana, ny Hai-voary ary ny Ala.

Tondromarika vaovao 35 ho enti-mandrefy ny fahombiazana no hita tao anatin'ity sehatra ity, tao anatin'ny Sekreterampanjakana teo anivon'ny Ministeran'ny Harena an-dranomasina sy ny Jono misahana ny Ranomasina. Niaraka tamin'izay, tanjona 37 no nasiam-panitsiana, ka ny 32 nahena ary ny 5 kosa nampitomboina, izay hita teo anivon'ny Ministera eo anivon'ny Fiadidiana ny Repoblika misahana ny Harena an-kibon'ny tany sy ny Solitany, ny Ministeran'ny Tontolo Iainana, ny Hai-voary ary ny Ala ary ny Ministera eo anivon'ny Fiadidiana ny Repoblika misahana ny Fambolena sy ny Fiompiana. Ity farany izay nahitana ny fanitsiana be indrindra, satria 28 tamin'ireo tondromarika 51 napetraka no novaina taorian'ny LFR.

Ity fafana ambany ity no maneho ny fivoaran'ny endriky ny tetibola sy ny fahombiazan'ny sehatra famokarana.

**Fafana 41:** Famintinana ny fivoaran'ny endriky ny tetibola sy ny fahombiazan'ny sehatra famokarana

Ministera	Fanovàna sora-bola			Fanovàna ny isan'ny tondromarika		Fanovàna tanjona ho kendrena	
	Sora-bola voalohany (LFI)	Sora-bola farany (LFR)	Fivoarana	Vinavina voalohany (LFI)	Vinavina (LFR)	Nanampiana	Nanesorana
Ministeran'ny Indostria sy ny Fampandrosoana ny Sehatra tsy miankina	13 825 961 000	11 483 961 000	-16,94	11	11	0	0
Ministeran'ny Fizahan-tany	4 219 680 000	5 503 871 000	30,43	4	4	0	0
Ministera eo anivon'ny Fiadidiana ny Repoblika misahana ny Fambolena sy ny Fiompiana	253 326 203 000	313 166 768 000	22,89	51	51	3	25
Ministeran'ny Jono sy ny Harena an-dranomasina	18 076 750 000	16 512 991 000	-8,65	15	15	0	0
Ministeran'ny Tontolo Iainana, ny Hai-voary ary ny Ala	55 746 744 000	78 783 464 000	36,66	9	9	2	5
Sekreterampanjakana eo anivon'ny Ministeran'ny Harena an-dranomasina sy ny Jono misahana ny Ranomasina	0	1 685 000 000	0	0	35	32	0
Ministera eo anivon'ny Fiadidiana ny Repoblika misahana ny Harena an-kibon'ny tany sy ny Solitany	8 148 762 000	6 508 061 000	-12,71	10	10	0	2
<b>FITAMBARANY</b>	<b>353 344 100 000</b>	<b>433 644 116 000</b>	<b>21,51</b>	<b>100</b>	<b>135</b>	<b>5</b>	<b>32</b>

Loharanom-baovao: Tetibolan-panatanterahana LFI sy LFR, Antontan-kevitra ny fahombiazana LFI sy LFR 2016

c. **Fanarahana isaky ny fandaharan'asam-panatanterahan'ireo Departemanta ao amin'ny sehatra famokarana**

- MINISTERAN'NY INDOSTRIA SY NY FAMPANDROSOANA NY SEHATRA TSY MIANKINA

**Fafana 42** : Fandravonana ireo fanatanterahana ara-bola sy mivaingana

Kaody	Fandaharan'asa	Sora-bola farany	Fandanim-bola	Taha	Voasoratra	Tratra	Tsy tratra	Tsy voafaritra	Hafa	Taham-pan(%)
051	Fitantanana sy fandrindrana	4 640 631 000	4 485 063 758	96,65	3	3	0	0	0	100,00
605	Indostria	6 140 000 000	178 715 460	2,91	8	6	2	0	0	75,00
<b>FITAMBARANY</b>		<b>10 780 631 000</b>	<b>4 663 779 218</b>	<b>43,26</b>	<b>11</b>	<b>9</b>	<b>2</b>	<b>0</b>	<b>0</b>	<b>81,82</b>

*Loharanom-baovao: Famelabelarana ny sora-bola, Antontan-kevitra ny fahombiazana LFR, BCSE sy RAP 2016*

- *Fitantanana sy fandrindrana* : nihoatra ny tanjona napetraka avokoa ny zava-bita rehetra. Araka izany dia tratra ny tahan'ny fampiasana ny tetibola, izay nahitana elanelana miabo 0,53%. Niakatra ihany koa ny tahan'ny fahavitàna ireo tatitra ara-potoana momba ny fanaraha-maso, taha izay tafakatra 260% raha 100% ny vinavina, noho ny fametrahana rafitra iray mpanara-maso akaiky ny asa vita. Tahaka izany koa no tsapa tamin'ny tanjona hiantoka ny fitantanana sy ny fanaraha-maso ara-panjakana ireo mpiasa, ka nihoatra ny tanjona ny zava-bita.

- *Indostria*: nahazoana fahombiazana nahafa-po hatramin'ny 75% ireo hetsika natao. Tondromarika 6 no tratra, ka ny tsara indrindra dia ny fanatsarana ireo PME/PMI sy Fikambanana miisa 326, ny fametrahana ireo vondrona mpanodina 42 ho fanandratana ireo indostria amin'ny fanatsarana ny fahaiza-manoany, ny fanetsehana indray ny IMI (Institut Malgache d'Innovation) sy ny fampiroboroboana ireo taranjam-pamokarana indostrialy 2 (mangahazo sy fary mba hamokarana ethanol). Etsy andaniny, tsy tratra ny tanjona hanohanana sy hiarovana ny fampiasam-bola, noho ny fahatapahan'ny dinika momba ny Fifanarahana amin'ny Fiarovana sy ny Fampiroboroboana ny Fampiasam-bola na APPI nanomboka ny martsa 2016.

- MINISTERAN'NY FIZAHAN-TANY

**Fafana 43** : Fandravonana ireo fanatanterahana ara-bola sy mivaingana

Kaody	Fandaharan'asa	Sora-bola farany	Fandanim-bola	Taha	Voasoratra	Tratra	Tsy tratra	Tsy voafaritra	Hafa	Taham-pan(%)
040	Fitantanana sy fandrindrana	1 014 525 000	987 351 472	97,32	1	1	0	0	0	100,00
608	Fampandrosoana ny fizahan-tany	2 612 980 000	2 420 001 744	92,61	2	0	2	0	0	0,00
610	Fampandrosoana ny fanamarinana sy ny fanaraha-maso momba ny fizahan-tany	637 266 000	606 141 811	95,12	1	0	1	0	0	0,00
<b>FITAMBARANY</b>		<b>4 264 771 000</b>	<b>4 013 495 027</b>	<b>94,11</b>	<b>4</b>	<b>1</b>	<b>3</b>	<b>0</b>	<b>0</b>	<b>25,00</b>

*Loharanom-baovao: Famelabelarana ny sora-bola, Antontan-kevitra ny fahombiazana LFR, BCSE sy RAP 2016*

- *Fitantanana sy fandrindrana* : ny fanatsarana ny fomba fiasa no nahatonga ny fahombiazana tamin'ny tanjona hanatsara ny kalitaon'ny asam-panjakana.

- *Fampandrosoana ny fanamarinana sy ny fanaraha-maso momba ny fizahan-tany*: ny fahataran'ny fanombohan'ny iraka fanaraha-maso no antony niteraka ny elanelana tamin'ny zava-bita momba ny fampanaraham-penitra ny sehatry ny fizahan-tany. Araka izany, raha toerana fandraisambahiny 577 no noheverina ho arahi-maso sy hamarinina, nihena ho 539 io tarehimarika io tamin'ny fiafaran'ny taona.

- *Fampandrosoana ny fizahan-tany* : ny fanatsarana ny tanjaky ny fizahan-tany no tanjona tokana napetraka ho an'ity fandaharan'asa ity. Tsy nahatratra ny tanjona napetraka ny vokatra azo. Araka izany, raha mpizaha-tany 396 000 no nantenaina hitsidika ny firenena, ny tatitra farany dia tsy nahitana afa tsy 293 185. Vokatr'izany dia nihena be ny vola niditra tamin'ity sehatra ity, izay nahitana elanelana 118,35 tapitrisa DTS raha oharina tamin'ny vinavina.

- MINISTERA EO ANIVON'NY FIADIDIANA NY REPOBLIKA MISAHANA NY FAMBOLENA SY NY FIOMPIANA

**Fafana 44** : Fandravonana ireo fanatanterahana ara-bola sy mivaingana

Kaody iraka	Kaody fand	Fandaharan'asa	Sora-bola farany	Fandanim-bola	Taha	Voasoratra	Tratra	Tsy tratra	Tsy voafaritra	Hafa	Tahampan(%)
410	016	Fitantanana sy fandrindrana	21 978 570 000	21 723 506 635	98,84	12	10	2	0	0	83,33
	404	Tontolo maitso sy maharitra	279 974 136 000	71 857 563 507	25,67	13	7	6	0	0	53,85
	405	Fikarohana ara-pambolena	372 569 000	262 004 484	70,32	3	2	1	0	0	66,67
420	039	Fitantanana sy fandrindrana	4 695 232 000	4 640 812 747	98,84	9	3	6	0	0	33,33
	406	Fampandrosoana ny famokarana momba ny biby	4 169 452 000	3 931 552 358	94,29	14	6	8	0	0	42,86
<b>FITAMBARANY</b>			<b>311 189 959 000</b>	<b>102 415 439 731</b>	<b>32,91</b>	<b>51</b>	<b>28</b>	<b>23</b>	<b>0</b>	<b>0</b>	<b>54,90</b>

*Loharanom-baovao: Famelabelarana ny sora-bola, Antontan-kevitra ny fahombiazana LFR, BCSE sy RAP 2016*

**Iraka « Fambolena »**

- *Fitantanana sy fandrindrana* : isan'ny vokatra tena niavaka ny fahatanterahan'ny asa fitsirihana fikambanana miisa 36, ny fandrafetana paik'adim-pampandrosoana 3, ny fampidirana «intranet» ho an'ireo Sampam-pitantanana miisa 24, ny fametrahana sy fampiasana rafitra 4 fitantanana sy fandrindrana ny SNFAR (Stratégie Nationale de Formation Agricole et Rurale) ary ny fampiofanana teknisiana ara-pambolena miisa 208. Ny fahasarotan'ny dingana momba ny fampandehanana ny tsenam-baro-panjakana sy ny fikorontanan'ny SIIGFP kosa, dia nisy akony ratsy tamin'ny fampiasana ny tetibola sy ny fanamarinana ireo tsenam-baro-panjakana.

- *Tontolo maitso sy maharitra* : tafahoatra lavitra ny vinavina vitsivitsy ny zava-bita tamin'ny fiafaran'ny taona, isan'izany ny fanomezana masomboly voafantina 1 528,92 taonina ho an'ny mpamokatra, ny fizarana fitaovam-pambolena miisa 12 249, ny fiahiana ny vondron'ny tantsaha miisa

6 143 ary ny fampiofanana ireo mpisehatra 1 071 amin'ny lohahevitra mikasika ny fampandrosoana ny ambanivohitra. Elanelana be nefa no hita teo amin'ny vinavina sy ny zava-bita momba ny velaran-tany azo ambolena novinavinaina ho amboarina sy hohatsaraina, tsy fahombiazana vokatry ny vinavina ambony loatra tamin'ireo tanjona nokendrena. Ambonin'izany, nampihena ny isan'ny CSA nivoatra ihany koa ny fiatoan'ny tetik'asa mpanohana izany.

- *Fikarohana ara-pambolena* : nanampy tosika ny fihatsaran'ny famokarana masomboly voafantina sy ny fanomezana izany ho an'ireo mpamokatra ny fiantraikan'ny tetik'asa PHRD na «Policy and Human Resources Development». Etsy andaniny nefa, mpampiofana 56 momba ny fikarohana ara-pambolena fotsiny no nahazo fiofanana raha 180 ny vinavina.

#### **Iraka « Fiompiana »**

- *Fitantanana sy fandriandra* : ny fampikambanana ny ministera no antony niteraka ny tsy nisian'ny fitsirihana ireo fikambanana, ny fampiasana ny tetibola, ny fankatoavana ireo tsena sy ny fampifandraisana tamin'ny «intranet» ireo sampam-pitantanana ho an'ireo tondromarika sasany. Na dia teo aza anefa izany, didy 62 no nohavaozina sy norafetina ary taratasy maha mpiasam-panjakana 937 no voakarakara araka ny tokony ho izy.

- *Fampandrosoana ny famokarana momba ny biby*: ny tsy fahampian'ny vola no antony lehibe tsy nahatanteraka ireo asa sasan-tsasany, toy ny fampiofanana ireo mpisehatra sy ny fametrahana toeram-pampisotroan-drano sy ireo ivon-toeram-panatsarana ny karazana. Ambonin'izany, nihena ny fatran'ny tantely nisy, vokatry ny aretina tamin'ny ankamaroan'ireo vony teo anelanelan'ny volana novambra sy desambra. Na izany aza anefa, nihoatra ny vinavina ny vokatry azo tamin'ny tondromarika 2 mahakasika ny omby vita vakisiny sy ny zanak'omby voakarakara. Araka ny voalaza, ny fanamaivanana ny isan'ny tanjona nokendrena no anton'izany.

- MINISTERAN'NY HARENA AN-DRANOMASINA SY NY JONO

**Fafana 45** : Fandravonana ireo fanatanterahana ara-bola sy mivaingana

Kaody	Fandaharan'asa	Sora-bola farany	Fandanim-bola	Taha	Voasoratra	Tratra	Tsy tratra	Tsy voafaritra	Hafa	Tahampan(%)
033	Fitantanana sy fandriandra	9 034 730 000	8 912 989 603	98,65	7	5	2	0	0	71,43
408	Fampandrosoana ny jono sy ireo harena andranomasina	7 474 658 000	2 306 270 701	30,85	8	4	3	0	1	50,00
<b>FITAMBARANY</b>		<b>16 509 388 000</b>	<b>11 219 260 304</b>	<b>67,96</b>	<b>15</b>	<b>9</b>	<b>5</b>	<b>0</b>	<b>1</b>	<b>60,00</b>

*Loharanom-baovao: Famelabelarana ny sora-bola, Antontan-kevitra ny fahombiazana LFR, BCSE sy RAP 2016*

- *Fitantanana sy fandriandra* : ny asa nivaingana indrindra dia ny fanorenana sy ny fanatsarana tranom-panjakana 6, ny fiofanana ho an'ny mpisehatra ara-toekarena miisa 50 ary ny fampandehanana ny ivon-toeram-panaraha-maso ny Jono araka ny tokony ho izy. Tsy tratra afa tsy 69,47% ny tahan'ny fampiasana ny tetibola, noho ny tsy fisian'ny famatsiam-bola avy any ivelany sy ny tsy fampiasana ny sora-bola ho fampiofanana momba ny fiompiana trondro.

- *Fampandrosoana ny jono sy ireo harena an-dranomasina*: tafahoatra lavitra tamin'ny vinavina ny isan'ny haza an-dranomasina azo, ny isan'ny teknisianina sy mpiompy nahazo fiofanana ary ny isan'ny fahazoan-dàlana hanjono voazara. Izany fahombiazana izany dia vokatry ny hetsika fanentanana natao tamin'ny alalan'ireo tetik'asa, ny fiaraha-miasa tamin'ireo ONG ary ny fitantanana vaovao teo anivon'ny ministera. Ny tsy fahampian'ny vola kosa anefa no nampihena ny isan'ny toeram-piompiana tafapetraka sy ny isan'ny faritra nanaovana fanadihadiana ara-antontanisa.

- SEKRETERAM-PANJAKANA EO ANIVON'NY MINISTERAN'NY HARENA AN-DRANOMASINA SY NY JONO MISAHANA NY RANOMASINA

**Fafana 46** : Fandravonana ireo fanatanterahana ara-bola sy mivaingana

Kaody	Fandaharan'asa	Sora-bola farany	Fandanim-bola	Taha	Voasoratra	Tratra	Tsy tratra	Tsy voafaritra	Hafa	Tahampan(%)
059	Fitantanana sy fandrindrana	624 277 000	546 807 590	87,59	14	8	6	0	0	57,14
410	Fiarovana ny ranomasina sy ireo haren'ny	40 000 000	32 242 084	80,61	21	4	14	0	3	19,05
<b>FITAMBARANY</b>		<b>664 277 000</b>	<b>579 049 674</b>	<b>87,17</b>	<b>35</b>	<b>12</b>	<b>20</b>	<b>0</b>	<b>3</b>	<b>34,29</b>

*Loharanom-baovao*: Famelabelarana ny sora-bola, Antontan-kevitra ny fahombiazana LFR, BCSE sy RAP 2016

- *Fitantanana sy fandrindrana* : ny zava-bita niavaka dia ny fandaminana ny endrika maha mpiasam-panjakana, ny fiofanan'ny mpiasa teo anivon'ny sampam-pitantanana tsirairay ary ny fividianana ireo fitaovana ilaina amin'ny fampandehanan-draharaha. Tsy nisy kosa ny zava-bita momba ny fankatoavana ny kaontim-pitaovana sy ny fandrafetana ny paik'adim-pampandrosoana. Araka ny voalaza, mbola an-dàlana ireo asa momba izany.

- *Fiarovana ny ranomasina sy ireo haren'ny*: ny tsy fahombiazana hita tao anatin'ity fandaharan'asa ity dia noho ny ankamaroan'ireo tetik'asa ara-teknika mbola teo am-panombohana sy ny tsy fahafahana namoaka ny vokatra tao anatin'ny fotoana fohy. Na dia teo aza anefa izany, nisy ihany ireo zavatra tsara vita. Araka izany, nihena hatramin'ny 50% ny fisian'ny poizina tamin'ny fihinanana biby an-dranomasina, lalàna iray momba ny ranomasina no voarafitra, rafitra iray fampitam-baovao ara-tsiansa no niasa ary paik'ady iray momba ny politikan'ny ranomasina no vita.

- MINISTERAN'NY TONTOLO IAINANA, NY HAI-VOARY ARY NY ALA

**Fafana 47** : Fandravonana ireo fanatanterahana ara-bola sy mivaingana

Kaody	Fandaharan'asa	Sora-bola farany	Fandanim-bola	Taha	Voasoratra	Tratra	Tsy tratra	Tsy voafaritra	Hafa	Tahampan(%)
017	Fitantanana sy fandrindrana	12 306 525 000	11 673 597 217	94,86	4	4	0	0	0	100,00
701	Fitantanana maharitra ireo harena voajanahary	65 897 895 000	2 978 101 084	4,52	3	2	1	0	0	66,67
703	Fampandrosoana ny lamina momba ny tontolo iainana	577 500 000	27 311 374	4,73	2	2	0	0	0	100,00
<b>FITAMBARANY</b>		<b>78 781 920 000</b>	<b>14 679 009 675</b>	<b>18,63</b>	<b>9</b>	<b>8</b>	<b>1</b>	<b>0</b>	<b>0</b>	<b>88,89</b>

*Loharanom-baovao*: Famelabelarana ny sora-bola, Antontan-kevitra ny fahombiazana LFR, BCSE sy RAP 2016

- *Fitantanana sy fandrindrana* : nihatsara tokoa ny fampitam-baovao mikasika ny ala sy ny tontolo iainana tamin'ny alalan'ny lohahevi-piofanana 27 sy atrik'asa « IEC » 15. Izany dia vokatry ny fanaovana ho laharam-pahamehana ireo atrik'asa momba izany. Fahombiazana tahaka izany ny an'ny fanorenana na fanatsarana trano ary koa ny fandrafetana ny lamina ara-politika.

- *Fitantanana maharitra ireo harena voajanahary*: vita ihany ny fanaraha-maso tany amin'ireo faritra arovana na dia teo aza ny tsy fahampian'ny vola. Nihatsara ihany koa ny rafitra fanaraha-maso ny ala, tamin'ny alalan'ny fanaovana fanaraha-maso miisa 929. Isan'ny nahazoana ity vokatra tsara ity ny ezaka mafy nataon'ireo mpisehatra mba hamongorana ireo mpitrandraka tsy aradalàna ny vokatra anaty ala toy ny andramena sy ny sokatra.

- *Fampandrosoana ny lamina momba ny tontolo iainana*: ity fandaharan'asa ity dia hikendry ny hampiditra ny maha zava-dehibe ny tontolo iainana amin'ny fandaharan'asa rehetra, ny politika sy paik'ady isan-tsehatra amin'ny ambaratonga rehetra, ka tratrany 100% ny tondromarika nananany, fahombiazana izay natosiky ny fahatsapan-tenan'ny mponina amin'ny mahasarobidy ny fikajiana ny tontolo iainana. Araka izany, fitarainana 38 no voaray sy voadinika, ary tetik'asa 3 momba ny ady amin'ny fiantraikan'ny fiovaovan'ny toetr'andro no novatsiana vola.

- MINISTERA EO ANIVON'NY FIADIDIANA NY REPOBLIKA MISAHANA NY HARENA AN-KIBON'NY TANY SY NY SOLIKA

**Fafana 48** : Fandravonana ireo fanatanterahana ara-bola sy mivaingana

Kaody	Fandaharan'asa	Sora-bola farany	Fandanim-bola	Taha	Voasoratra	Tratra	Tsy tratra	Tsy voafaritra	Hafa	Tah ampan(%)
019	Fitantanana sy fandrindrana	5 360 143 000	4 701 573 971	87,71	3	1	1	1	0	33,33
609	Fampandrosoana ny sehatra harena an-kibon'ny tany	922 096 000	648 293 780	70,31	7	1	6	0	0	14,29
<b>FITAMBARANY</b>		<b>6 282 239 000</b>	<b>5 349 867 751</b>	<b>85,16</b>	<b>10</b>	<b>2</b>	<b>7</b>	<b>1</b>	<b>0</b>	<b>20,00</b>

*Loharanom-baovao*: Famelabelarana ny sora-bola, Antontan-kevitra ny fahombiazana LFR, BCSE sy RAP 2016

- *Fitantanana sy fandrindrana*: tratra ny tahan'ny fampiasana ny tetibola na dia nahitana elanelana kely 3,25% aza. Tsy nisy ny antontanisa azo raisina mikasika ny tahan'ny mpiasa nandalo teo amin'ny sampan-draharahan'ny fitsaboana nify, satria mbola an-dàlam-panorenana ny trano voakasik'izany.

- *Fampandrosoana ny sehatra harena an-kibon'ny tany*: fahombiazana goavana no tanteraka teo amin'ny fidiram-bola avy tamin'ny fanondranana harena an-kibon'ny tany. Araka izany, raha novinavinaina ho 250 lavitrisa Ariary ny vola miditra, nanjary tafakatra 1 876 lavitrisa Ariary izany, izany hoe avo fito heny tamin'izay novinavinaina. Ity fahombiazana ity dia vokatry ny famerenana ny fitrandrahana « volamena », ary koa ny fanatsarana ny asa tamin'ireo sampan-draharaha misahana ny harena an-kibon'ny tany. Na dia teo aza ity vokatra tena tsara ity, ratsy ny zava-bita tamin'ireo

tondromarika ambiny. Araka izany, tsy nisy kara-pamaritana tany sy harena an-kibon'ny tany nohavaozina, satria mbola teo am-pamaranana ny fikarakarana ny sary avy amin'ny zanabolana. Ambonin'izany, ny fahataran'ny fivoahan'ny vola dia niantraika tamin'ny fanatanterahana ny tanjona ho famerenana amin'ny laoniny ny tranom-bokin'ny famaritan-tany sy ny fampidirana ireo harena ambanin'ny tany madinika ho amin'ny sehatra manara-dalàna.

#### 4. Sehatra fotodrafitrasa

##### a. Ireo fanatanterahana mivaingana sy ara-bola tao amin'ireo Andrim-panjakana sy Ministera tao anatin'ny sehatra fotodrafitrasa

Mba hahatsara ny asam-panjakana entina ao anatin'ny sehatra fotodrafitrasa, ny ministera 6 nandrafitra azy ity dia nanana iraka 11, voazara tamin'ny fandaharan'asa 22 ary nampiasaina tamin'ny alalan'ny tondromarika 76. Mba hahatongavana amin'ny tanjona dia nomena tetibola 517,79 lavitrisa Ariary ity sehatra ity. Ny fandanium-bola vitany hatramin'ny fiafaran'ny taona dia nahatratra 306,14 lavitrisa Ariary, izany hoe taham-pandaniana ny sora-bola hatramin'ny 59,12%.

Na dia nahitana fihemorana aza ny zavatra vita raha oharina tamin'ny 2015, izay fahatrarana tanjona hatramin'ny 55,03%, ny sehatra fotodrafitrasa no sehatra nahatanteraka fahombiazana tsara indrindra tamin'ny 2016, tamin'ny taha ankapobeny nananika ny 53,95%. Na dia teo aza ny vokatra tsara amin'ny ankapobeny, tena ambany kosa ny vokatra ho an'ny Ministeran'ny Rano, ny Fanadiovana sy ny Fidiovana, sy ny Ministeran'ny Fitaterana sy ny Famantarana ny Toetr'andro, izay nahitana taham-panatanterahana ambanin'ny 38%.

Ny fafana manaraka no mamintina ireo zava-bitan'ny sehatra fotodrafitrasa:


**Fafana 49** : Fanatanterahana mivaingana sy ara-bola ho an'ireo Ministera tao amin'ny sehatra fotodrafitrasa

Amin'ny isa										Amin'ny lavitrisa Ariary		
Min	Iraka	Fand	Tanj	Tanjona		Zava-bita	Tsy tratra	Tsy misy antontan isa	Hafa	Sora-bola		Fandanium-bola
				Voalohan ny	farany					Voalohan y	farany	
6	11	22	44	76	76	41	29	2	4	571,74	517,79	306,14

*Loharanom-baovao : Tetibolam-panatanterahana LFI sy LFR, Antontan-kevitra ny fahombiazana LFI sy LFR, RAP ary BCSE*

2016

**Kisary 5** : Fahombiazan'ny sehatra fotodrafitrasa tamin'ny 2016 (amin'ny %)



*Loharanom-baovao* : RAP 2016

**b. Fivoaran'ny fahombiazana ho an'ny sehatra fotodrafitrasa (LFI sy LFR)**

Taorian'ny LFR dia nihena ny sora-bola nomen'ny LFR, tamin'ny elanelana 9,31% ankoatra ny an'ny Ministeran'ny Angovo sy ny Akoranafo sy ny Ministeran'ny Asa Vaventy, izay niakatra 29,30% sy 3,63% isan'isany.

Araka izany, saika ny antsasak'ireo tondromarika nisy no nahena, hita indrindra teo anivon'ireo departemanta izay nanana tetibola nahena, tahaka ny Ministeran'ny Rano, ny Fanadiovana sy ny Fidiovana, ny Ministeram-panjakana miadidy ny Tetik'asan'ny Filohan'ny Repoblika, ny Fanajariana ny tany ary ny Fampitaovana ary ny Ministeran'ny Fitaterana sy ny Famantarana ny Toetr'andro. Etsy andaniny, na dia teo aza ny famerana ny sora-bola nomena azy ireo, ny Ministeran'ny Fifandraisan-davitra, Paositra sy ny Teknolojia Vaovao dia nitazona ny tanjony teny am-piandohana. Tsy tahaka ireo sehatra hafa fa nitovy tamin'ny isan'ny tondromarika tao amin'ny LFI ihany ny tao amin'ny LFR.

Ny fafana eto ambany dia maneho ny fivoaran'ny endriky ny sora-bola sy ny fahombiazana tamin'ny 2016.

**Fafana 50** : Fandravonana ireo fanatanterahana ara-bola sy mivaingana

Ministera	Fanovàna sora-bola			Fanovàna ny isan'ny tondromarika		Fanovàna tanjona ho kendrena	
	Sora-bola voalohany (LFI)	Sora-bola farany (LFR)	Fivoarana	Vinavina voalohany (LFI)	Vinavina farany (LFR)	Nanampiana	Nanesorana
Ministeran'ny Angovo sy ny Akoranafo	60 900 537 000	78 741 797 000	29,30%	9	9	0	0
Ministeran'ny Rano, ny Fanadiovana sy ny Fidiovana	46 260 591 000	41 975 170 000	-9,26	10	10	0	7
Ministeran'ny Asa Vaventy	226 874 784 000	235 100 929 000	3,63%	8	8	0	0
Ministeram-panjakana miadidy ny Tetik'asan'ny Filohan'ny Repoblika, ny Fanajariana ny tany ary ny Fampitaovana	206 048 093 000	137 612 197 000	-33,21	24	24	0	3
Ministeran'ny Fitaterana sy ny Famantarana ny Toetr'andro	29 691 430 000	23 487 708 000	-20,89	21	21	0	20
Ministeran'ny Fifandraisan-davitra, Paositra sy ny Teknolojia Vaovao	1 964 928 000	1 580 239 000	-19,58	4	4	0	0
<b>FITAMBARANY</b>	<b>571 740 363 000</b>	<b>518 498 040 000</b>	<b>-9,31</b>	<b>76</b>	<b>76</b>	<b>0</b>	<b>30</b>

*Loharanom-baovao* : Tetibolam-panatanterahana LFI sy LFR, Antontan-kevitra ny fahombiazana LFI sy LFR

c. **Fanarahana isaky ny fandaharan'asam-panatanterahan'ireo ministra tao amin'ny sehatra fotodrafitrasa**

- MINISTERAN'NY ANGOVO SY NY AKORANAFO

**Fafana 51** : Fandravonana ireo fanatanterahana ara-bola sy mivaingana

Kaody	Fandaharan'asa	Sora-bola farany	Fandanim-bola	Taha	Voasoratra	Tratra	Tsy tratra	Tsy voafaritra	Hafa	Tahampan(%)
031	Fitantanana sy fandrindrana	3 577 520 000	3 357 269 976	93,84	1	1	0	0	0	100,00%
203	Fampivelarana ireo fotodrafitrasa ara-herinaratra sy ireo loharanon'angovo eto antoerana	74 833 611 000	4 514 977 052	6,03	7	3	4	0	0	42,86%
204	Fampandrosoana ny sehatra solitany sy ireo solika mifangaro	140 710 000	129 831 020	92,27	1	0	1	0	0	0,00%
<b>FITAMBARANY</b>		<b>78 551 841 000</b>	<b>8 002 078 048</b>	<b>10,19</b>	<b>9</b>	<b>4</b>	<b>5</b>	<b>0</b>	<b>0</b>	<b>44,44%</b>

*Loharanom-baovao: Famelabelarana ny sora-bola, Antontan-kevitra ny fahombiazana LFR, BCSE sy RAP 2016*

**Iraka « Angovo »**

- *Fitantanana sy fandrindrana* : mikasika ny fanatsarana ny asam-panjakana, tratra ny tahan'ny fampiasana ny tetibola novinavinaina, ary nihoatra mihitsy aza. Ny fiaraha-miasan'ireo mpisehatra rehetra no nanosika ny fanafainganana izany.

- *Fampivelarana ireo fotodrafitrasa ara-herinaratra sy ireo loharanon'angovo eto antoerana* : nahitana fihenana kely ny fampiasam-bola tsy miankina tamin'ny famatsiana ny sehatry ny angovo raha oharina tamin'ny taha novinavinaina, vokatra ny fatiantoka tamin'ity sehatra ity izay nampihemotra ireo mpampiasa vola. Tahaka izany koa ny tahan'ny fahafaham-pon'ireo mpisehatra izay latsaka ambany tamin'ny vinavina ny zava-bita, noho ity sehatra ity izay mbola anjakan'ny andrimpanjakana tokana. Na izany aza, ny fampahafantarana ny mponina ny vokatra tsara ateraky ny fampandrosoana maharitra dia nahafahana nihoatra ny vinavina teo amin'ny ampahan'ny velaran-tany novolena zava-maniry hamokatra angovo.

**Iraka « Solika »**

- *Fampandrosoana ny sehatra solitany sy ireo solika mifangaro*: nisy fiantraikany ratsy tamin'ny vidin'ny solika tamin'ny 2016 ny fiakaran'ny vidin'ny barila. Araka izany, raha novinavinaina ho -2% ny fiovan'ny vidin'ny solika, tafakatra hatramin'ny 4% izany.

- MINISTERAN'NY RANO SY NY FANADIOVANA ARY NY FIDIOVANA

**Fafana 52** : Fandravonana ireo fanatanterahana ara-bola sy mivaingana

Kaody	Fandaharan'asa	Sora-bola farany	Fandanim-bola	Taha	Voasoratra	Tratra	Tsy tratra	Tsy voafaritra	Hafa	Taham - pan(%)
032	Fitantanana sy fandrindrana	5 835 413 000	5 744 472 933	98,44	1	0	1	0	0	0,00
205	Fampivelarana ny fampidirana-drano sy ireo fotodrafitrasa fanadiovana	36 112 755 000	37 353 886 211	103,44	9	0	5	2	2	0,00
<b>FITAMBARANY</b>		<b>41 948 168 000</b>	<b>43 098 359 144</b>	<b>102,74</b>	<b>10</b>	<b>0</b>	<b>6</b>	<b>2</b>	<b>2</b>	<b>0,00</b>

*Loharanom-baovao: Famelabelarana ny sora-bola, Antontan-kevitra ny fahombiazana LFR, BCSE sy RAP 2016*

- *Fitantanana sy fandrindrana* : tratra ny tahan'ny fampiasana ny tetibola, na dia teo aza ny elanelana kely 1,09% izay vokatry ny tsy fitovian'ny sora-bola tao amin'ny LFR sy ny vola azo araka ny tolo-bidin'ny Tsenam-baro-panjakana.

- *Fampivelarana ny fampidirana-drano sy ireo fotodrafitrasa fanadiovana* : ny fiandrasana ny fanendrena ny Tale Jeneraly misahana ny Rano sy ny Fanadiovana no nahavitsy ny siniben-drano narahimaso ary koa ny tsy fisian'ny antontan-kevitra tafapetraka momba ny fiahiana azy ireny sy ny fomba enti-miaro ny tetik'asa. Ny tsy fahampian'ny famatsiam-bola kosa, dia nisy akony tamin'ny fahatrarana ny tanjona momba ny fampidirana-drano madio ho an'ny mponina amin'ny fomba maharitra. Tsy ampy ihany koa ny vokatry tamin'ny fanomezana fotodrafitrasa fanadiovana maharitra ho an'ny mponina, vokatry ny tsy fahampian'ny mpiara-miombon'antoka ara-teknika sy ara-bola tamin'ity sehatra ity sy ny tsy fisian'ny fampahafantarana mikasika ny fanadiovana sy ny fidiovana.

- MINISTERAN'NY ASA VAVENTY

**Fafana 53** : Fandravonana ireo fanatanterahana ara-bola sy mivaingana

Kaody	Fandaharan'asa	Sora-bola farany	Fandanim-bola	Taha	Voasoratra	Tratra	Tsy tratra	Tsy voafaritra	Hafa	Taham - pan(%)
020	Fitantanana sy fandrindrana	15 214 384 000	8 894 934 480	58,46	4	2	2	0	0	50,00
206	Fampivelarana ny fotodrafitrasa momba ny lalana	219 364 961 000	122 283 587 710	55,74	4	1	3	0	0	25,00
<b>FITAMBARANY</b>		<b>234 579 345 000</b>	<b>131 178 522 190</b>	<b>55,92</b>	<b>8</b>	<b>3</b>	<b>5</b>	<b>0</b>	<b>0</b>	<b>37,50</b>

*Loharanom-baovao: Famelabelarana ny sora-bola, Antontan-kevitra ny fahombiazana LFR, BCSE sy RAP 2016*

- *Fitantanana sy fandrindrana*: tsy nahatratra afa-tsy ny antsasaky ny tanjony ity fandaharan'asa ity. Mbola ratsy ny lalam-pirenena tamin'ireo faritra sasany, satria 60% tamin'ireo faritra matanjaka ara-toekarena ihany no afaka mifandray amin'ny alalan'ny fitaovam-pitaterana. Etsy andaniny, vokatry ny fihenana kely teo amin'ny saran'ny fiofanana, afaka nanatanteraka fampiofanana betsaka kokoa ho an'ny mpiasa sy ireo mpiara-miombon'antoka ny ministera.

- *Fampivelarana ny fotodrafitrasa momba ny lalana* : ny elanelana nisy tamin'ny tahan'ireo kaominina misy lalana dia vokatry ny fahosan'ny famatsiam-bola ho an'ny lalana ambanivohitra.

Ambonin'izany, ny taha ambany tamin'ny fanaparitahana ireo tetik'asa laharam-pahamehana no niteraka ny faharatsian'ireo lalam-pirenena vetivety. Na dia teo aza anefa izany, voatazona ny tahan'ireo lalam-pirenena novinavinaina ho karakaraina.

- MINISTERAM-PANJAKANA MISAHANA NY TETIK'ASAN'NY FILOHA, NY FANAJARIANA NY TANY ARY NY FAMPITAOVANA

**Fafana 54** : Fandravonana ireo fanatanterahana ara-bola sy mivaingana

Kaody iraka	Kaody fand	Fandaharan'asa	Sora-bola farany	Fandaniam-bola	Taha	Voasoratra	Tratra	Tsy tratra	Tsy voafaritra	Hafa	Tahampan(%)
460	018	Fitantanana sy fandrindrana	1 913 171 000	1 696 693 201	88,68	2	1	1	0	0	50,00
	409	Tany sy filaminan'ny fananan-tany	9 247 748 000	1 167 035 858	12,62	9	7	2	0	0	77,78
620	021	Fitantanana sy fandrindrana	20 850 805 000	20 666 327 402	99,12	6	2	3	0	1	33,33
	207	Fanjariana sy fampitaovana ireo tanan-dehibe	34 674 943 000	45 765 263 810	131,98	2	2	0	0	0	100,00
640	058	Fitantanana sy fandrindrana	4 073 605 000	4 068 315 034	99,87	2	0	2	0	0	0,00
	215	Fotodrafitrasa sy fampitaovana	66 758 467 000	28 983 793 914	43,42	3	3	0	0	0	100,00
<b>FITAMBARANY</b>			<b>137 518 739 000</b>	<b>102 347 429 219</b>	<b>74,42</b>	<b>24</b>	<b>15</b>	<b>8</b>	<b>0</b>	<b>1</b>	<b>62,50</b>

Loharanom-baovao: Famelabelarana ny sora-bola, Antontan-kevitra ny fahombiazana LFR, BCSE sy RAP 2016

#### **Iraka « Tany sy filaminan'ny fananan-tany »**

- *Fitantanana sy fandrindrana (018)*: raha tratra ny tanjona fanatsarana ny fahaizamaon'ny mpiasa momba ny fikirakirana ireo taratasin-tany, tsy vita araka ny vinavina kosa ny fanatsarana ny fitantanana ny vola azon'ny sampan-draharahan'ny fananan-tany, noho ny fahataran'ny fandraiketana vitsivitsy tamin'ny famindram-bola.

- *Tany sy filaminan'ny fananan-tany*: nihoatra ny vinavina napetraka avokoa ny isan'ny taratasin-tany navoaka sy ny isan'ny baorina tafapetraka tamin'ny 2016, noho ny fiakaran'ny tinady mikasika izany. Ambonin'izany, ny lamina napetraky ny ministera momba ny fanafainganana ny fanomezan-daharana ireo drafitra ara-tsarin-tany dia nanampy ny fitombon'ny sarin-tany nahazo laharana sy ireo paik'ady anatin'ny misahana ny fananan-tany voavolavola. Etsy andaniny, birao ifotony 50 no voatohana raha 150 ny tarehimarika novinavinaina, noho ny fahataran'ny fandraiketana ny famatsiam-bola avy any ivelany.

#### **Iraka « Fanajariana ny Tany »**

- *Fitantanana sy fandrindrana*: raha tratra ny tanjona tamin'ny isan'ny mpiasa nahazo fiofanana, tsy izany kosa ny isan'ny fitaovana novidiana vokatry ny tsy fahampian'ny sora-bola. Hanomboka ny 2017 kosa ny tetik'asa vinavina ho fanohanana sy fametrahana ireo sampan-draharahan-paritra.

- *Fanjariana sy fampitaovana ireo tanan-dehibe*: tratra avoka ireo tanjona 2 tamin'ity fandaharan'asa ity. Araka izany, antontan-taratasy 10 fitarihan-dalana momba ny fanajariana ny tany no

voavolavola ary vondrom-paritra itsinjaram-pahefana miisa 73 no notohanana momba ny fampandrosoana ny an-drenivohitra.

**Iraka « Asa goavana ho an’ny Fotodrafitrasa sy Fampitaovana »**

- *Fitantanana sy fandrindrana*: teo amin’ny fanatsarana ny fampandehana ny fitantanandraharaha sy ireo sampan-draharaha any amin’ny faritra, tratra ny tahan’ny fampiasana ny tetibola na dia nisy elanelan’isa kely monja 0,13 aza. Tsy nisy politikam-pirenena ho fampandrosoana ny fotodrafitrasa sy fampitaovana vita nefa tamin’ny 2016, noho ny tsy fisian’ny famatsiam-bola.

- *Fotodrafitrasa sy fampitaovana*: handamina ireo fotodrafitrasa sy ireo fampitaovana no fanamby napetraka tao anatin’ity fandaharan’asa ity, andraikitra izay tanteraka araka izay nantenaina. Araka izany, fotodrafitrasa lehibe ara-toekarena sy ara-tsosialy 5 no naorina na nohatsaraina ary trano 50 no naorina tamin’ny 2016.

- MINISTERAN’NY FITATERANA SY NY FAMANTARANA NY TOETR’ANDRO

**Fafana 55** : Fandravonana ireo fanatanterahana ara-bola sy mivaingana

Kaody iraka	Kaody fand	Fandaharan’asa	Sora-bola farany	Fandanim-bola	Taha	Voasoratra	Tratra	Tsy tratra	Tsy voafaritra	Hafa	Tahampan(%)
630	022	Fitantanana sy fandrindrana	7 678 952 000	7 513 871 563	97,85	4	3	0	0	1	75,00
	208	Fitaterana an-tanety sy an-damasinina	11 292 274 000	8 763 478 708	77,61	6	4	2	0	0	66,67
	209	Fitaterana an-dranomasina, an-dranomamy ary ana-habakabaka	3 751 842 000	3 115 314 382	83,03	5	4	1	0	0	80,00
680	042	Fitantanana sy fandrindrana	585 673 000	547005 642	93,40	3	3	0	0	0	100,00
	211	Fampandrosoana ny famantarana ny toetr’andro	425 000 000	206 445 270	48,58	3	3	0	0	0	100,00
<b>FITAMBARANY</b>			<b>23 733 741 000</b>	<b>20 146 115 565</b>	<b>84,88</b>	<b>21</b>	<b>17</b>	<b>3</b>	<b>0</b>	<b>1</b>	<b>80,95</b>

*Loharanom-baovao: Famelabelarana ny sora-bola, Antontan-kevitra ny fahombiazana LFR, BCSE sy RAP 2016*

**Iraka « Fitaterana »**

- *Fitantanana sy fandrindrana* : nohatsaraina ny fahaiza-manaon’ny mpiasa sy ny fitaovana tamin’ny alalan’ny fampidirana rafitra intranet iray sy ny fampiofanana mpiasa 6 tao amin’ny ENAM sy tany Chine.

- *Fitaterana an-tanety sy an-damasinina*: amin’ny fanatsarana ny vokatra sy ny kalitaon’ny Fitaterana an-tanety, nohatsaraina ny fiantsonana tao Maevatanana. Ambonin’izany, nisy ny hetsika 2 fanentanana ireo mpandraharaha sy mpiasa amin’ny fitaterana an-tanety tao anatin’ny herinandron’ny aro lozan’ny fifamoivozana vokatra ireo loza nahafatesan’olona. Momba ny fitaterana an-damasinina kosa, nihena ny lanjan’ny entana nandeha lamasinina, vokatra ny fahanteran’ireo fotodrafitrasa sy ny tsy fahampian’ny fampiasam-bola mikasika izany.

- *Fitaterana an-dranomasina, an-dranomamy ary ana-habakabaka*: momba ny fampandrosoana ny rafitra amin’ireo fitaterana ana-habakabaka, seranam-piaramanidina 2 no nampanarahina fenitra, dia ny tao Tolagnaro sy Toliara; ary mpandeha fiaramanidina 1 400 no voaisa

raha 1 000 ny vinavina, noho ny fiverenan'ny zotra mampitohy an'i Eoropa taorian'ny fivoahan'ny Air Madagascar tao amin'ny Annexe B. Nampanarahina ny fenitra ihany koa ny seranan-tsambon'Ankify nandritra ny taona 2016.

**Iraka « Famantarana ny Toetr'andro »**

- *Fitantanana sy fandrindrana*: Araka ny vinavina avokoa ny zava-bita. Tratra ny tanjona teo amin'ny fampiasana ny tetibolan satria vita ara-potoana ireo dingana fandraiketana sy ny fandaminana ireo fandanim-bola. Ambonin'izany, ny vinavina amin'ny fahazoana vaovao ara-toetr'andro sy momba ny rano dia nihoatra ny tanjona, noho ny fanaparahana ireo fitaovana fahazoam-baovao tamin'ny kaominina maro.

- *Fampandrosoana ny famantarana ny toetr'andro*: tsara ihany koa ny vokatra ho an'ity fandaharan'asa ity. Nahitam-bokatra tamin'ny elanelana miabo avokoa ny tahan'ny fiparitahan'ny tambazotra mpizara vaovao sy rafitra mpampita vaovao momba ny toetr'andro sy ny tahan'ny fahazoan'antoka ny vinavinan'ny toetr'andro. Tafapetraka tamin'ireo faritra maro, araka izany ny fampitaovana sy ny fitaovana ilaina. Nihoatra ny vinavina ihany koa ny tanjona ho fanatsarana ny fitaovam-pifandraisana, fanaparahana sy ny fahaiza-manaon'ireo mpisehatra teo amin'ny dingana fiatrehina ny loza.

- MINISTERAN'NY PAOSITRA SY NY FIFANDRAISAN-DAVITRA ARY NY FAMPANDROSOANA NY HAITAO ARA-KAJY MIRINDRA

**Fafana 56** : Fandravonana ireo fanatanterahana ara-bola sy mivaingana

Kaody iraka	Kaody fand	Fandaharan'asa	Sora-bola farany	Fandanim-bola	Taha	Voasoratra	Tratra	Tsy tratra	Tsy voafaritra	Hafa	Taham - pan(%)
660	023	Fitantanana sy fandrindrana	493 078 000	434 780 149	88,18	1	0	1	0	0	0,00
	214	Fanohanana ny fanitarana ny fanaparahana ny paositra	0	0		1	0	1	0	0	0,00
670	043	Fitantanana sy fandrindrana	0	0		1	1	0	0	0	100,00
		Fampivelarana ny fahazoana ireo tambazotra TIC any amin'ny faritra ambanivohitra	965 311 000	930 104 563	96,35	1	1	0	0	0	100,00
<b>FITAMBARANY</b>			<b>1 458 389 000</b>	<b>1 364 884 712</b>	<b>93,59</b>	<b>4</b>	<b>2</b>	<b>2</b>	<b>0</b>	<b>0</b>	<b>50,00</b>

*Loharanom-baovao: Famelabelarana ny sora-bola, Antontan-kevitra ny fahombiazana LFR, BCSE sy RAP 2016*

**Iraka « Paositra sy Fifandraisan-davitra »**

- *Fitantanana sy fandrindrana* : ny tanjona ho amin'ny fitantanana mahomby ny mpiasa, ara-bola sy ara-pitaovana dia tratra avokoa na dia nisy aza ny elanelan'isa kely 1,41 hita teo amin'ny tahan'ny sora-bola voarakitra mihoatra tamin'ny sora-bola ankapobeny.

- *Fanohanana ny fanitarana ny fanaparahana ny paositra*: tsy tratra afa tsy ampahany ny tanjona napetraka, nahitana ny taham-panatanterahana 50% tamin'ireo tondromarika. Na izany aza, biraon'ny paositra 3 no nisokatra tamin'ny 2016, dia ny tany Andranonahoatra, Ambilobe ary Ambatolampy.

**Iraka « Teknolojian'ny fampitam-baovao sy ny Fifandraisana » (TIC)**

- *Fitantanana sy fandrindrana (053)*: mba hahatsara ny vokatra sy ny kalitaon'ny tolotra amin'ny Fifandraisan-davitra sy ny Teknolojia Vaovao sy mba hisian'ny fatokisan'ireo mpandraharaha, fehezan-kevitra iray momba ny Teknolojian'ny fampitam-baovao sy ny Fifandraisana no navoaka tamin'ny 2016.

- *Fampivelarana ny fahazoana ireo tambazotra TIC any amin'ny faritra ambanivohitra*: vita araka ny tokony ho izy ny fametrahana rafi-pifandraisana iray mahomby sy azo ampiasaina, tamin'ny alalan'ny fametrahana toerana 20 misy internet ho an'ny rehetra.

### **III. FANADIHADIANA NY ENDRIKY NY TETIBOLA**

Ity fizarana farany ity no anehoana ny vokatra ankapoben'ny fanatanterahana ny lalàna mifehy ny tetibola, aseho isaky ny fizarana, ny vinavina sy ny zava-bita teo amin'ny vola miditra sy ny fandaniem-bola. Entina hanehoana ny fivoaran'endriky ny tetibola ihany koa ny fanadihadiana ireo didy fanovàna ny sora-bola sy ny didy milaza ny sora-bola fanampiny ho an'ny taona 2016.

#### **A. VINA VINA, FANATANTERAHANA ARY VOKATRA ANKAPOBEN'NY TETIBOLAM-PANJAKANA**

Ny vola niditra sy ny fandaniem-bola nivoaka marina dia nahatratra **5 899 937 640 029,54 Ariary** sy **7 863 920 249 781,48 Ariary** isan'isany. Fatiantoka **1 963 982 609 751 ,94 Ariary** no vokatry ny fampiasana ny tetibola 2016, izay 6,2% tamin'ny harin-karena faobe.

Ny fafana manaraka no anehoana ireo vokatra ankapoben'ny fanatanterahana ny Lalàna mifehy ny Tetibola.

**Fafana 57:** Vokatra ankapobeny tamin'ny fanatanterahana ny Lalàna mifehy ny tetibola 2016

Amin'ny Ariary

Fitanisana	Vola miditra		Fandanim-bola		Fanatanterahana		Hanisisa	
	Vinavina voalohany	Vinavina farany	Sora-bola voalohany	Sora-bola farany	Vola miditra	Fandanim-bola	Fihoaran'ny vola miditra Recettes	Fihoaran'ny fandania
CADRE I								
<b>TETIBOLA ANKAPOBEN'NY FANJAKANA</b>								
a – Lahasa fampandehanan-draharaha	3 577 914 196 000,00	3 501 958 567 000,00	3 617 650 804 000,00	5 441 057 000 000,00	3 716 703 082 491,99	5 354 423 653 594,35		
b – Lahasan'ny hana-pamokarana	595 210 174 000,00	636 119 019 000,00	1 568 185 830 000,00	1 682 258 579 000,00	142 699 737 303 ,40	845 584 150 923,45		
<b>FITAMBARANY CADRE I</b>	<b>4 173 124 370 000,00</b>	<b>4 138 077 586 000,00</b>	<b>5 185 836 634 000,00</b>	<b>7 123 315 579 000,00</b>	<b>3 859 402 819 795,39</b>	<b>6 200 007 804 517,80</b>		<b>2 340 604 984 722,41</b>
CADRE II								
<b>TETIBOLA ANANKINA</b>								
a – Lahasa fampandehanan-draharaha	27 519 500 000,00	28 979 500 000,00	27 519 500 000,00	28 979 500 000,00	24 237 902 324,88	19 349 050 470,62		
b – Lahasan'ny hana-pamokarana								
<b>FITAMBARANY CADRE II</b>	<b>27 519 500 000,00</b>	<b>28 979 500 000,00</b>	<b>27 519 500 000,00</b>	<b>28 979 500 000,00</b>	<b>24 237 902 324,88</b>	<b>19 349 050 470,62</b>	<b>4 888 851 854,26</b>	
CADRE III								
<b>CPT</b>	561 451 857 000,00	726 448 857 000,00	902 510 836 000,00	1 550 159 231 000,00	391 593 000 753,10	1 303 131 122 963,65		
<b>FITAMBARANY CADRE III</b>	<b>561 451 857 000,00</b>	<b>726 448 857 000,00</b>	<b>902 510 836 000,00</b>	<b>1 550 159 231 000,00</b>	<b>391 593 000 753,10</b>	<b>1 303 131 122 963,65</b>		<b>911 538 122 210,55</b>
CADRE IV								
<b>OPERATIONS GENERATRICES</b>								
<b>DE FCV ET ASSIMILEES</b>	332 160 000,00	332 160 000,00	0,00	0,00	1 631 117 076,38	0,00		
<b>FITAMBARANY CADRE IV</b>	<b>332 160 000,00</b>	<b>332 160 000,00</b>	<b>0,00</b>	<b>0,00</b>	<b>1 631 117 076,38</b>	<b>0,00</b>	<b>1 631 117 076,38</b>	
CADRE V								
<b>FAMADIHANA HO RENIVOLA NY TROSAM-PANJAKANA</b>	3 643 468 093 000,00	6 592 749 815 000,00	2 290 029 010 000,00	2 784 133 608 000,00	1 623 072 800 079,79	341 432 271 829,41		
<b>FITAMBARANY CADRE V</b>	<b>3 643 468 093 000,00</b>	<b>6 592 749 815 000,00</b>	<b>2 290 029 010 000,00</b>	<b>2 784 133 608 000,00</b>	<b>1 623 072 800 079,79</b>	<b>341 432 271 829,41</b>	<b>1 281 640 528 250,38</b>	
<b>FITAMBARAM-BENY</b>	<b>8 405 895 980 000,00</b>	<b>11 486 587 918 000,00</b>	<b>8 405 895 980 000,00</b>	<b>11 486 587 918 000,00</b>	<b>5 899 937 640 029,54</b>	<b>7 863 920 249 781,48</b>	<b>1 288 160 497 181,02</b>	<b>3 252 143 106 932,96</b>

Fatiantoka tamin'ny fanatanterahana ny Lalàna mifehy ny Tetibola : **1 963 982 609 751 ,94 Ariary**

## **B. FANADIHADIANA NY FIVOARAN'NY SORA-BOLA**

Nandritra ny taom-piasana, ny LOLF araka ny fizarana faha III dia nilaza ny fahafahana manova ireo sora-bola efa nankatoavin'ny Antenimiera. Araka izany dia niroso tamin'ny fanamboarana ny sora-bola ny Governemanta ny taona 2016, ary koa nanokatra sora-bola fanampiny, araka ny fepetra voalaza ao amin'ny andininy faha 19 sy 20.

### **1. Fiovan'ny sora-bola**

Taorian'ny fankatoavana ny LFR tamin'ny volana Jolay 2016 dia nisy ny fanovàna ny fitsinjarana ny sora-bola nananan'ireo andrim-panjakana sy ministera, notanterahina tamin'ny alalan'ny fanarahana didy aman-dalàna miisa 196, ka ny 12 tamin'ireo dia famindrana sora-bola anatin'ny fandaharan'asan'ny Ministera roa samihafa na maromaro, ny 05 famindrana sora-bolan'ny fandaharan'asa ao anatin'ny Ministera iray ary 179 momba ny fanitsiana ny sora-bola.

Didy fanovàna sora-bola betsaka kokoa noho ny tamin'ireo taon-dasa no noraisin'ny mpitondra fanjakana tamin'ny 2016, izay nahatratra 196, raha didim-panjakana na didim-pitondrana 148 no nisy tamin'ny 2014 ary 10 tamin'ny 2015. Haravona ao anatin'ity fafana manaraka ity ny fiovan'ny fizarana ny sora-bola tamin'ny 2014 hatramin'ny 2016.

**Fafana 58** : Endriky ny fiovan'ny sora-bola tamin'ny 2014 hatramin'ny 2016

<b>Karazana Didy</b>	<b>2014</b>	<b>2015</b>	<b>2016</b>
Didim-panjakana famindrana ny sora-bola (famindrana sora-bola anatin'ny fandaharan'asan'ny Ministera samihafa)	10	1	12
Didim-panjakana famindrana sora-bola (fandaharan'asa anatin'ny Ministera iray ihany)	05	-	05
Didim-pitondrana fanitsiana sora-bola	133	9	179
<b>FITAMBARANY</b>	<b>148</b>	<b>10</b>	<b>196</b>

*Loharanom-baovao* : didy manova ny sora-bola tamin'ny 2014 hatramin'ny 2016, taorian'ny fahalanian'ny LFR

- **Didim-panjakana famindrana sora-bola (fandaharan'asa anatin'ny Ministera iray ihany)**

Taorian'ny LFR, hetsika famindrana sora-bola 5 no vita, ka ny fitambarany dia nahatratra 9,90 lavitrisa Ariary. Izy ireto dia notsinjaraina teo anivon'ny:

- Ministeran'ny Fiarovam-pirenena, tamin'ny fividianana fitaovana ara-teknika sy fanatsarana ireo fotodrafitrasa ;
- Ny Ministeran'ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana, mikasika ny iraka fiarovana, fanomanana, vonjy aina, fanitsiana ary ny famerenana amin'ny laoniny sy ny fanarenana ny BNGRC ;
- Fiadidiana ny Praiministra, tamin'ny fanaovana ho laharam-pahamehana ireo tetik'asa ara-tsosialy ;
- Ministeran'ny Fampianarana Ambony sy ny Fikarohana Siantifika, mba hanarenana ny fihenana ny sora-bola noho ny fisian'ny LFR ; ary ny
- Ministeran'ny Asa Vaventy, mba hamenoana ny sora-bolan'ny hana-pamokarana.

- **Didim-panjakana famindrana ny sora-bola (famindrana sora-bola anatin'ny fandaharan'asan'ny Ministera roa samihafa na maromaro)**

Didim-panjakana 12 no noraisin'ny Governemanta, ka ny fitambarany dia nahatratra 113,05 lavitrisa Ariary.

Ny Fitsarana Avo momba ny lalàm-panorenana dia namindra vola 65 tapitrisa Ariary ho an'ny Ministeran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola, raha toa ka Andrim-panjakana sy Ministera 12 no nampitomboan'ity farany ny sora-bolany, izay 112,98 lavitrisa Ariary ny fitambarany. Izany dia natao indrindra mba hampiasaina amin'ny famenoana ny fandoavana ny karaman'ny mpiasam-panjakana, hanefàna ny fanampiana ireo mpampianatra mbola tsy mpiasam-panjakana ary mba hamatsiana ireo fandanium-bola maika tao amin'ny BNGRC ho fiatrehina ny tranga mety hitera-doza sy ny loza.

- **Didim-pitondrana fanitsiana sora-bola**

Ny ampahany betsaka tamin'ireo Andrim-panjakana sy Ministera dia nanao ihany koa ny fanitsiana ny sora-bolany noho ny antony samihafa, ka ny antony voalaza matetika dia ny tsy fahampian'ny tetibola ho an'ireo kaonty sasan-tsasany vokatry ny fampiharana ny LFR. Ny fitambaran'ny sora-bola novaina tamin'ity fomba ity dia nahatratra 478,28 lavitrisa Ariary. Saiky teo anivon'ny Ministeran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola, ny Ministeran'ny Fahasalalamam-bahoaka ary ny Ministeran'ny Fanabeazam-pirenena avokoa ny antsasaky ny Didim-pitondrana 179 navoaka ho an'ny Departemanta 31.

- *Sehatra fitantanan-draharaha*

- Ny Fiadidiana ny Repoblika dia nanao fanitsiana sora-bola miisa 10 izay nitentina 1,03 lavitrisa Ariary ny fitambarany, ka ny ampahany betsaka tamin'izany dia nandoavana ireo tambin-karaman'ireo mpikambana tao amin'ny PREA sy ny karaman'ireo mpanolo-tsaina sy fakàn-kevitra.

- Ny Antenimieran-doholona dia namoaka didim-pitondrana 3 izay nitentina 344 tapitrisa Ariary, ka ny ampahany betsaka dia natokana indrindra amin'ny fandoavana ireo tambin-karama.

- Mba hahafahana mameno ireo kaonty sasan-tsasany, izay nitarika ny Antenimieran-pirenena nanao fanitsiana sora-bola nitentina 2,49 lavitrisa Ariary.

- Ny Fitsarana Avo momba ny Lalàm-panorenana dia tsy nanao afa-tsy fanitsiana sora-bola iray ihany izay nitentina 104,96 tapitrisa Ariary, izay natao hiantoka ny fandoavana ny tambin-karama sy ny tambin'ny fahombiazana ; ny famenoana ny sora-bola tamin'ny kaonty entana sy asa aman-draharaha, ny fandoavana ny saran'ny fiofanana ary ny fandoavana ny ambin'ny latsak'emboka iraisam-pirenena.

- Ny fanitsiana sora-bola miisa 9 nataon'ny Fiadidiana ny Praiministra dia nitentina 1,86 lavitrisa Ariary ny fitambarany, ka ny sora-bola betsaka indrindra tamin'izany dia namatsiana ny fanatsarana ny lalana tao anatin'ny distrikan'i Mananara Avaratra, faritra Analanjirofo.

- Ny Filankevi-pirenena Mahaleotena misahana ny Fifidianana dia nanova ny fitsinjarana ireo sora-bolany tamin'ny alalan'ny fanavaozana isan-taona ny lisi-pifidianana, ka nahatratra 131,83 tapitrisa Ariary ny fiovan'ny sora-bola.

- Didim-pitondrana 2 no nataon'ny Ministeran'ny Raharaham-bahiny mba hamadihana ny sora-bola mitentina 497,48 tapitrisa Ariary, mba hanatanterahana ireo asa tsy azo ialana tany amin'ny sehatra ivelany.

- Tetibola mitentina 246,81 tapitrisa Ariary no nafindra ho an'ny Ministeran'ny Fiarovam-pirenena tamin'ny alalan'ny didim-pitondrana 3. Ny ampahany betsaka tamin'izany dia natokana ho amin'ny fikojakojana ireo fitaovana fampiasa eny ana-habakabaka sy ny fitaovana ara-teknika ho fanaraha-maso ny habakabaka.

- Ny Ministeran'ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana dia nanao fanitsiana sora-bola miisa 9, izay nitentina 9,48 lavitrisa Ariary, noho ny antony tokana : famenoana ny sora-bola ampiasain'ny « Tahiry Fanohanana ny Fampandrosoana ».

- Ny Governemanta dia nankato fanitsiana sora-bola miisa 8 izay nitentina 827,81 tapitrisa Ariary ho an'ny Ministeran'ny Filaminam-bahoaka, ny antsasak'izany dia natokana ho amin'ny fitandroana ny filaminana nandritra ny Fivoriana an-tampon'ny «Francophonie» sy ny «COMESA».

- Ny Ministeran'ny Fitsarana dia nampiasa fanitsiana sora-bola miisa 3 izay nitentina 310,78 tapitrisa Ariary: ny ampahany betsaka dia nalefa ho amin'ny fandoavana ny karaman'ny mpiasa sy fanomezana ny tambim-pahombiazanan'ireo Mpitsara sy mpiasan'ny Fitsarana.

- Fanitsiana sora-bola miisa 34 no hita tao amin'ny Ministeran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola, izay nitentina 404,31 lavitrisa Ariary. Ny fanitsiana tena niavaka indrindra dia ny fanitsiana ny fahadisoan-antsipelina nandritra ny fandrafetana ny LFR 2016 andaniny, izay niteraka ny fahadisoan'ny fanoratana ny fipetraky ny sora-bola, ary ankilany mba handoavana ny fanampiana ny JIRAMA volana novambra sy desambra 2016 ary ny fanampiana fanampiny ho an'ny ARMP.

- Fanitsiana sora-bola 3 nitentina 320,46 tapitrisa Ariary no nataon'ny Ministeran'ny Toekarena sy ny Teti-pivoarana, ka ny ampahany betsaka indrindra dia natao hanatanterahana ireo asa voafaritra teny ampiandohana mikasika ny fanisàna ankapobeny ny mponina sy ny toeram-ponenana.

#### ➤ *Sehatra sosialy*

- Didim-pitondrana fanitsiana sora-bola 27 no nisy teo anivon'ny Ministeran'ny Fahasalalamam-bahoaka, izay nitentina 5,73 lavitrisa Ariary. Ny fanitsiana 7 natao farany dia nitentina nandaminana ireo fandanium-bola tsy maintsy natao nandritra ny taona 2016. Sora-bola goavana ihany koa no natokana hividianana vakisiny ho an'ny vahoaka malagasy.

- Ho fanatanterahana ireo tetik'asa laharam-pahamehan'ny telovolana farany tamin'ny taona 2016, voatery nandray didim-pitondrana iray ho fanitsiana ny sora-bola izay nahatratra 202 tapitrisa Ariary ny Ministeran'ny Tanora sy ny Fanatanjahan-tena.

- Ho fampandehanana ny Ministeran'ny Mponina sy ny Fiahiana ara-tsosialy ary ny Fampiroboroana ny Vehivavy dia fanitsiana sora-bola iray nitentina 141,13 tapitrisa Ariary no natao.

- Novaina ny fitsinjarana ny sora-bola nitentina 14,52 lavitrisa Ariary teo anivon'ny Ministeran'ny Fanabeazam-pirenena, izay notanterahina tamin'ny alalan'ny didim-pitondrana 19. Ny sora-bola goavana indrindra dia natokana ho amin'ny fandoavana ny fanampiana ny sekoly manerana ny nosy, ho amin'ny

kojakoja fampiasa anaty birao mba hanatsarana ny fanomanana ireo fanadinam-panjakana sy fanomanana ny fandraisana ho mpiasam-panjakana ireo mpampianatra.

- Fanitsiana sora-bola miisa 2 izay nitentina 53,76 tapitrisa Ariary no natao teo anivon'ny Ministeran'ny Asa, ny Fampianarana Teknika ary ny Fiofanana arak'Asa, ka ny ampahany betsaka dia namenoana ny sora-bola ho fampandehanan-draharaha.

- Ny Ministeran'ny Fampianarana Ambony sy ny Fikarohana Siantifika dia nanatanteraka fanitsiana sora-bola 2 nitentina 3,61 lavitrisa Ariary, noho ny tsy fahampian'ny sora-bola tamin'ireo kaonty maromaro tsy maintsy hefaina nandritra ny telovolana in-telo tamin'ny taona 2016.

- 182 tapitrisa Ariary no nalefa teo anivon'ny Ministeran'ny Kolontsaina, ny Fanandratana ny Taozavatra ary ny Fikajiana ny Vakoka, ka ny be indrindra dia natao handoavana ireo fandanium-bola vitsivitsy tsy maintsy atao tamin'ireo asa ho tanterahina.

-

➤ *Sehatra famokarana*

- Fiovan'ny sora-bola nahatratra 128,41 tapitrisa Ariary no hita teo anivon'ny Ministeran'ny Indostria sy ny Fampandrosoana ny Sehatra tsy miankina, tamin'ny alalan'ny fandraisana didim-pitondrana 7, ka ny lehibe indrindra dia nalefa ho amin'ny fandoavana ireo faktioran'ny orinasa TELMA mba hahamora ny fifandraisana amin'ireo sampan-draharaha mifandray amin'ny Ministera sy ho an'ireo mpiara-miasa ara-teknika amin'ny Ministera.

- Ny Ministeran'ny Fizahan-tany dia tsy nanao afa tsy fanitsiana sora-bola tokana izay nitentina 17,2 tapitrisa Ariary, ka ny tanjona tamin'izany dia ny hiantoka ny fandoavana ny karama sy ny latsak'emboky ny mpiasa ECD any amin'ny CNaPs hatramin'ny volana desambra.

- Ny Ministera eo anivon'ny Fiadidiana ny Repoblika misahana ny Fambolena sy ny Fiompiana dia nanatanteraka fanitsiana sora-bola miisa 5 izay nitentina 10,95 lavitrisa Ariary. Ny famenoana ny sora-bolan'ny TVA izay nahitana fihoarana no tena anton'izany.

- Ny Ministeran'ny Tontolo Iainana, ny Hai-voary ary ny Ala dia nandray didim-pitondrana fanitsiana sora-bola 4 izay nahatratra 248,73 tapitrisa Ariary, ka mihoatra ny antsasak'izany dia navadika ho amin'ny fandoavana ny trosan'ny TELMA teo anivon'ny Ministera.

➤ *Sehatra fotodrafitrasa*

- Fanitsiana sora-bola 2 nitentina 12,96 lavitrisa Ariary no natao teo anivon'ny Ministeran'ny Angovo sy ny Akoranafo, ka ny ampahany betsaka dia namenoana ireo kaonty sasan-tsasany tsy ampy vola taorian'ny fampiharana ny LFR.

- Ny Ministeran'ny Rano, ny Fanadiovana sy ny Fidiovana dia nanatanteraka fanitsiana sora-bola 3 izay nitentina 1,27 lavitrisa Ariary. Ny ampahany betsaka dia namenoana ireo fihoaram-pandaniana tamin'ny kaonty ho amin'ny fanadiovana.

- Ny Ministera eo anivon'ny Fiadidiana misahana ny harena an-kibon'ny tany sy ny Solika dia tsy nanao afa tsy fanitsiana sora-bola iray nitentina 484,29 tapitrisa Ariary, ho fiantohana ny dian'ny Ministra sy

handoavana ny tambin'ny mety ho fisedrana loza sy fiambenana amin'ny alina ataon'ireo mpiambina ary ny vola fanampiana omena ireo sampan-draharaha miankina amin'ny Ministera.

- Nitentina 4,48 lavitrisa Ariary ny fanitsiana sora-bola miisa 8 nataon'ny Ministeran'ny Asa Vaventy. Ny ankamaroan'izany dia natokana handoavana ireo fandanian'ny fidinana ifotony manoloana ny fahabetsahan'ireo andraikitra amin'ny fanatsarana ireo fotodrafitrasa momba ny fitaterana.

- Ny Ministera eo anivon'ny Fiadidiana ny Repoblika misahana ny Tetik'asan'ny Filoha, Fanajariana ny Tany ary ny Fampitaovana dia nanatanteraka fanitsiana sora-bola nitentina 979,64 tapitrisa Ariary ho an'ny BPPAR.

- Fanitsiana sora-bola nitentina 10,84 tapitrisa Ariary no nekena tamin'ny alalan'ny didim-pitondrana mba hamenoana ny sora-bola fampandehanan-draharaha tao amin'ny Ministeran'ny Fitaterana sy ny Famantarana ny Toetr'andro.

- 332,93 tapitrisa Ariary no nomena ny Ministeran'ny Paositra sy ny Fifandraisan-davitra ary ny Fampandrosoana ny Haitao ara-kajy Mirindra mba hanatsarana kokoa ireo asany.

## **2. Didim-panjakana fanokafana sora-bola: fanokafana sora-bola fanampiny**

Ankoatra ireo fanitsiana sora-bola natao, nanamarika ny taona 2016 ihany koa ny didim-panjakana fanokafana sora-bola fanampiny nanitsiana ny sora-bola novinavinain'ny LFR, izay hita teo anivon'ny Ministeran'ny Filaminam-bahoaka.

Neken'ny Governemanta arak'izany tamin'ny Oktobra 2016, ny sora-bola fanampiny nitentina 4,8 lavitrisa Ariary ho amin'ny fanaovana sy fizarana ny pasipaoro elektronika malagasy. Izany fanomezana izany dia natao tamin'ny Kaonty Manokan'ny Tahirimbolam-panjakana tao amin'ny tetibolan'ny DRCIE (Direction des Renseignements et du Contrôle de l'Immigration et de l'Emigration)/ Pasipaoro elektronika, kaonty « Saran'ny fanomezan-dàlana ara-panjakana ».

### C. FANADIHADIANA IREO FIZARAN-TETIBOLA

#### 1. TETIBOLA ANKAPOBEN'NY FANJAKANA (TAF)

##### a. Fidiram-bolan'ny TAF

Nandritra ny taom-piasana 2016, ny vokatra sy ny vola tafiditry ny Fanjakana mahakasika ny TAF dia tafakatra 4 173,12 lavitrisa Ariary tamin'ny LFI, ary 4 138,08 lavitrisa Ariary tamin'ny LFR.

**Fafana 59** : Endrik'ireo fidiram-bola isaky ny filazana

Amin'ny Ariary

<b>FITANISANA</b>	<b>Vinavina voalohany</b>	<b>Vinavina farany</b>	<b>Fanatanterahana</b>
<b>FAMPANDEHANAN-DRAHARAHANA</b>	<b>3 577 914 196 000,00</b>	<b>3 501 958 567 000,00</b>	<b>3 716 703 082 491,99</b>
Fidiram-bola avy amin'ny hetra	3 429 115 815 000,00	3 431 105 814 000,00	3 369 103 571 601,51
Fidiram-bola tsy hetra	70 821 621 000,00	70 852 753 000,00	347 599 510 890,48
Fanampiana ara-bola tsy averina	77 976 760 000,00	0,00	
Fidiram-bola vokatra ny fisintahan'ny Fanjakana	0,00	0,00	
Recettes exceptionnelles	0,00	0,00	
Renivola miditra (IADM – FMI)	0,00	0,00	
<b>HANA-PAMOKARANA</b>	<b>595 210 174 000,00</b>	<b>636 119 019 000,00</b>	<b>142 699 737 303,40</b>
Fanampiana avy any ivelany/PIP	595 210 174 000,00	636 119 019 000,00	142 699 737 303,40
<b>FITAMBARANY</b>	<b>4 173 124 370 000,00</b>	<b>4 138 077 586 000,00</b>	<b>3 859 402 819 795,39</b>

Loharanom-baovao: LFR 2016, CGAF 2016

Tamin'ny vinavina, ny vola miditra amin'ny fampandehanan-draharaha no mandrafitra ny 84,62% tamin'ny fidiram-bolan'ny TAF ary mitentina 3 501,96 lavitrisa Ariary. Raha 3 496,29 lavitrisa Ariary ny vinavina tamin'ny 2015, tafakatra 4 138,07 kosa izany ny 2016, izany hoe fiakarana 18,35%, nalefa ho amin'ny fidiram-bolan'ny hana-pamokarana ny 3,69% tamin'ity vinavina ity.

**Fafana 60** : Endriky ny fidiram-bola isaky ny karazana

<b>Chap.</b>	<b>Fitanisana</b>	<b>Vinavina farany</b>	<b>Fanatanterahana</b>
13	Famatsiana fampitaovana	636 119 019 000,00	142 699 737 303,40
70	Hetra avy amin'ny vola miditra sy ny tombony	846 128 990 000,00	876 898 129 125,14
71	Hetra avy amin'ny fananana	32 586 659 000,00	23 983 747 892,27
72	Hetra avy amin'ny entana sy raharaha	865 189 457 000,00	820 975 959 431,51
73	Hetra avy amin'ny varotra ivelany	1 668 700 000 000,00	1 633 010 480 276,63
74	Fampidiran-ketra hafa	18 500 708 000,00	14 235 254 875,96
75	Fampidiran-ketra avy amin' olon-tsotra	0,00	1 334 080 000,00
76	Vokatra ara-bola	50 077 753 000,00	87 134 598 332,00
77	Fidiram-bola tsy hetra	20 775 000 000,00	259 130 832 558,48
	<b>FITAMBARAMBE</b>	<b>4 138 077 586 000,00</b>	<b>3 859 402 819 795,39</b>

Loharanom-baovao: CGAF 2016

Ny fampidiram-bola ankapobeny tamin'ny taona 2016 dia nahatratra 3 859,40 lavitrisa Ariary, izany hoe taha 93,27% ; izany dia nahitana fihenana raha oharina tamin'ny 2015 izay 93,88%. Na dia teo aza izany fihenana'ny taha izany dia nitombo ny vola miditra.

Ny fahombiazan'ny zaba-bitra dia tsapa manokana teo amin'ny fampidiram-bola hetra sy ny fadin-tseranana, izay nahitana ny hetra avy amin'ny vola miditra sy ny tombony izay nitentina 876,90 lavitrisa Ariary. Tahaka izany koa tamin'ireo fampidiram-bola hafa, ny vokatry ara-bola sy ny fidiram-bola tsy hetra no tena nahomby indrindra, izay nitentina 87,13 lavitrisa Ariary sy 259,13 lavitrisa Ariary isan'isany. Nihoatra ny vinavina mihitsy ny zava-bitan'izy ireo tamin'ny taha 103,64%, 173,99% ary 1 247,62%.

Fanampin'izany, karazana fidiram-bola amin'ny hetra sy fadin-tseranana roa, hetra amin'ireo entana sy asa aman-draharaha sy hetra amin'ny varotra ivelany no nahitana taham-panatanterahana 94,88% sy 97,86% isan'isany, izay nitentina isan'isany 820,98 lavitrisa Ariary sy 1 633,01 lavitrisa Ariary.

Ambonin'izany, nahitana taham-panatanterahana 73,58% izay nitentina 23,98 lavitrisa Ariary ihany koa ny vola tafiditry ny hetra tamin'ireo fananana, andaniny, ary ireo fampidiran-ketra hafa izay nahitana fahombiazana 76,94% izay nitentina 14,24 lavitrisa Ariary, ankilany.

Farany, ny TAF dia tsy naminavina fampidiran-ketra avy amin'olon-tsotra, nefa dia nampiditra 1,33 lavitrisa Ariary izany hatramin'ny fiafaran'ny taona.

#### ***b. Fandanium-bolan'ny TAF***

##### ***i. Fandanium-bolan'ny TAF isaky ny Andrim-panjakana sy Ministera***

Raha jerena ny fandanium-bola tamin'ireo taon-dasa, indrindra fa ny 2014 sy 2015 izay nanana ny taha 77,71% sy 81,36%, hita fa nisy fihatsarana ny fampiasana ny tetibola 2016. Araka izany, tamin'ny fitambaran'ny tetibola 7 123 lavitrisa Ariary, 6 200 lavitrisa Ariary no nampiasaina, izay taham-pandaniana sora-bola 87,04%.

Ao anatin'ity fafana manaraka ity no nahitana manokana ny Ministeran'ny Rano, ny Fanadiovana sy ny Fidiovana izay nandany vola 43 lavitrisa Ariary nefa ny sora-bola nananany dia 41,9 lavitrisa Ariary, taham-pampiasana sora-bola 102,74%. Ity fihohan'ny fandanium-bola ity dia hita teo anivon'ny fandaharan'asa 205 « Fampivelarana ny fampidiran-drano sy ireo fotodrafitrasa fanadiovana » tao amin'ny DGCOUP (Direction Générale en charge de la Coordination des Organismes sous tutelle et des Unités de Gestion des Projets) momba ny famatsiam-bola avy any ivelany, izay tafakatra 21 lavitrisa Ariary ny fandanium-bola nataony manoloana ny sora-bola 12,7 lavitrisa Ariary nananany.

Tamin'ireo Andrim-panjakana 7 nisy tamin'ny 2016, 6 tamin'ireo no nanana ny taham-pandaniana sora-bola teo anelanelan'ny 80% sy 97%, toy ny CENI, FFM, Antenimieram-pirenena izay nahitana taha 97,37%, 96,22% ary 96,21% isan'isany.

Ministera 21 no nahavita fandanium-bola ambonin'ny 90% tamin'ireo 25 nahavita mihoatra ny 80%, ka ny Fanabeazam-pirenena sy ny Filaminam-bahoaka no lohalaharana araka izao manaraka izao : 99,9% (Fanabeazam-pirenena), 99,4% (Zandarmaria), 99,8% (Filaminam-bahoaka), 99,2% (Fiarovam-pirenena),

98,53% (Fampianarana Ambony). Raha antonony ihany ny fandaniahana ny sora-bola ho an'ireo ministera 7 tahaka ny Fahasalamam-bahoaka (68,08%), ny Atitany sy Fitsinjaram-pahefana (61,64%), ary ny Asa Vaventy (55, 92%) ; ambany kosa izany ho an'ireo departemanta 5 ambiny, indrindra ho an'ny Ministeran'ny Tontolo Iainana, ny Hai-voary ary ny Ala sy ny Ministeran'ny Angovo sy ny Akoranafo, izay nanana ny taham-pandaniahana sora-bola 18,63% sy 10,19%.

**Fafana 61** : Endrik'ireo fandanium-bola isaky ny Andrim-panjakana sy Ministera ho an'ny TAF 2016

KAODY MINISTERA	ANDRIM-PANJAKANA /MINISTERA	Amin'ny Ariary		Amin'ny %
		SORA-BOLA FARANY	FANDANIAM- BOLA	
01	FIADIDIANA NY REPOBLIKA	99 436 321 000,00	79 993 193 818,13	80,45
02	ANTENIMIERAN-DOHOLONA	15 553 755 000,00	14 228 818 973,40	91,48
03	ANTENIMIERAM-PIRENENA	45 032 093 000,00	43 325 673 998,80	96,21
04	FITSARANA AVO MOMBA NY LALAM-PANORENANA	6 150 491 000,00	5 758 608 729,80	93,63
05	FIADIDIANA NY PRAIMINISTRA	90 641 437 000,00	61 387 970 684,05	67,73
06	FILANKEVITRY NY FAMPHAVANANA MALAGASY	4 333 500 000,00	4 169 771 547,00	96,22
07	FILANKEVI-PIRENENA MAHALEOTENA MISAHANA NY FIFIDIANANA	4 800 000 000,00	4 673 664 637,00	97,37
11	MINISTERAN'NY RAHARAHAM-BAHINY	54 341 062 000,00	53 915 883 102,73	99,22
12	MINISTERAN'NY FIAROVAM-PIRENENA	186 793 144 000,00	185 349 607 886,06	99,23
13	SEKRETERAM-PANJAKANA EO ANIVON'NY MINISTERAN'NY FIAROVAM-PIRENENA MIADIDY NY ZANDARMARIA	174 430 661 000,00	173 514 569 030,43	99,47
14	MINISTERAN'NY ATITANY SY NY FITSINJARAM-PAHEFANA	187 559 155 000,00	115 615 587 370,11	61,64
15	MINISTERAN'NY FILAMINAM-BAHOAKA	97 446 577 000,00	96 769 073 668,14	99,30
16	MINISTERAN'NY FITSARANA	92 944 838 000,00	87 886 159 079,71	94,56
21	MINISTERAN'NY FITANTANAM-BOLA SY NY TETIBOLA	3 661 955 595 000,00	3 504 538 416 608,97	95,70
25	MINISTERAN'NY TOEKARENA SY NY TETI-PIVOARANA	11 472 701 000,00	10 749 927 373,13	93,70
32	MINISTERAN'NY ASAM-PANJAKANA SY NY FANAVAOZANA NY FITANTANAN-DRAHARAHA	15 730 897 000,00	14 513 958 531,46	92,26
34	MINISTERAN'NY INDOSTRIA SY NY FAMPANDROSOANA NY SEHATRA TSY MIANKINA	10 780 631 000,00	4 663 779 217,60	43,26
35	MINISTERAN'NY FIZAHAN-TANY	4 264 771 000,00	4 013 495 026,98	94,11
36	MINISTERAN'NY VAROTRA SY NY FANJIFANA	31 666 152 000,00	21 223 225 340,66	67,02
37	MINISTERAN'NY SERASERA SY NY FIFANDRAISANA AMIN'NY ANDRIM-PANJAKANA	11 075 679 000,00	10 847 778 910,80	97,94
41	MINISTERA EO ANIVON'NY FIADIDIANA NY REPOBLIKA MISAHANA NY FAMBOLENA SY NY FIOMPIANA	311 189 959 000,00	102 415 439 731,44	32,91
43	MINISTERAN'NY HARENA AN-DRANOMASINA SY NY JONO	16 509 388 000,00	11 219 260 303,79	67,96
44	MINISTERAN'NY TONTOLO IAINANA, NY HAI-VOARY ARY NY ALA	78 781 920 000,00	14 679 009 675,74	18,63
47	SEKRETERAM-PANJAKANA EO ANIVON'NY MINISTERAN'NY HARENA AN-DRANOMASINA SY NY JONO MISAHANA NY RANOMASINA	664 277 000,00	579 049 673,60	87,17
51	MINISTERAN'NY ANGOVO SY NY AKORAN' AFO	78 551 841 000,00	8 002 078 047,74	10,19
52	MINISTERAN'NY RANO SY NY FANADIOVANA ARY NY FIDIOVANA	41 948 168 000,00	43 098 359 144,48	102,74


Amin'ny Ariary

Amin'ny %

KAODY MINISTERA	ANDRIM-PANJAKANA /MINISTERA	SORA-BOLA FARANY	FANDANIAM- BOLA	TAHAM- PANAT
53	MINISTERA EO ANIVON'NY FIADIDIANA NY REPOBLIKA MISAHANA NY HARENA AN-KIBON'NY TANY SY NY SOLITANY	6 282 239 000,00	5 349 867 751,29	85,16
61	MINISTERAN'NY ASA VAVENTY	234 579 345 000,00	131 178 522 190,36	55,92
62	MINISTERA EO ANIVON'NY FIADIDIANA NY REPOBLIKA MISAHANA NY TETIK'ASAN'NY FILOHAM-PIRENENA, NY FANAJARIANA NY TANY ARY NY FAMPITAOVANA	137 518 739 000,00	102 347 429 218,79	74,42
63	MINISTERAN'NY FITATERANA SY NY FAMANTARANA NY TOETR' ANDRO	23 733 741 000,00	20 146 115 564,56	84,88
66	MINISTERAN'NY PAOSITRA SY NY FIFANDRAISAN-DAVITRA ARY NY FAMPANDROSOANA NY HAITAO ARA-KAJY MIRINDRA	1 458 389 000,00	1 364 884 711,80	93,59
71	MINISTERAN'NY FAHASALAMAM-BAHOAKA	316 814 134 000,00	215 694 056 031,08	68,08
75	MINISTERAN'NY TANORA SY NY FANATANJAHAN-TENA	19 010 269 000,00	17 835 172 960,34	93,82
76	MINISTERAN'NY MPONINA, NY FIAHIANA ARA-TSOSIALY ARY NY FAMPIROBOROBOANA NY VEHIVAVY	27 101 011 000,00	12 096 329 813,53	44,63
81	MINISTERAN'NY FANABEZAM-PIRENENA	800 622 931 000,00	799 942 833 521,96	99,92
83	MINISTERAN'NY ASA, FAMPINANARANA TEKNIKA ARY NY FAMPIOFANANA ARAK'ASA	38 330 293 000,00	35 997 540 566,47	93,91
84	MINISTERAN'NY FAMPINANARANA AMBONY SY NY FIKAROHANA SIANTIFIKA	174 255 248 000,00	171 700 984 594,62	98,53
86	MINISTERAN'NY KOLONTSAINA, FAMPIROBOROBOANA NY TAOZAVATRA ARY NY FIKAJIANA NY VAKOKA	9 554 227 000,00	9 221 707 481,24	96,52
<b>FITAMBARANY</b>		<b>7 123 315 579 000,00</b>	<b>6 200 007 804 517,80</b>	<b>87,04</b>

*Loharanom-baovao: BCSE 2016 tamin'ireo Andrim-panjakana/Ministera*

**Kisary 6 :** Taham-pandaniana ny sora-bola ho an'ireo Andrim-panjakana na Ministera



Loharanom-baovao: DGB

## ii. Fandaniam-bolan'ny TAF isaky ny sokajim-pandaniana

Raha ny vinavina dia ny lahasa andavanandro tsy karama no nandrafitra ny ampahany betsaka tamin'ny sora-bola rehetran'ny TAF, satria ny antsasaky ny tetibola no nomena azy, izay nitentina 3 452 lavitrisa Ariary. Nahitana fitomboana 30,5% ny sora-bolan'ny hana-pamokarana raha oharina tamin'ny taon-dasa, ka teo amin'ny 1 289 lavitrisa Ariary ary lasa 1 682 lavitrisa Ariary. Nahitana fiakaranana 24% sy 9,4% isan'isany ny zana-bolan'ny trosa sy ny fandoavana karama. Nefa, ireo lahasa fototra izay nitentina 400 tapitrisa Ariary dia nahena ho 96%, izany fampihenana izany dia tsapa nanomboka ny taona 2013.

Ny karama no lohalaharana tamin'ny fandaniana ny sora-bola nisokatra izay nanana taha 99,22%, arahin'ny fampandehanan-draharaha 98,68% . Raha nahitana fanatanterahana 100% ny fandaniam-bolan'ny fanitsiana ara-drafitra tamin'ny 2013 sy 2015, tsy tahaka izany kosa ny an'ny 2016 satria 31,78% tamin'ny sora-bolany ihany no laniny. Ny fanatanterahana ny tetik'asa fampiasam-bola dia 50,26%, izany hoe fiakaran'isa 5 mihoatra ireo taona roa farany.


**Fafana 62** : Taham-panatanterahana isaky ny sokajim-pandaniam-bolan'ny TAF

Amin'ny Ariary

FITANISANA	SORA-BOLA FARANY	FANDANIAM-BOLA	TSY NAMPIASAINA	TAHAM-PANATANTERAHANA (%)
Lahasa mahazatra – Zanabolan'ny trosam-panjakana	322 696 997 000,00	294 758 811 351,40	27 938 185 648,60	91,34
Lahasa mahazatra – Karama	1 665 225 000 000,00	1 652 211 286 515,60	13 013 713 484,40	99,22
Lahasa mahazatra tsy Karama	3 452 735 003 000,00	3 407 326 452 990,34	45 408 550 009,66	98,68
Lahasa mahazatra momba ny rafitra	400 000 000,00	127 102 737,00	272 897 263,00	31,78
Lahasan'ny hana-pamokarana	1 682 258 579 000,00	845 584 150 923,45	836 674 428 076,55	50,26
<b>FITAMBARAMBE</b>	<b>7 123 315 579 000,00</b>	<b>6 200 007 804 517,79</b>	<b>923 307 774 482,21</b>	<b>87,04</b>

*Loharanom-baovao : DGB*

**Kisary 7** : Fandaniana isaky ny sokajim-pandanian'ny TAF mihoatra amin'ny sora-bola farany



*Loharanom-baovao: DGB*

**iii. Fandanian'ny Fampandehanan-draharahan'ny TAF isaky ny karazan-kaonty goavana**

Ny fanatanterahana ankapobeny ny fandania andavanandro tsy karama dia nahatratra 3 407 lavitrisa Ariary, na taham-pandania ny sora-bola 98,68%.

Tao anatin'ny 3 453 lavitrisa Ariary ho an'ny fandania-bolan'ny fampandehanan-draharaha, ny 60% dia natokana ho amin'ny fandania mikasika ny « Entana sy Asa aman-draharaha », izay nitentina 2 054 lavitrisa Ariary. Tsy niova loatra io taha io raha oharina tamin'ny taon-dasa. Nefa kosa nihena 2,34% ny habetsahan'ny sora-bola.

Na dia teo aza ny fiakarana 7,4% tamin'ny sora-bolan'ny « Tambin-karama », mbola kely hatrany ny anjarany ary tsy nahatratra afa tsy 4% tamin'ny sora-bola rehetra tao amin'ny TAF. Ny ampahany betsaka tamin'ny sora-bola dia natokana ho amin'ny fandoavana ny tambin-karaman'ny mpiasam-panjakana. Ny fitambaran'ny Tambin-karama ho an'ny mpikamban'ny Andrim-panjakana sy ho an'ny mpiasa tsy raikitra dia nahatratra 57 lavitrisa Ariary, izany hoe salan'ny taham-panatanterahana 91%. Tsy nisy afa tsy 3% tamin'ny sora-bola rehetra ny sora-bola fiahiana ara-tsosialy ikambanan'ny CNaPS, latsak'emboka hitsinjovana ny fisotroan-dronono sy ny CRCM, ka ny taham-pandania dia 61,26%.

Tao anatin'ny sora-bola 1 255 lavitrisa Ariary izay 36,37% tamin'ny tetibola, izay natokana ho an'ny « Famindram-bola », ny 99,23% tamin'izany no lany ny fiafaran'ny taona. Nahitana fihenana 3,26%

izany raha ampitahaina tamin'ny taon-dasa. Ity kaonty ity dia ivondronan'ny fanampiana ny sehatra tsy miankina, ny famindram-bola ho amin'ny fandania mikasika ny asam-panjakana sy ny fandoavana ireo zo tsy azo lavina, kaonty izay nandrafitra ny 84% tamin'ireo sora-bola voakasik'izany. Ny anjara sora-bola nomena ireo sokajim-pamindram-bola hafa dia latsaky ny 5%, tahaka ny famindram-bola ho an'ny kaominina 2,55%, anjara adidy iraisam-pirenena 2,01% ary fidirana hopitaly 1,94%.


**Fafana 63** : Endriky ny fandaniam-bolan'ny fampandehanan-draharaha isaky ny karazan-kaonty goavana

Amin'ny Ariary

KAONTY	SORA-BOLA FARANY	FANDANIAM-BOLA	TAHAM-PANATANTERAHANA	% tamin'ny sora-bola	% tamin'ny fandania
ENTANA SY RAHARAHANA	2 054 177 427 000,00	2 027 452 464 737,80	98,70	59,49	59,50
TAMBIN-KARAMA	143 152 375 000,00	133 889 348 504,65	93,53	4,15	3,93
FAMINDRAM-BOLA	1 255 805 201 000,00	1 246 111 742 484,89	99,23	36,37	36,57
<b>FITAMBARAMBE</b>	<b>3 453 135 003 000,00</b>	<b>3 407 453 555 727,34</b>	<b>98,68</b>	<b>100,00</b>	<b>100,00</b>

*Loharanom-baovao: DGB*

**Kisary 8** : Fandaniam-bolan'ireo kaonty goavana oharina amin'ny sora-bola farany



*Loharanom-baovao: DGB*

#### iv. Fandanian'ny PIP isaky ny karazana famatsiam-bola

Raha novinavinaina ho vatsiana tamin'ny loharanom-bola avy any ivelany ny PIP tamin'ny fiantombohan'ny taona (Fanampiana sy findramam-bola), ka teo ho eo amin'ny 70,68% ny fitambaran'ny fanomezana novinavinaina momba izany, tsy tanteraka anefa izany raha ny zava-misy no jerena.

Araka izany, ny fandania tamin'ny PIP dia nahatratra 845 lavitrisa Ariary tao anatin'ny sora-bola ankapobeny 1 682 lavitrisa Ariary, ka ny 78% tamin'izany dia avy tamin'ny loharanom-bola anatin'ny ary ny 38,47% tamin'ny loharanom-bola avy any ivelany. Nahitana fiakaran'isa 15 ny taham-panatanterahana ny fandanium-bola izay 50,26%, vokatry ny fampiasana araka ny tokony ho izy ireo famatsiam-bola avy any ivelany. Araka izany, ny taham-pahatanterahan'ireo fanampiana dia teo anelanelan'ny 8% hatramin'ny 29% ary 27% hatramin'ny 49% ho an'ny fitrosana. Raha nihoatra ny sora-bola foana ny fandanium-bola ankapobeny mikasika ny DTI, nanamarika ny taona 2016 kosa ny fifehezana ny fandanium-bola, satria ny taham-pandania tamin'ny sora-bola dia 65%. Marihina fa ireto vokatry ireto dia notsoahina tamin'ny fandraiketana ny vola aloa avy amin'ny famatsiam-bola ivelany ataon'ny tetik'asa.

Ny fafana sy ny kisary manaraka dia maneho ny endriky ny PIP isaky ny karazana famatsiam-bola.


**Fafana 64** : Fandanium-bola PIP ho an'ny tetibola ankapobe isaky ny karazana famatsiam-bola

Amin'ny Ariary

ANARAN'NY FAMATSIAM-BOLA	SORA-BOLA FARANY	FANDANIAM-BOLA	Taham-panatanterahana (%)
Loharanom-bola anatin'ny madiodio	327 931 269 000,00	303 050 625 001,51	92,41
Haba sy hetra avy amin'ny fanafaran'entana	72 010 000 000,00	47 139 677 384,00	65,46
Haba amin'ny tataom-bidy	80 405 476 000,00	31 083 214 718,43	38,66
Tamberin'ny vidin'entana	12 812 739 000,00	6 827 847 075,69	53,29
<b>Fitambaran'ny PIP ANATINY</b>	<b>493 159 484 000,00</b>	<b>388 101 364 179,63</b>	<b>78,70</b>
FANAMPIANA	636 119 019 000,00	186 259 794 996,89	29,28
FINDRAMAM-BOLA	552 980 076 000,00	271 222 991 746,93	49,05
<b>Fitambaran'ny PIP IVELANY</b>	<b>1 189 099 095 000,00</b>	<b>457 482 786 743,82</b>	<b>38,47</b>
<b>FITAMBARAMBE</b>	<b>1 682 258 579 000,00</b>	<b>845 584 150 923,45</b>	<b>50,26</b>

*Loharanom-baovao: DGB*

**Kisary 9** : Taham-panatanterahana ny PIP ho an'ny tetibola ankapobe oharina amin'ny sora-bola farany



*Loharanom-baovao: DGB*

**v. Fandanian'ny TAF isaky ny faritra sy ny foibe mpitantana kaonty**

Nahitana fitomboana avokoa ny sora-bola nomena ireo faritra rehetra raha oharina tamin'ny 2015, ankoatra ireo faritra 6 izay renivohi-paritany taloha. Ny sasan-tsasany tamin'izy ireo dia nahazo fitomboana mihoatra ny 50% toa an'i Bongolava, Menabe, Sofia. Ho an'ireo faritra enina voalaza etsy ambony kosa dia nihena be ny sora-bola azony, toa an'Analamanga izay nanana 119 lavitrisa Ariary ka lasa 20 lavitrisa Ariary tamin'ny 2016. Izany hoe fihenana 83%. Izany no nahatonga ny fitambaran'ny sora-bola ankapobeny tsy nahatratra afa tsy 280 lavitrisa Ariary, izany hoe fihenana 55%.

Araka ity fafana eto ambany ity, ny faritra Atsimo Andrefana no voalohan-daharana voalazan' ity fizaran-tetibola ity, izay nahazo sora-bola 66 lavitrisa Ariary. Ny CIRFIN Nosy Be kosa no nahazo sora-bola kely indrindra izay 1 lavitrisa Ariary.

**Fafana 65** : Fampitahana ny sora-bola nomena ireo faritra 22 sy ny CIRFIN Nosy Be

Amin'ny Ariary


FARITRA	SORA-BOLA FARANY 2015	SORA-BOLA FARANY 2016
ALAOIRA MANGORO	10 257 573 000,00	13 685 502 000,00
AMORONI MANIA	4 490 252 000,00	7 538 933 000,00
ANALAMANGA	119 268 948 000,00	20 215 269 000,00
ANALANJIROFO	6 129 592 000,00	11 448 957 000,00
ANDROY	4 373 320 100,00	6 247 702 000,00
ANOSY	3 956 519 000,00	7 055 328 000,00

FARITRA	SORA-BOLA FARANY 2015	SORA-BOLA FARANY 2016
ATSIMO ANDREFANA	165 450 177 000,00	66 173 247 000,00
ATSIMO ATSIANANA	4 958 202 000,00	8 530 258 000,00
ATSIANANA	73 296 393 128,00	13 538 367 000,00
BETSIBOKA	1 617 495 000,00	3 755 435 000,00
BOENY	61 990 816 000,00	9 658 346 000,00
BONGOLAVA	1 805 929 800,00	5 650 772 000,00
DIANA	35 547 728 210,00	8 640 152 000,00
HAUTE MATSIATRA	80 893 107 000,00	12 377 474 000,00
IHOROMBE	2 246 375 000,00	3 794 024 000,00
ITASY	4 671 564 000,00	7 288 955 000,00
MELAKY	2 009 829 000,00	3 973 264 000,00
MENABE	9 123 421 000,00	18 459 860 000,00
CIRFIN NOSY BE	576 411 000,00	1 138 404 000,00
SAVA	6 842 863 790,00	8 962 265 000,00
SOFIA	6 582 890 000,00	13 872 170 000,00
VAKINANKARATRA	7 651 879 200,00	13 533 957 000,00
VATOVAVY FITOVINANY	7 769 164 000,00	14 843 840 000,00
<b>FITAMBARAMBE</b>	<b>621 510 449 228,00</b>	<b>280 382 481 000,00</b>

Loharanom-baovao: DGB

Ny kisary manaraka no maneho ny fihenana'ny sora-bola tamin'ireo renivohi-paritany 6 taloha.


**Kisary 10** : Fampitahana ny sora-bola 2015 sy 2016 natokana ho an'ireo renivohi-paritany 6 taloha



Loharanom-baovao: DGB

Nahitana fiakarana 55% ny tetibola nomena ireo foibe mpitantana kaonty (PGA, ACCPDC, TM) raha oharina tamin'ny taon-dasa, izay nitentina 6 842 lavitrisa Ariary. Ny ACCPDC sy ny PGA dia nahitana fitomboana 74% sy 58% isan'isany raha toa ka teo anelanelan'ny 23% sy 35% kosa ny an'ireo TM. Lehibe ny anjaran'ny PGA tao anatin'izany rehetra izany satria 88,4% tamin'ireo sora-bola ireo. Tsy nanana afa tsy ampahany kely kosa ireo fitantanana kaonty hafa, toy ny ACCPDC izay tsy nanana afa tsy 0,24%. Ny kisary manaraka no anehoana ny anjaran'ny Fitantanana kaonty tamin'ny 2016.

**Kisary 11** : Anjaran'ireo foibe mpitantana kaonty tamin'ny 2016



*Loharanom-baovao: DGB*

Sora-bola 212 lavitrisa Ariary no lany tamin'ny 280 lavitrisa Ariary nomena ireo faritra sy ny CIRFIN Nosy Be, izany hoe taham-panatanterahana 75,84%. Faritra 14 no nahatratra ny tsipiky ny 90% ka ny faritra Analamanga no nahatratra ny tendro 98,02%. Faritra roa (02), dia Atsimo Andrefana sy Menabe no tsy nahatratra afa tsy 45%.

Ny fafana manaraka dia mamintina ny fanatanterahana ireo fandanium-bolan'ny faritra.

**Fafana 66** : Endriky ny fandanium-bolan'ny TAF isaky ny faritra

FARITRA	SORA-BOLA FARANY	FANDANIAM-BOLA	TAHAM-PANATANTERAHANA (%)
ALAOTRA MANGORO	13 685 502 000,00	9 042 130 658,80	66,07
